UNIVERSITE D’ANTANANARIVO

Ecole Normale Supérieure

Département de la Formation Initiale Littéraire

C.E.R Langue et lettres malgaches

Andiany MAMITA

❖

Mémoire de fin d’études pour l’obtention du

**C**ertificat d’**A**ptitude **P**édagogique de l’**E**cole **N**ormale

(C.A.P.E.N)

# NY FINOANA ÔRTÔDÔKSA ETO MADAGASIKARA TARAFINA AMIN`NY FIANGONANA ÔRTÔDÔKSA ANTANIMENA:

## FIVOARANY SY ENDRIKA ISEHOANY ANKEHITRINY

Présenté par:

VELONJANAHARY Darhelle Marie

Directeure de mémoire : Madame SOLO-RAHARINJANAHARY RAHARIMALALA Anatolie, Professeure titulaire et de direction de recherche à l’Université d’Antananarivo

Ecole Normale Supérieure

11 Juin 2015

UNIVERSITE D'ANTANANARIVO

Ecole Normale Supérieure

Département de la Formation Initiale Littéraire

C.E.R Langue et Lettres Malgaches

Andiany MAMITA

❖

Mémoire de fin d'études pour l'obtention du

**C**ertificat d'**A**ptitude **P**édagogique de l'**E**cole **N**ormale

# NY FINOANA ÔRTÔDÔKSA ETO MADAGASIKARA TARAFINA AMIN`NY FIANGONANA ÔRTÔDÔKSA ANTANIMENA:

## Fivoarany sy endrika isehoany ankehitriny




Présenté par:

VELONJANAHARY Darhelle Marie

Directeure de mémoire : Madame SOLO-RAHARINJANAHARY RAHARIMALALA Anatolie, Professeure titulaire et de direction de recherche à l'Université d'Antananarivo


Ecole Normale Supérieure

11 Juin 2015

UNIVERSITE D'ANTANANARIVO

Ecole Normale Supérieure

Département de la Formation Initiale
Littéraire

C.E.R Langue et Lettres Malgaches

Andiany MAMITA

❖

Mémoire de fin d'études pour l'obtention du

**C**ertificat d'**A**ptitude **P**édagogique de l'**E**cole **N**ormale

# NY FINOANA ÔRTÔDÔKSA ETO MADAGASIKARA TARAFINA AMIN`NY FIANGONANA ÔRTÔDÔKSA ANTANIMENA:

## Fivoarany sy endrika isehoany ankehitriny



Présenté par:

VELONJANAHARY Darhelle Marie

Directeure de mémoire : Madame SOLO-RAHARINJANAHARY RAHARIMALALA Anatolie,
Professeure titulaire et de direction de recherche à l'Université d'Antananarivo

Ecole Normale Supérieure

11 Juin 2015

TENY FISAORANA

*Alohan' ny hanolorana ny asa fikarohana dia sitrakay ny maneho etoana ny fisaorana sy ny fankasitrahana ho an' ireo sokajina olona samihafa niara-*niasa *taminay ka nahatontosana izao asa izao.*

*Tolorana fisaorana araka izany :*

*- Andriamatoa RAKOTONDRASOA Lala Modeste, nanaiky ho filoha mpitarika ny fanohanana ny ity asa fikarohana ity. Mankasitraka , mankatelina.*

*- Andriamatoa RANDRIAMAHAZO Jean Claude, nahafoy fotoana ary nanana fandavan-tena tamin' ny fitsarana sy fanatsarana izao asa izao. Misaotra eram- po eran- tsaina.*

*- Ny hazo no vanon-ko lakana, hono, ny tany naniriany no tsara. Koa raha tontosa izao asa fikarohana izao dia noho Ramatoa RAHARINJANAHARY RAHARIMALALA Anatolie. Fisaorana lehibe tokoa no atolotray anao. Tsy nikely aina sy hasasarana tokoa ianao nitantana sy nanoro làlana anay nandritra ny famolavolana izao fikarohana izao.*

*Tsy hainay ihany koa ny tsy hankasitraka anareo mpampianatra eto anivon'ny sekoly fa indrindra ianareo mpampianatra ato amin'ny sampana malagasy. Ny fahalalana avy aminareo no fototra nampisy izao asa fikarohana izao.*

*Hisaorana koa ny mômpera Ôrtôdôksa sy ireo mpino ao aminy, nanaiky nanaovanay izao asa izao. Misaotra indrindra tompoko.*

*Tsy hadinoina koa anefa ireo mpiara- mianatra taminay: Ny andiany MAMITA izay nifanohana sy nifanome tanana nandritra ny fotoam- piofanana.*

*Fa tsy azo hadinoina koa ny namana sy tapaka, ny Ray aman-dreny, ny iray tampo, izay nanampy sy nampahery anay hatrany na mivantana na ankolaka nandritra ny fanatontosana ity asa fikarohana ity. Toy ny fary lava vaniny, hono, ny fisaorana ka tsy lany hamamiana. Koa isaorana eram-po eran-tsaina ianareo rehetra.*

*Misaotra tompoko* VELONJANAHARY Darhelle Marie

LISITRY NY DIKAN-TENY

Object: ny iantefan'ny finoana amam-pivavahana

Sujet: mpandray anjara

Génies : fanahy

Dieu : Andriamanitra

Mythe : anganom-baviantitra

Pratique: fomba iainana toe-javatra iray

Culte : fankalazana an'Andriamanitra

Rite : fomba amam-panao

Dynamique : hetsika atao

Relationnelle : fifandraisana

Critique : tsikera

LISITRY NY KISARY

Kisary 1: Rafi-pitantanana ao amin`ny fiangonana Ôrtôdôksa .................... 73
Kisary 2: Rafitra ao anatin`ny fiangonana .................... 74
Kisary 3 : kisary maneho ny firafitry ny fiangonana Ôrtôdôksa .................... 79

LISITRY NY SARY

Sary 1: Papa François sy ny “Patriarche” Bartholome 25-26 May 2014 ...................................... 33

Sary 2 sy 3: centre de sante orthodoxe Alasora ........................................................................... 56

Sary 4: trano lehibe misy ny sekoly akanin-jaza sy ny toerana fatorian’izy ireo ary ny toeram-pisakafoanana eny Alasora ..................................................................................... 57

Sary 5: Hospice Alasora............................................................................................................... 58

Sary 6: Sanctuaire ..…………………………………………………………………..82

Sary 7: Hôtely .............................................................................................................................. 82

Sary 8: “ Icônostase”.................................................................................................................... 83

Sary 9: Jesoa Kristy sy Joany mpanao batisa .............................................................................. 84

Sary 10: La dormition de la mère de Dieu ................................................................................... 85

Sary 12: Fitoeran`ny mpivavaka .................................................................................................. 86

Sary 13 : Jiro ................................................................................................................................ 87

Sary 14: Fanariam-pako……………………………………………………………...87

Sary 15: Fandrotsahana rakitra .................................................................................................... 88

Sary 17: Ratsan-tanana telo......................................................................................................... 92

Sary 18: XC: Xcristus (Kristy)..................................................................................................... 92

Sary 19: Seminera Teôlôjika Md Joany Teôlôjianina ................................................................. 98

Sary 20: Sarin`ireo seminarista malagasy. ................................................................................... 99

Sary 21: Batemy katôlika Ôrtôdôksa ......................................................................................... 121

Sary 22: Batemy Katôlika Rômana ............................................................................................ 122

## LISITRY NY SARINTANY

Sarintany 1: Commune urbaine d'Antananarivo renivohitra ...................................................... 101
Sarintany 2: fokontany Antanimen ........................................................................................ 102

## LISITRY NY FAFANA

Fafana1: ireo firenena mpandala ôrtôdôksia ........................................................................ 65
Fafana 2: ireo zanaka ampielezana (diaspora) ..................................................................... 66
Fafana 3 : iraka (missions) ..................................................................................................... 67
Fafana 4 : Ireo faritra sy toerana ahitana ny Fiangonana Ôrtôdôksa .......................................... 95
Fafana 5 : fampitahana ny Fiangonana Ôrtôdôksa, Rômana ary Prôtestanta ............................ 131

FANONDROAN-TAKILA

0 TENY FAMPIDIRANA .......... 1
0.1 Ny petraka olana .......... 1
0.1.1 Ny sehatra nirotsahana sy ny lohatenin`ny asa fikarohana.......... 1
0.1.2 Ny anton`ny safidy.......... 2
0.2 Ny petraka hevitra .......... 3
0.3 Ny zava-kendren`ny asa fikarohana .......... 3
0.4 Ny haitsikera ampiasaina .......... 4
0.5 Ireo tebo-kevitra tsara ho fantatra .......... 4
0.5.1 Ara-piforonan-teny.......... 4
0.5.2 Ara-kevitra.......... 5
0.6 Ny fomba nentina nanaovana ity asa fikarohana ity .......... 7
0.7 Ny olana nosedraina .......... 8
0.8  Ny vahaolana noraisina .......... 9
0.9 Ny fetran`ny asa .......... 9
0.10 Ny drafitry ny asa fikarohana .......... 10
FIZARANA VOALOHANY
1 - NY HAITSIKERA SY NY TEORIA IFOTORAN'NY ASA FIKAROHANA .......... 11
1.1 NY ANTRÔPÔLÔJIA MANDALINA NY FINOANA AMAM-PIVAVAHANA .......... 11
1.1.1 Ireo singa mamaritra ny finoana amam-pivavahana .......... 13
1.1.1.2 Ny iantefan'ny finoana amam-pivavahana .......... 13
1.1.1.2 Ny mpandray anjara amin'ny fivavahana .......... 15
1.1.2 Ny  endrika isehoan`ny fivavahana .......... 16
1.1.3 Ny anjara asan`ny fivavahana .......... 17
1.2 IREO HAITSIKERA HAMPIHARINA ATO AMIN`ITY ASA FIKAROHANA ITY .......... 19
1.2.1  Ny haitsikera araka anjara asa .......... 19
1.2.1.1 Ny hevitra fototra ijoroan`ny fônksiônalista .......... 19
1.2.1.2  Ny haitsikera araka anjara asa nampiharin`i MALINOWSKI Bronislaw.......... 21

1.2.2 Antrôpôlôjia baikoin`ny hetsika ........................................................................ 22
1.2.2.1 Ireo mpialoha lalana ny haitsikera baikoin'ny hetsika ............................................23
1.2.2.2 Ny hevitra voiziny.......................................................................................................23
FEHIN`NY FIZARANA VOALOHANY ....................................................................... 26
FIZARANA FAHAROA
2 - NY TANTARAN`NY FIANGONANA ÔRTÔDÔKSA SY NY FIVOARANY ................... 27
2.1 NY FIANGONANA NIPOIRAN`NY ÔRTÔDÔKSA MANERAN-TANY……. .......... 27
2.1.1 Fanazavana fohy ny maha tokana masina katôlika sy apôstôlika ny Fiangonana Ôrtôdôksa.................................................................................................................. 28
2.1.2 Ny tsy fifankazahoana teo amin`ny Tandrefana sy ny Tatsinanana ............................ 29
2.1.2.1 Ny fanindrahindrana ny Papa.....................................................................29
2.1.2.2. Ny fanampiana hevitra ao amin`ny Fiekem-pinoana ...........................................31
2.1.2.3 Ny fisarahana lehibe.................................................................................................32
2.1.2.4 Ireo fivakiana tao amin`ny Tandrefana ....................................................................34
2.1.3 Fototra iorenan`ny fiangonana Ôrtôdôksa ................................................................ 37
2.1.3.1 Famaritana ny "konsily" .........................................................................................38
2.1.3.2 Ny kônsily Fito ........................................................................................................39
2.1.3.3 Ireo lova masina.......................................................................................................41
2.1.3.4 Ny foto-pinoan`ny Fiangonana Ôrtôdôksa...............................................................44
2.2 NY TANTARAN`NY NAHATONGAVAN`NY FIANGONANA "ORTHODOXE" TETO MADAGASIKARA…………………………………………………………......... 50
2.2.1 Ny tantaran`ny Fiangonana Ôrtôdôksa ao Antanimena............................................... 50
2.2.1.1 Lamina napetraky ny fanjakana Malagasy ho an`ireo fiangonana misy eto Madagasikara. ...........................................................................................................53
2.2.2 Ny fivoaran`ny Fiangonana Ôrtôdôksa teto Madagasikara ........................................ 55
2.2.3 Antony hafa nahatonga ny fivoarana teo amin`ny fiangonana Ôrtôdôksa teto Madagasikara ......................................................................................................... 59
2.3 NY FIANGONANA ÔRTÔDÔKSA ANKEHITRINY…………………………… ....... 62
2.3.1 Ny zava-misy ao amin'ny fiangonana Ôrtôdôksa ankehitriny .................................... 62
2.3.2 Ny Fiangonana Ôrtôdôksa maneran-tany ................................................................... 65
FAMINTINANA NY FIZARANA FAHAROA ............................................................... 69

FIZARANA FAHATELO

3- NY MOMBA NY FIANGONANA ÔRTÔDÔKSA ............................................................ 70
3.1 NY FIRAFITRY NY FIANGONANA………………………………………………......... 70
3.1.1 Ireo rafitra sy fifandaminan`ny Fiangonana Ôrtôdôksa.............................................. 70
3.1.1.1 Rafitra misy ao amin`ny Fiangonana Ôrtôdôksa ...................................................72
3.1.1.2 Ny rafi-pitantanana isaky ny fiangonana ..............................................................74
3.1.2 Ireo lafin-javatra manodidina ny fombafombam-pivavahana amin`ny ankapobeny ........................................................................................................... 78
3.1.2.1 Ny trano fiangonana..........................................................................................78
3.1.2.2 Ny toerana anatanterahan`ny Ôrtôdôksa ny fotoam-pivavahana .............................92
3.2 NY VONDRON`NY MPINO……………………………………………………. .......... 94
3.2.1 Ny Ôrtôdôksa eto Madagasikara.......................................................................... 94
3.2.1.1 Ireo toerana ahitana ny Fiangonana Ôrtôdôksa manerana ny Nosy.........................95
3.2.1.2 Famariparitana fohy ny toerana misy ny Ôrtôdôksa ao Antanimena......................99
3.2.1.3 Ny isan`ny mpino sy ny mombamomba azy........................................................103
3.2.1.4 Ny antony nahatonga ireo olona ifampidinihana ho mpino Ôrtôdôksa .................104
3.2.1.5 Ny fombafomba fiainan`izy ireo amin`ny andavanandro .....................................105
3.2.1.6 Ny fanabeazana ao amin`ny Ôrtôdôksa ...............................................................106
3.3 NY FOMBAFOMBAM-PIVAVAHANA…………………………………….. ......... 107
3.3.1 Ny endrika isehoan`ny fombam-pivavahan`ny Ôrtôdôksia...................................... 108
3.3.1.1 Fotoana anatanterahana ny fotoam-pivavahana ....................................................108
3.3.1.2 Ny fizotran`ny fotoam-pivavahana ao amin`ny Fiangonana Ôrtôdôksa ...............109
3.3.1.3 Ny Litorijia.......................................................................................................111
3.3.1.4 Ny fihetsiky ny mpiangona mandritra ny fotoam-pivavahana...............................113
3.3.1.5 Ny fitaovana ampiasaina rehefa mivavaka .........................................................114
3.3.2 Ny fahasamihafana misy eo amin`ny Ôrtôdôksa sy ny finoana hafa ........................ 115
3.3.2.1 Ny Fiangonana katôlika Rômana sy ny Katôlika Ôrtôdôksa ................................115
3.3.2.2 Ireo antony hafa manavaka azy ireo...................................................................123
3.3.2.3 Ny fiangonana protestanta sy ny fiangonana ôrtôdôksa........................................125

3.3.2.4 Fafana fampitahana ........................................ 131
FAMINTINANA NY FIZARANA FAHATELO ........................................ 138
TENY FAMARANANA ........................................ 139
BOKY SY TAHIRIN-KEVITRA ........................................ 141
TOVANA
FAMINTINANA FAOBE

# TENY FAMPIDIRANA

## 0- TENY FAMPIDIRANA

Ho famaranana ny taom-piofanana eto amin'ny Ecole Normale Supérieure dia tsy maintsy manao andra-pikarohana ny mpianatra tafita amin'ny taona fahadimy. Izany indrindra no antom-pisian`ity boky ity. Ato amin'ity teny fampidirana ity no hahitantsika ny petraka olana, ny sehatra irotsahana sy ny lohatenin'ity asa fikarohana ity. Aorian'izany, dia hijery ny anton'ny safidy sy ny zava-kendren'ny asa fikarohana ombam-petraka hevitra isika. Hamaranana izao teny fampidirana izao ny filazana ny haitsikera ampiharina amin'ny asa fikarohana sy ny fomba fiasa, sy ny olana nosedraina sy ny vahaolana, sy ny fetran'ny asa ary ny drafitr'ity asa fikarohana ity.

Inona àry ny petraka olana azo aroso momba ity asa fikarohana ity?

### 0.1 Ny petraka olana

Ho an`ny eto Madagasikara manokana dia hita fa maro be ary azo isafidianana mihitsy ireo karazam-piangonana. Samy manao izay zavatra mety rehetra, na eo amin`ny lafiny fitoriana izany na koa eo amin`ny lafiny fitafy mba handresen-dahatra ny olona hiditra ho mpikambana ao aminy. Tsy mba toy izany anefa ny an`ity Fiangonana Ôrtôdôksa ity, satria dia hatramin`izay 66 taona nahatongavany teto Madagasikara izay, dia mbola tsy nahenoana feon`ny fitoriana na fitarihana ny olona hivavaka sy hiditra ho mpikambana ao aminy izy ireo. Tato anatin'ny 10 taona teo ho eo anefa izay dia hita taratra ny fitsanganan'ny trano fiangonana eran'ny Madagasikara. Fa inona no zava-nisy ka antony nahatonga izany?

#### 0.1.1 Ny sehatra nirotsahana sy ny lohatenin`ny asa fikarohana

Maro ireo lalam-piofanana azo natao tao amin`ny Ecole Normale Superieure, fa ny Teny sy Soratra Malagasy no narahinay. Ao anatin`ity sampam-pianarana ity no nandinihana ny Riba, ny Literatiora, sy ny Haiteny ary ny Haifampianarana.

Ny antrôpôlôjia izay zana-taranja ao anatin`ny Riba no iompanan`ny fanadihadiana ataonay. Ahitana sehatra maro ao amin`io antrôpôlôjia io fa ny antrôpôlôjia mandalina ny finoana amam-pivavahana no anompananay ity asa fikarohana ity. Lafin-javatra maro no azo dinihina ao amin`ny antrôpôlôjia mandalina ny finoana amam-pivavahana, fa ny hodinihinay manokana dia ny mahakasika ny finoana ôrtôdôksa. Ny lohahevitr`ity asa fikarohana ity araka izany dia **" Ny finoana Ôrtôdôksa eto Madagasikara: Fivoarany sy endrika isehoany."**

### 0.1.2 Ny anton`ny safidy

Antony telo no nisafidiananay ny lohahevitra efa voalaza tetsy ambony.

0.1.2.1 Antony teo amin`ny taranja

Maro ireo taranja nianarana tato amin`ny sampana Teny sy Soratra Malagasy, samy tsara sy nahafa-po avokoa ireo saingy ny sampana antrôpôlôjia no niantefan`ny safidinay noho izy efa nianarana hatrany amin`ny taona voalohany ary nitohy hatrany amin`ny taona fahefatra, sy noho izy azo lazaina ho voafehinay kokoa raha oharina amin`ny taranja hafa. Nandritra izay efa-taona izay dia tsapa fa mahaliana ny fampianarana sy ny fahalalana azo avy ao.

0.1.2.2 Antony teo amin`ny lohahevitra

Amin`ny ankapobeny sy araka ny fahalalanay, raha oharina amin`ireo fikarohana maro momba ireo karazam- piangonana misy eto Madagasikara dia azo lazaina ho mbola tsy nisy nikaroka mihitsy ity Fiangonana Ôrtôdôksa eto Madagasikara ity. Noho izy tsy dia faheno sy fandre matetika eto amin`ny Nosy. Ankoatra izay anefa dia efa nisy ny nikaroka ny momba ny Fiangonana Ôrtôdôksa any ivelany toa ny any Bulgarie. Fikarohana izay nifantoka tanteraka teo amin`ny lafiny ara-teôlôjia. Maro ireo mpanoratra boky momba ny ôrtôdôksa any ivelany toa an`i

- MILKA ANDONOVA HRISTOVA : ***les nouveaux mouvements religieux défi pour l'Eglise orthodoxe bulgare***, Fribourg 2007

Ankoatra azy io dia ireo teôlôjianina ao amin`ny fiangonana Ôrtôdôksa no tena manoratra boky momba azy. Araka izany, ity asa fikarohana ataonay ity, dia azo lazaina ho miavaka noho izy ity afantoka manokana eto Madagasikara, fa indrindra ny Fiangonana Ôrtôdôksa ao Antanimena Behoririka.

0.1.2.3 Anton`ny safidy teo amin`ny toerana

Antony roa no nisafidianana ity toerana ity. Voalohany amin`izany ny maha fiangonana voalohany azy, izany hoe; izy no fiangonana Ôrtôdôksa naorina voalohany indrindra teto Madagasikara. Manaraka izany, dia noho izy ao anatin`ny toerana azo ivezivezena tsara satria manamorona ny fialana amin'ny fiara fitaterana. Izany fahamoran'ny fivezivezena izany dia nampitombo ny faharisihana tato aminay tamin'ity lohahevitra ity.

**0.2 Ny petraka hevitra**

Iharan`ny fiovana sy fivoarana ny zava-drehetra sy ny fiarahamonina, ka azo antoka fa misy ny fiovana sy ny fivoarana eo amin`ny fiangonana Ôrtôdôksa eto Madagasikara. Izany fiovana sy fivoarana izany dia avy amin`ny zava-nisy eran-tany teo amin`io fiangonana io, sy avy amin`ny zava-nisy tao amin`ny fiangonana Ôrtôdôksa ihany fa teto Madagasikara.

**0.3 Ny zava-kendren`ny asa fikarohana**

Amin`ny maha fanadihadiana ity asa fikarohana ity dia tsy maintsy misy ny zava-kendrena, koa eto ary, ny kendrena amin`ity asa fikarohana ity dia ny fampahafantarana ny fiangonana Ôrtôdôksa eto Madagasikara sy koa, ho fanehoana amin`ireo mpino sy tsy mpino Ôrtôdôksa rehetra ny momba ny finoana Ôrtôdôksa.

## 0.4 Ny haitsikera ampiasaina

Ny Antrôpôlôjia mandalina ny finoana amam-pivavahana dia manana ny fomba entiny miatrika ny trangam-piaraha-monina iray. Ny teôria tokoa mantsy no manome dikany ny safidim-panadihadiana izay atao. Tsy izay teôria rehetra koa anefa dia entina anaovana io fanadihadiana io avokoa fa ilaina ny misafidy izay teôria hita fa tena ilaina amin`izay sehatra hirotsahana. Eto àry dia ny haitsikera "fonctionnaliste" izay manome lanja sy manaiky ny fahasamihafana misy eo amin`ny fiangonana, sy ny haitsikera "anthropologie dynamique" izay manome lanja betsaka eo amin`ny hetsika izay ataon`ny fiangonana no nosafidianay. Notsongaina manokana ireo haitsikera roa ireo noho izy ireo misy lanjany betsaka sy tena ilaina ato anatin`ity asa fikarohana ity. Any amin`ny fizarana voalohany no tena hiresahana bebe kokoa ireo haitsikera ireo.

## 0.5 Ireo tebo-kevitra tsara ho fantatra

- Famaritana ny teny hoe: "Ôrtôdôksa" sy "Ôrtôdôksia"

Tahaka ny anaram-piangonana rehetra izay misy dikany manokana dia tahaka izay ihany koa ny Fiangonana Ôrtôdôksa.

### 0.5.1 Ara-piforonan-teny

Ôrtôdôksa:- Ôrtô: Marina

-Dôksa: Finoana

Araka izany dia azo iantsoana ny Fiangonana Ôrtôdôksa ihany koa ny hoe: "Finoana Marina"

### 0.5.2 Ara-kevitra

I Timothy WARE, tao amin`ny bokiny nampitondrainy ny lohateny hoe "L`orthodoxie", dia milaza fa "*Ny Fiangonana ôrtôdôksa dia anarana ôfisialin`ireo mpitondra fiangonana izay naorin`ireo apôstôly ary narindra sy nalamin`ireo Rain`ny Fiangonana"*[1].

Hoy hatrany i Timothy WARE tao amin'ny bokiny, *"ny Fiangonana Ôrtôdôksa dia ny fitambaran`ireo Fiangonan`ny konsily fito izay mifandray sy miombom-panahy".*[2]

Io finoana tokana sy io fampianaram-pinoana apôstôlika io no antsoina hoe " Finoana Ôrtôdôksa"

<u>Ôrtôdôksia</u>: dia entina ilazana ny fomba fiainana maha Ôrtôdôksa.

Araka ny voalazan`I Md Anastasio avy any Sinaia, izay anisan`ny anankiray tamin`ireo ray Masin`ny Fiangonana voalohany indrindra, dia *"ny Ôrtôdôksia dia foto-pisainana iray izay miorina amin`Andriamanitra sy ny famoronana".*[3]

Ny teny hoe "Ôrtôdôksia" koa dia iantsoana ireo olona mpino sy mpanaraka ny fomba maha Ôrtôdôksa. Izany hoe; fomba fiainana an`ilay fomba ao anatin`ny Fiangonana Ôrtôdôksa.

Raha izay ary no tena hevitry ny teny hoe "Ôrtôdôksa" dia hojerena manaraka eto indray ny antony iantsoana ny tebo-kevitra hoe "Ôrtôdôksia".

---

[1] Timothy Ware**,** L'orthodoxie *: **l'Église des sept Conciles, Desclée de Brouwer***,« L'Église orthodoxe (ou Communion orthodoxe) est tout d'abord le nom officiel d'un corps ecclésial fondé par les apôtres et organisé par les Pères de l'Église »

[2]Timothy Ware, efa voalaza tery ambony ny boky« L'Église orthodoxe est ainsi l'ensemble des Églises des sept conciles qui se trouvent en communion les unes avec les autres »

[3] *Inona ny Ôrtôdôksa* ?, Edisiona Ôrtôdôksia, Fiangonana Ôrtôdôksan`i Madagasikara

Hojerena manaraka eto ambany indray ny tebo-kevitra mahakasika ny Tatsinanana sy Tandrefana.

- ❖ Ny Fiangonana Tandrefana na "Eglise occidendale" sy ny Fiangonana Tatsinanana na "Eglise oriental"

Nitambatra ho iray ny Fiangonana tany aloha, ka tsy nisy izany Tatsinanana sy Tandrefana izany. Io Fiangonana tokana io dia nizarazara tamina firenena dimy teto anivon`izao tontolo izao. Izany firenena misy ny Fiangonana izany dia nantsoina hoe "Patriarkà". Mitsinjara ho tahaka izao manaraka izao izy ireo:

- Patriarkà Kaonstantinôpla any Torikia ary mbola antsoina ihany koa hoe "Patriarche œcuménique" izy.
- Patriarkà Jerosalema
- Patriarkà Ostralia
- Patriarkà Aleksandria
- Patriarkà Rôma

Fa inona moa no antsoina hoe: "Patriarkà"? Andeha hofaritana eto ambany vetivety izany.

Ho an`i BONTE Pierre sy i IZARD Michel, ny hoe "Patriarkà" *"dia endrika rafi-piaraha-monina sy rafi-pifehezana izay fehezin'olombelona ».*[4] Izany hoe; karazana rafi-piarahamonina kely na lehibe maromaro izay fehezin`ny olona iray, tahaka ny tokantrano iray ohatra dia ny Raim-pianakaviana no lohany ao.

Ho an`ny hafa kosa « *ny teny hoe « patriarkà » dia nalaina tao amin'ny testamenta taloha ary manondro ny velaran'ny tany eo ambany fiahian'ny « patriarche » iray, izay adika hoe ray aman-dreny eto ».*[5]

---

[4] Pierre Bonte, Michel Izard, ***Dictionnaire de l'ethnologie et de l'anthropologie***, Le patriarcat désigne « une forme d'organisation sociale et juridique fondée sur la détention de l'autorité par les hommes »

[5] « Le terme **patriarcat** trouve son origine dans l'Ancien Testament et désigne l'étendue du territoire soumise à la juridiction d'un patriarche, terme qui désigne ici le chef de famille. »
(***URL : http://fr.wikipedia.org/wiki/Patriarcat)***

Raha jerena ara-jeôgrafia araka izany ireo firenena misy io Fiangonana tokana io dia hita fa, ny Patriarkà efatra dia any amin`ny ilan'ny tany atsinanana (Jerosalema, Kaonstatinôpla, Aleksandria, Ostralia) avokoa, ary ny Patriarkà ny Rôma kosa dia taty amin`ny ilan'ny tany andrefana no nisy azy. Teto dia efa hita sahady ny fahasamihafany

Raha jerena amin`ny lafiny pôlitika indray dia tahaka izao manaraka izao ny zava-misy. Mba hanamorana ny fiarovana ny fanjakana Rômana « Empire Romain » amin'ny fanafihana ataon'ny fahavalony azy dia nozaraina roa izy: ny fanjakana Tatsinanana sy ny fanjakana Tandrefana, Ka ny fanjakana tatsinanana na Byzantin dia naharitra hatramin'ny taona 1453, fa ny fanjakana tandrefana kosa dia rava tamin'ny taona 476.

Samy nanana ny fiteny nampiasainy izy roa ireo, ka ny Tatsinanana nampiasa ny fiteny grika, ny Tandrefana kosa nampiasa ny fiteny latina.

Nipoitra teo amin`izay ny resaka maha-katôlika (catholicité) ny katôlika, izay heverina fa ny nampiasana azy voalohany tao amin'ny finoana kristianina dia tamin'ny andron'i Ignace tao Antiokia, ka hoy izy tamin'izany: « *Izay toerana misy ny Eveka dia misy ny mpino, tahaka izay koa ny toerana misy an'i Jesoa Kristy no ahitana ny fiangonana katôlika*. » [6]

## 0.6 Ny fomba nentina nanaovana ity asa fikarohana ity

Dingana telo no nanatanterahana ny asa fikarohana. Teo ny fanangonan-kevitra tamin`ny alalan`ny fanadihadiana an-tsoratra sy ny fandraisam-peo, ny fijerena tany amin`ny "internet", ary farany ny firotsahana an-tsehatra.

Ny fanangonan-kevitra no nahazoana ny hevitry ny mpandinika samihafa hanohanana ny hevitra aroso. Noraisina ireo hevitra tany anaty boky, gazety boky,

[6] Ignace d'Antioche, *Lettre aux Smyrniotes, VIII, 1* (vers 112), publié dans *Les écrits des Pères apostoliques*, éditions du Cer, 2001 [http ://www.croixsens.net/livres/ignacesmyrniotes.php texte de la lettre aux Smyrniotes]. « Là où paraît l'évêque, que là soit la communauté, de même que là où est le Christ Jésus, là est l'église catholique »

“internet” sy ny tahirin-kevitra izay maneho ny mombamomba sy ny tantaran`ny Fiangonana Ôrtôdôksa eran-tany fa indrindra ny teto Madagasikara. Tsy izay ihany fa nisy koa ny fihaonana tamin`ireo sokajin’olona samihafa. Misokajy tahaka izao manaraka izao izany: andaniny nisy ny fihaonana tamin`ireo mpitondra isan-tsokajiny tao amin`ny kaominina Antananarivo boriborin-tany faha 3, ny lehiben`ny fokontany Antanimena, ny mpiasan`ny distrika faha 3, ny mpitondra fivavahana toy ny mômpera sy ny pasitera, diakra, tao koa ireo relijiozy toy ny masera. Natao tamin`izany ny fanangonana ireo tahirin-kevitra. Tsy nijanona teo amin`ireo sokajin`olona ireo ny fanadihadiana nataonay fa teo koa ny firesahana manokana tamin’ireo mpivavaka.

Ny fiaraha-miaina mivantana amin’ny vondron’olona ifotoran’ny fanadihadiana na ny « observation participante » no mampiavaka ny antrôpôlôjia mitaha amin’ny siansa hafa. I MALINOWSKI no nampiditra azy ity ho fomba fiasa amin’ny fikarohana antrôpôlôjika. Ka ny fiarahana mientana sy fandraisana anjara ataon’ny mpirotsaka an-tsehatra amin’ny zavatra ataon’ny fiarahamonina anaovana fanadihadiana no atao amin`izany. Ho anay dia ny fanatrehana ny fotoam-pivavahana sy ny fifampiresahana tamin’ireo mpikambana tao amin’ny Fiangonana no natao.

### 0.7 Ny olana nosedraina

Iaraha-mahalala moa fa tandra vadin-koditry ny fiainana ny olana. Araka izany dia nisedra olana tokoa izahay nandritra ny fanatanterahana ity asa fikarohana ity. Voalohany tamin`izany teo amin`ny lafiny finoana, ny tenanay izay mpikaroka dia efa manana ny finoana izay arahina, nisy araka izany ny toe-javatra izay tsy mifanaraka amin`ny finoan`ny tena nefa dia nekena ihany izany. Tahaka ny fankalazana ny fetin’ny Masina Maria.

Manaraka izany dia nahitana olana ihany koa teo amin`ny fifaneraserana tamin`ireo mpikambana sasany, somary nanano sarotra ihany ny nanadihady azy ireo noho ny antony tsy fantatra. Sarotiny amin`ny mombamomba ny finoany izy ireo hany ka nila namboarina hatramin’ny fomba fiteny sy firesaka ary fitafy.

## 0.8 Ny vahaolana noraisina

Teo anatrehan`ireo olana ireo dia tsy nipetrapetra-potsiny akory izahay fa nikaroka hevitra hahafahana namaha izany. Ny nataonay voalohany tamin`izany dia ny nipetraka teo amin`ny toeran`ireo mpino Ôrtôdôksa, niezaka nanindry ny maha izy ny tena izahay manoloana ny zavatra hitanay fa tsy mety na tsy maharesy lahatra anay manokana.

Nanamora ny fikarohana ihany koa ny nanazava mialoha ny antony nanaovana ilay fanadihadiana, rehefa hitan`izy ireo fa hampahalala ny finoana ôrthôdôksa amin`ny olona no tanjona dia namela malalaka hanontany sy nanome boky izy ireo.

## 0.9 Ny fetran`ny asa

Misy fetrany ny zava-drehetra, sahala amin'izany koa ity asa fikarohana ity. Ny finoana Ôrtôdôksa eto Madagasikara tarafina amin'ny fiangonana Ôrtôdôksa Antanimena faritanin'Antananarivo fahatelo: fivoarany sy endrika isehoany ankehitriny no lohahevitra nosafidinay. Araka izany ny fivoarany sy ny tantarany ary ny endrika isehoan'ny finoana Ôrtôdôksa no tena nifotorana, fa tsy nidirana lalina ny any amin'ny Fiangonana kiristianina hafa, indrindra ny amin`ireo Fiangonana Ôrtôdôksa any ivelan`i Madagasikara izay mbola azo anaovana asa fikarohana vaovao.

## 0.10 Ny drafitry ny asa fikarohana

Mba hahafahana manadihady misimisy kokoa mikasika ny fiangonana Ôrtôdôksa eto Madagasikara izay notarafina avy tao Antanimena dia nosokajiana telo miavaka tsara ny fanehoana ity voka-pikarohana ity.

Ao amin'ny fizarana voalohany no hampahafantarana ny momba ireo teôria sy ny haitsikera hampiharina ao anatin'ny asa manontolo.

Ao amin'ny fizarana faharoa kosa no hanehoana ny tantaran'ny fiangonana Ôrtôdôksa sy ny fivoarany. Ao anatin'izany no hijerena ny nipoiran'ny fiangonana Ôrtôdôksa maneran-tany, manaraka izany, ny fijerena ny tantaran'ny nahatongavan'io fiangonana io teto Madagasikara ary farany dia ho hita ao amin'io fizarana faharoa io ny fiangonana Ôrtôdôksa ankehitriny.

Ary ao amin'ny fizarana fahatelo no hanehoana ny firafitry ny fiangonana arahin'ireo vondron'ny mpino misy ao ary ho faranana amin'ireo fombafombam-pivavahan'ny fiangonana Ôrtôdôksa.

# FIZARANA VOALOHANY: NY HAITSIKERA

## NY TEORIA IFOTORAN'NY ASA FIKAROHANA

## 1 - NY HAITSIKERA SY NY TEORIA IFOTORAN'NY ASA FIKAROHANA

Maro karazana ireo siansa mandalina ny fiarahamonin`izao tontolo izao, toy ny tantara, ny jeôgrafia, ny sôsiôlôjia, ny antrôpôlôjia. Samy manana ny mampiavaka azy avokoa izy rehetra ireo fa ny ifotoran`ity asa fikarohana ity dia ny antrôpôlôjia mandalina ny finoana amam-pivavahana izay sehatra iray niainga avy tamin`ny antrôpôlôjia mandalina fiarahamonina ka ny teôrian`io antrôpôlôjia mandalina ny fiarahamonina io no niainganay dia tsy inona izany fa ny teôria araka anjara asa na "Fontionnalisme", sy ny antrôpôlôjia baikoin`ny hetsika na "Dynamique" . Mizara roa lehibe araka izany ity fizarana lehibe voalohany ity. Ny voalohany amin`izany dia ny fijerena fohy ny antrôpôlôjia mandalina ny finoana amam-pivavahana noho izy fototra lehibe iorenan`ity asa ity. Dinihina manaraka azy avy eo ireo haitsikera ilafihan`izao asa fikarohana izao.

### 1.1 NY ANTRÔPÔLÔJIA MANDALINA NY FINOANA AMAM-PIVAVAHANA

Sehatra iray ao amin`ny antrôpôlôjia mandalina ny fiarahamonina hatrizay ny antrôpôlôjia mandalina ny finoana amam-pivavahana. Noho izay indrindra no antony tsy azo anasarahana azy ireo. Araka izany, dia hojerena manaraka eto ny momba ny antrôpôlôjia mandalina ny finoana amam-pivavahana izay anisan`ny sampana entina mitrandraka ity asa fikarohana ity.

Ny Antrôpôlôjia mandinika ny finoana amam-pivavahana dia mandray ny finoana ho toy ny singan-driba eo anivon`ny fiarahamonina. Izany hoe; tsy manoritsoritra na mitanisa na manasokajy ny zavatra momba ny finoana sy ny fivavahana fotsiny. Ezahiny koa ny fanazavana ny fitoviana sy ny fiavahana amin`ny zava-miseho eran-tany ary indrindra koa ny fanajan`ny mpandinika ny fivavahan`ny fiarahamonina ka tsy manao mizana tsindriana ila amin`ny fanamboniana ny finoana kristianina.

Ohatra amin'izany ny tsy fijerena fotsiny ny momba ny finoana sy ny fivavahana ato amin'ny Ôrtôdôksa fa nezahina ihany koa ny fijerena ny fahasamihafana nisy teo aminy sy ny fiangonana hafa.

Araka ny tenin`I RIVIERE Claude hoe:

"Ny *Antrôpôlôjia mandalina ny finoana amam-pivavahana dia tsy manoritsoritra na mandalina finoana fotsiny ihany fa mandray izany ho ampahan`ny kolontsain`ny fiarahamonina iray ka manazava ny fitoviana sy ny fiavahana asehon`ny fiarahamonina amin`ny fiarahamonina samihafa izy amin`izany, ka tsy hanomezan-danja manokana ny finoana an`Andriamanitra tokana namolavola ny toe-tsaintsika tandrefana. Tsy mijanona fotsiny amin`ny antikite na ny tany an-dalam-padrosoana (Andian-tany fahatelo) fa sady mandalina ny fomba amam-panao ara-pivavahana any Nepal- Inde sy mandalina angano masina "Papou"* sy *"Chamane" any Siberia ary mijery ny mpanala fanahy ratsy any "Bretagne" (Frantsa). Nionona tamin`ny fiarahamonina faran`izay kely zara raha nahay nanoratra Ntaolo sy tranainy ifamatoran`ny foko sy finoana izy nandritra ny fotoana ela. Mifanakalo fiheverana sy sori-dalana amin`ny taranja mifanakaiky aminy izy mitarika amin`ny zavatra ara-pinoana.* [7]".

Ny antrôpôlôjia mandalina ny finoana amam-pivavahana dia tsy mandinika fotsiny ny fiainan`ny olona ny fivavahana (pratique) na ny fomba amam-panao ara-pivavahana (rite) fa ny angona (corpus) mifandray amin`ny zavatra sy olo-manan-kasina na maneho fahaizana sy fahalalana ambony na tsia. Hoy indrindra i RIVIERE Claude:

---

[7] Dikan-teny nataon`I Profesora RAHARINJANAHARY Lala, Lesona taona fahefatra
RIVIER (C) ***Socio-anthropologie des religions***, Paris, 1997, « L`anthropologie religieuse, ne se contente pas de décrire, inventorier, classer les faits religieux ; elle voit la religion comme une partie de la culture et cherche à expliquer la ressemblance et différence entre phénomènes religieux dans des sociétés diverses sans privilèges accordé à l`institution monothéiste qui a pétri nos consciences occidentales. Elle ne s`enferme ni dans l`Antiquité, ni dans la Tiers Monde et s`intéresse aussi bien aux rites népalais qu`aux mythes papous, aux chamanes de Sibérie, qu`aux exorcistes de Bretagne. Elle s`est longtemps focalisée sur des sociétés des petites dimensions peut lettrées, parfois archaïque dans lesquelles sont souvent mêlés le tribal et le religieux. Elle procède évidemment a des échanges d`information, de point de vue et des méthodes avec des discipline voisine, toute initiatrice à la compréhension du religieux.»

“*Ny antrôpôlôjia mandalina ny finoana amam-pivavahana dia mandalina ireo tranga ara-pinoana sy fivavahana, sy izay rehetra mifandraika amin`izany toy ny akora, na tahirin-kevitra mirakitra fahalalana aram-pinoana sy fivavahana (angano masina, lahatsoratra na lahateny masina, rijan-kevitry ny finoana)”*[8]

Ohatra amin’izany akora maneho ireo tranga ara-pinoana izany ny Baiboly sy ny boky mirakitra ny litorijian’ny fiangonana Ôrtôdôksa.

### 1.1.1 Ireo singa mamaritra ny finoana amam-pivavahana

Singa roa no mandrafitra ny finoana amam-pivavahana dia ny iantefan’ny finoana amam-pivavahana sy ny mpandray anjara amin’ny finoana amam-pivavahana.

Andeha àry horaisina tsirairay ireo singa voatanisa teo ireo.

#### 1.1.1.2 Ny iantefan’ny finoana amam-pivavahana

Ny fivavahana rehetra dia miantefa amin’ny hery hafa ivelan’ny olombelona, izay ambara mazàna amin’ny teny hoe «andriamanitra ». Heverin’ny olombelona fa manana fahefana eo amin’ny tenany sy ny fiainany ihany koa io « Zavatra » io. Azo lazaina ho maro ireo andriamanitra ireo, ao ohatra ireo fanahy, mana, ny ody, ny razana, devoly, sns… fa ny tena miavaka sy ivavahan`ny olona maro dia Andriamanitra, noho Izy manana ireo hery miavaka sy mahery. Ireo heriny ireo no mahatonga ny olombelona hatahotra sy hankato ary hanaja Azy. [9]

Ambaran’i DURKHEIM fa manana toetra fototra roa ireo andriamanitra ireo: mahery noho ny olombelona ary iankinan’ny olombelona[10]. Ireo toetra fototra ireo moa,

---

[8] RIVIERE (C), ***socio-anthropologies des religions***, 1997, **«** l`Anthropologie religieuse est le domaine de l`anthropologie qui étudie le fait religieux, c`est à dire non seulement les pratiques ou les rites mais aussi les corpus théologiques savants ou non (mythes, textes sacrés, doctrine) prôpre à chaque tradition religieuse. ». NB : noraisina avy tamin`ny fampianarana taona fahefatra – Profesora RAHARINJANAHARY Lala.

[9] Lesona tao amin’ny taona fahefatra

[10] GERAUD (M.O.) et all, ***Les notions clés de l’ethnologie***,Paris, 1988, p.291:« Selon Durkheim (1954), les attributs fondamentaux des dieux – qui sont des êtres plus puissants que l’homme et dont l’homme dépend- sont les attributs fondamentaux de la société. »

araka ny hevitr''i DURKHEIM ihany, dia hitan'ny olombelona vokatry ny zavatra niainany teo anivon'ny fiarahamonina.

Ho an'i FREUD kosa, dia hery mampihoron-koditra ireo « andriamanitra » ireo saingy nomena endrika olombelona mba hahafahan'ny olombelona mifehy azy.

Ireo toetra maro samihafa ireo dia azo fehezina amin'ny hoe: Zavatra masina na manan-kasina. Ohatra amin'izany ny toerana masina izay mitahiry ireny hery ireny toy ny vato, ny hazo, ny rano, ny biby, ny trano sns… Io hasina ao aminy io dia noho ireto antony manaraka ireto:

- manana hery manasoa na mahasoa ka dia anaovana fomba isan-karazany mba hahazoana izany fahasoavana izany hatrany;

- manana hery manimba na mandoza, vokatr'izany dia tandremana fatratra ny fomba fifandraisana aminy mba tsy hahavoa ny fiarahamonina iray manontolo.

Karazany maro ireo andriamanitra ireo araka ny finoana arahina. Izany hoe, mety ho olombelona manam-pahalalana mihoatra ny olombelona hafa izy, mety ho zavatra tsy hita maso toy ny fanahy, sy ny sampy, sy nyrazana, sy ny demony ary ireo zavatra hafa heverina fa manana hery mihoatra ny herin'ny olombelona ny andriamanitra ivavahana. Ny olona ihany koa dia mihevitra fa toerana maro no misy na azo iantsoana azy ireny. Izany no mahatonga ny olona hamonjy toerana maro samihafa rehefa hivavaka. Ho an'ny mpino kristianina dia mankany amin'ny trano fiangonana izy raha hivavaka, mety ho any amin'ny toerana mangingina ihany koa anefa. Ho an'ny finoana nentim-paharazana kosa, misy ireo mamonjy ny zoro firarazana na ny hazo (ohatra ny kily sy ny baobab), na ny fasana sy ny tsangam-bato maro samihafa. Noho izany, araka ny faritra misy ny toerana iantsoana ireo hery ivavahana ireo fa tsy voatery hitovy.

#### 1.1.1.2 Ny mpandray anjara amin'ny fivavahana

Ny fivavahana dia toy ny fombafomba rehetra. Araka izany, misy ary ahitana mpandray anjara ao anatiny. Izy ireo dia olombelona satria ny fivavahana dia toetra mampiavaka ny olombelona ary isan'ny maneho ny fahamboniany mitaha amin'ireo zava-boary hafa. Azo sokajina roa miavaka tsara ireo mpandray anjara amin'ny fivavahana:

- ❖ andaniny, ny olona mifandray mivantana amin'ny hery tsy hita maso izay lazaina fa masina na zava-manan-kasina toy ny avelo, ny fanahy, ny ambiroa. Ho an'i PIERRE BOURDIEU, ny olona mifandray amin'ireo tsy hita maso dia *olona manam-pahalalana manokana sy feno* momba ny hery iantefan'ny fivavahana(«spécialistes du sacré »). Olona voatokana ary masina na nohasinina izy. Izany dia vokatry ny fahaizana sy fahalalana manokana ananan'ilay olona. Mety ho nianarana tany amin'ny sekoly fanofanana ho amin'izany io; mety ho fahalalana nolovaina tamin'ny ray aman-dreny tany aloha ihany koa nefa, toy izany ny an'ireo mpisikidy, ny ombiasy, ny mpanandro. Ny mpisorona tamin'ny andron'ny testamenta taloha, ohatra, dia tsy maintsy avy ao amin'ny Levita ihany araka ny didy napetrak'Andriamanitra.

Tsy ny olon-drehetra izany no afaka mitarika ny fombafombam-pivavahana. Fepetra maro no takina amin'ireo sokajin'olona ireo. Ny tena zava-dehibe indrindra amin'izy ireo dia ny faneken'ireo mpanaraka ilay fivavahana.

- ❖ ankilany kosa vondron'olona miara-manatanteraka ny fivavahana. Ao ohatra ireo olona voatokana toy ny pretra, mpanjaka, ny mpanasina ny vondron`ny mpivavaka, mety ho taranaka foko, mety ho karazana fiangonana.[11]

[11] Nalaina tao tao amin'ny lesona nataon'ny profesora LALA RAHARINJANAHARY

Ny mpino izay manatanteraka ny voalazan'ny mpitarika no miteraka ny rijan-kevitra samihafa entin'ny tsirairay miaina[12] Ireo no nasehon'i RIVIERE raha nitatitra ny fahitan'i BOURDIEU ireo singa mamaritra ny fivavahana.

Ireo singa roa ireo dia nosafidiana manokana noho izy, misy ifandraisany betsaka ato anatin`ny asa fikarohana. Voalohany amin`izany ohatra ny fifandraisan`ireo mpino Ôrtôdôksa mivantana amin`ireo olo-masin`ny fiangonana, amin`ny alalan`ny fangataham-bavaka atao amin`izy ireny no ahafahana mifandray amin`Andriamanitra. Manaraka izany koa ireo vondron`olona toy ny pretra sy ny Eveka, izay manatanteraka ireo karazana fombafomba atao ao amin`ny Fiangonana.

### 1.1.2 Ny endrika isehoan`ny fivavahana

Misy karazany maro ny endrika isehoan'ny fivavahana izay mety ho teôrika, toy ny finoana, ny anganom-baviantitra, ary ny fampianaran`ny finoana izany. Ohatra ny fampianarana ny finoana ao amin'ny fiangonana iray. Toy ny ao amin'ny fiangonana Ôrtôdôksa izay manana ny maha izy azy tokoa raha eo amin'ny lafiny fampianarana ny finoana no asiana teny.

Eo koa ohatra ny fomba iainan`ny olona azy toy ny fankalazana an`Andriamanitra, fomba amam-panao ara-pivavahana. Ohatra ny fiangonana Ôrtôdôksa dia manana ireo fomba amam-panao maro samy hafa entiny hiderana sy anompoana an'Andriamanitra. Fihetsika miavaka sady tsotra no ataon'izy ireo rehefa mivavaka.

Mety ho ara-piarahamonina toy ny fifandraisan'ny fiarahamonina iray ao anatin'ny vondom-pivavahana iray. Ohatra: ny fanorenana fasana iombonana ao anaty fikambanana masina na relijiozy. Toy ny fasan'ny mpiandry sns

[12] RADCLIFFE BROWN: «C'est un schéma d'interprétation appliqué ou applicable à la compréhension d'un phénomène à une classe déterminée.»

Mety ho endrika ara-kolontsaina : miankina amin`ny toerana sy ny toe-karena ohatra ny fikarohana tany aloha, ary mampiseho fa hafa ny fivavahan`ny miaramila mihoatra amin`ny mpivarotra na mpamboly.

Ara-tantara satria mitety vanim-potoana ny fivavahana. Ka miovaova araka izany izy.

Araka ny tenin'i EVANS-PRITCAHRD manao hoe: tsy misy fiarahamonina tsisy finoana na dia manompo sampy sy devoly aza.( MBOLA karohina ny tenin`ny mpandinika). noho izany dia hojerena manaraka eto ny anjara asan`ny fivavahana eo amin`ny fiarahamonina

### 1.1.3 Ny anjara asan`ny fivavahana

Araka ny fandravonana nataon`i RIVIERE Claude dia ireto avy ny anjara asan`ny fivavahana.

- Manazava izay tsy mazava amin`ny fiainan`ny olombelona sy mameno ny fahalalana tsy feno ny fivavahana. Izany hoe; eo amin'ny fiainana , ny olona tsirairay dia mitady zavatra inoana sy ankatoavina. Mitady ny zavatra fantany fa manavotra azy izy rehefa misy ny zava-manjo azy. Araka izany rehefa mivavaka izy ka mino dia hazava ho azy aminy ireo zavatra maizina taminy hatramin'izay, ary vao maika hitombo fahalalana aza izy.
- Mampilamina ny fiarahamonina, izany hoe; mampizotra ny fiainana. Izany hoe; rehefa mino ny fisiana hery iray ny olombelona fa indrindra ny Malagasy dia hajainy sy atahorany iny. Hany ka rehefa samy manaja ny fiarahamoninana misy azy avokoa ny olona rehetra dia hilamina.

- Manome fanantenana, mampitony, izany hoe; mamerina amin`ny ambaratonga sy fetra zakan`ny olombelona ny tahotra sy ny tebitebin-tsaina manjo azy ka amin`ny finoana sy fanantenana no anaovany izany.

- Mampivondrona sy manara-maso ny fiarahamonina noho izy mifandray amin`ny lalànan`ny fitondran-tena. Tafiditra amin`izany ny fifanajana, ny fanomezana valisoa sy fanasaziana. Mampitambatra ny mpivavaka ho iray ihany koa izy.

Hoy ihany koa i Karl Marx :"*Ny finoana dia manamaivana ny vesatry ny fijaliana ara-panahy amin`ny fanompoana toy ny ataon`ny zava-mahadomelina izay manampy amin`ny fanamaivanana ny fanaintainana."*[13]

Araka izany ny fivavahana izany, dia ataon'ny olona fifikirana sy fianteherana ary fiantsapazana rehefa misy zava-manjo azy. Io no hery entin'izy ireo iainana amin'ny fiainana an-davanandro.

**<u>Famintinana ny toko voalohany</u>**

Natolotra tato amin'ity toko ity ny teôria hitondrana ny asa manontolo. Nasongadina teto ary fa ny antrôpolôjia mandalina ny finoana amam-pivavahana dia mandray ny finoana ho toy ny singan-javatra iray ary azo dinihina araka ny maha izy azy eo anivon'ny fiarahamonina iray izay entanin'ny toe-panahy tia manaja ny fahasamihafana ka tsy anaovana mizana tsindriana ila ny fandalinana hanambaniana na hanamboniana ny finoan'ny sasany mihoatra ny hafa. Nojerena tato ihany koa ny endrika isehoan'ny fivavahana sy ny anjara asany.

---

[13] MARX (Karl) et ENGELS (Friedrich) : « *Introduction à la critique de la philosophie du droit de Hegel* », Janvier 1844, cité par Jacques Ellul dans : « ***La pensée marxiste*** », "la religion peut rendre supportable (…) la conscience malheureuse de la servitude (…) de la même façon que l`opium est d`une grande aide dans des maladies douloureuse »

Raha izay no azo ambara mahakasika ny Antrôpôlôjia mandalina ny finoana amampivavahana. dia mba ahoana kosa indray ny momba ireo  haitsikera hampiharina ato amin`ity asa fikarohana ity ?

## 1.2 IREO HAITSIKERA HAMPIHARINA ATO AMIN`ITY ASA FIKAROHANA ITY

Eto amin`ity asa fikarohana ity àry dia misy haitsikera roa , ny fironan-tsaina mifototra amin`ny anjara asa sy fironan-tsaina mifototra amin`ny hetsika misy eo amin`ny fiarahamonina . Izy roa ireo no haitsikera ifotoran`ity asa fikarohana ity, koa andeha hovahavahana etsy ambany ny mahakasika azy ireo.

### 1.2.1  Ny haitsikera araka anjara asa

Tamin`ny faramparan`ny taon-jato faha XIX sy fiandohan`ny taon-jato faha XX no niandohana sy niroboroboan`ity fironan-tsaina araka anjara asa ity. I MALINOWSKI Bronislaw (1884-1942)  no antrôpôlôgy nampihatra azy ity voalohany. Hojerena ato ireo hevitra fototra ijoroan'ny haitsikera araka anjara asa, avy eo ny fijerena ny nampiharan'i MALINOWSKI Bronislaw azy.

Hojerena voalohany ary ny hevitra fototra ijoroan'ny haitsikera araka anjara asa.

#### 1.2.1.1 Ny hevitra fototra ijoroan`ny fônksiônalista

Ny mpandalina ny haitsikera araka anjara asa dia mihevitra fa :

Ny fiarahamonina dia manana anjara asa izay ilain`ny mponina. Ho an`i MALINOWSKI Bronislaw dia tamban-javatra iray ny fiarahamonina ka dinihina amin'ny fotoana iainana ao aminy. Izany hoe ; miaraka jerena izy rehetra, ka ny dinihina ao dia zavatra iray eo anivon`ny fiarahamonina sy ny fifandraisany amin`ny rafitra samihafa ao

amin`ny fiarahamonina[14]. Ohatra amin'ny fivavahana, fomba iray io fa voafaoka ao ny lafiny toe-karena izay iaraha-mahalala fa ny vola ilaina amin'ny fampandehanana ny fiangonana sy ny fampandrosoana azy dia tsy hita hoazy.

Misy fironan-tsaina hafa izay manohitra ny haitsikera araka anjara asa, toy ny fironan-tsaina « évolutionnisme ». fironan-tsaina talohan'ny fônksiônalista izy ity. Misy manohitra izy satria tsy maminavina ny tantaran`ny fiarahamonina iray izy fa siansa manaiky ny fahasamihafana, mandinika ary mandalina ny lôjika manokana izay iavahan`ny kolontsaina tsirairay avy. Ohatra ny fanekena ny fahasamihafana misy eo amin'ny katôlika Rômana sy ny fiangonana katôlika Ôrtôdôksa.

Ny hevitry ny hoe "*« fonctionnalisme » amin'i Malinowski dia toe-javatra vokatry ny fisian'ny filàna hafa mifampitohy amin`ilay filana fototra avy amin'ny zavatra iray izay ilain'ny vatan'olombelona amin'ny fampiasana fitaovana iray. Ka izany hevitra momba ny anjara asa izany dia tokony ho ao anatin'ny fanadihadiana ny fiarahamonina"*[15]. izany hoe; mifameno avokoa ny tontolo rehetra misy eo amin'ny fiarahamonina. Ka na misy aza filana hafa dia tsy maintsy mifanjohy amin'ilay filana teo aloha mandrakariva izany. Noho izany rehefa manadihady fiarahamonina iray dia tokony anisan'ny hoentina manatanteraka izany ny tsikera araka anjara asa.

---

[14] Notsoahina avy tao amin`ny lesona taona fahefatra nataon`i Profesora RAHARINJANAHARY LALA momba ny antrôpôlôjia mandalina fivavahana.

[15] **note de synthese sur l'ouvrage« une theorie scientifique de la culture »**de : Bronislaw MALINOWSKI, « L'idée de fonctionnalisme de Malinowski découle directement du fait de l'existence de besoins dérivés qui sont liés aux nécessités organiques par un rapport instrumental. Donc ce concept de fonction doit trouver sa place dans l'analyse des institutions »

### 1.2.1.2 Ny haitsikera araka anjara asa nampiharin`i MALINOWSKI Bronislaw

I MALINOWSKI Bronislaw dia anthrôpôlôgy Pôlôney, teraka tao Cracovie tamin`ny taona 1884. Nianatra momba ny matematika sy fizika izy. Taty aoriana dia niditra teo amin`ny sehatry ny antrôpôlôjia izy. Nandinika ny fiaraha-monina tany Ostralia (Trobriands) nandritra ny efa-taona (1914- 1918) izy, ary nandritra ny fiarahany nonina tamin`ity foko iray ity no nampiharany ny fandinihana ombam-pandraisana anjara "Observation participante". Ary navoakany tao amin`ny boky *Les Argonautes du Pacifique occidental* (1922) izany.

I MALINOWSKI no nampihatra voalohany ity fandinihana ombam-pandraisana anjara "observation participante" ity izany hoe; niara-nipetraka tamin`ny mponina nandritra ny taona maromaro izy mba hahafahany mamantatra ny fomba fiainan`io fiaraha-monina io.

Araka izany, ny haitsikera araka anjara asa dia mametraka fa manana ny maha izy azy ny fiaraha-monina iray. Ny zavatra ataony sy iainany dia misy dikany eo amin`ny mpanatanteraka azy avokoa. Mba hahafahan`ny mpikaroka mahazo izany dia tsy maintsy miara-miaina sy mifampitankosina amin`ireo mponina ifampidinihany amin`ny alalan`ny "observation participante" izy.

Ho an`i MALINOWSKI, ohatra, ny fanambadiana dia misy antony roa tena ilana azy; andaniny dia entina mamaly ny filana fototra eo amin`ny lafiny fitiavana sy ny fitadiavana taranaka. Etsy ankilany kosa dia entina mamaly ireo filana ambaratonga faharoa eo amin`ny lafiny finoana sy fivavahana ary lafiny fitondrana sy lalàna amin`ny alalan`ny fandaminana ny fiarahamonina.[16] Ohatra azo anaporofoana izany ny fisian'ireo fianakaviana milamina sy mifanaja, izany hoe; ny mpivady iray rehefa manorina tokantrano dia eo aloha ny fitiavana voalohany indrindra, aorian'izay ny fitadiavana ireo taranaka. Ny tokatrano misy an'Andriamanitra ihany koa dia milamina lalandava. Ka rehefa milamina ny ao an-tokatrano dia milamina ho azy ny fiarahamonina. Izany rehetra

[16] Lesona nataon`ny Profesora RAHARINJANAHARY Lala tamin`ny taona voalohany.

izany dia miampy ny fanajana ireo lalàna efa napetraka ho tokony ajaina eo anivon'ny fiarahamonina.

Araka izany ny zava-miseho eo anivon`ny fiarahamonina dia vokatry ny fiaraha-miasa eo amin`ny singa tsirairay mandrafitra ilay fiarahamonina. Koa raha handinika ny fiarahamonina iray dia tsy maintsy fandalinana mifototra amin`ny fijerena faobe ny tontolo iray fa tsy jerena mitokana. Izany hoe; raha handinika ny fiangonana Ôrtôdôksa izany izahay dia mila mijery ny tontolo faobe, sy mijery ireo singa tsirairay mandrafitra azy, satria ireny rehetra ireny mitambatra no maneho ny firafitr'io fiarahamonin'ny Ôrtôdôksa io.

Na dia anisan`ny teboka nanan-danja teo amin`ny tantaran`ny antrôpôlôjia aza ny haitsikera araka anjara asa dia tsy vitsy ireo nitsikera azy noho izy ireo mionona fotsiny amin`ny zava-misy teo amin`ny fiarahamonina nanaovana fanadihadiana, izany hoe; tsy nijery zavatra hafa ankoatra ny zava-nisy hita nandritra ny fotoana nanaovana ny asa fikarohana. Araka izany dia nisy ireo mpikaroka izay niezaka ny hiala amin`izany ka niezaka ny hijery ny fiarahamonina amin`ny lafiny mitety vanim-potoana. Antsoina hoe "anthropologie dynamique" ity fomba fikarohana vaovao ity izay taorian`ny ady lehibe faharoa.

### 1.2.2 Antrôpôlôjia baikoin`ny hetsika na « Anthropologie dynamique »

Fironan-tsaina teraka taorian`ny ady lehibe faharoa ity fironan-tsaina baikoin`ny hetsika ity. Izany dia teraka noho ny fiovana nisy taty amin`ny kontinanta afrikana, tsy taty ihany fa tany amin`ny tany nozanahina rehetra. Indrindra fa tany amin`ireo tany vao avy nozanahana. Hojerena eto ambany voalohany ary ireo mpikaroka azy voalohany.

#### 1.2.2.1 Ireo mpialoha lalana ny haitsikera baikoin'ny hetsika

Mpikaroka roa, i BALANDIER Georges sy i BASTIDE Roger no anisan`ny namolavola ity haitsikera ity. Ity haitsikera ity dia nanova zavatra betsaka teo amin`ny fiarahamonin`izao tontolo izao. Koa maro ary ireo mpandinika taty amin`ny antrôpôlôjia indrindra ny Anglisy no nisafidy ny hijery ireo hetsika mitranga eo amin`ny fiarahamonina. Izay hetsika izay dia hetsika avy ao anatin`ny fiarahamonina.

Eto dia ny haitsikera baikoin`ny hetsika izay novoizin`i BALANDIER Georges no ifotoran`ity asa fikarohana ity koa andeha hojerena ny momba izany.

#### 1.2.2.2 Ny hevitra voiziny

Ny antrôpôlôjia baikoin`ny hetsika dia tsy mionona fotsiny amin`ny fijerena ny antony nahatonga izany fa mijery ihany koa ny fifandraisana misy eo amin`ny zava-misy sy ny tontolo.

Mba hanoherana ny fomba fijery « fonctionnalisme » sy « structuralisme » dia nanolotra izao hevitra izao i BALANDIER

- Ny tebo-kevitra hoe « Dynamique » dia maneho ny hetsika anatin`ny fiarahamonina, mandinika ireo hery mitondra fanovana eo amin`io fiaraha-monina io ; ohatra : mijery ny hetsika nataon'ny fiangonana Ôrtôdôksa ka nahatonga azy hisy fivoarana lehibe tato anatin'ny taona vitsivitsy.

- Ny fiheverana « Relationnelle » kosa dia misarika ny eritreritra amin'ny vokatry ny fifandraisana avy any ivelan'ny fiarahamonina, sy ny tontolo amin'ny firafitra anatin'ny fiarahamonina ; ohatra : fijerena ireo fifaneraseran'ny samy mpikambana ao anatin'ny fiangonana Ôrtôdôksa eto Madagasikara sy any ivelany.

- Farany ny teny « Critique » dia mitsikera ny fanambarana ôfisialy, satria mety tsy hifanaraka amin`izany ny zava-misy sy ny zava-bita[17]. Ohatra : mitsikera ny fanambara ôfisialy hoe « tsy mitory » nefa hita amin'ireo fampandrosoana ataon'izy ireo ny endrika fitoriana.

Isan`ny mampiavaka ity haitsikera ity ny fanomezan-danja ny tantara sy ny fiovana misy eo anivon`ny fiarahamonina.

« Fa i BALANDIER dia mahatsapa fa ilaina ny mihoatra ireo fiheverana teo aloha ireo.

---

[17] Georges Balandier (1971) *Sens et puissance*, Presses Universitaires de France, pp.13-16.

- Dynamique : le changement n'est plus considéré comme faisant parti de L'accidentel et du marginal mais se trouve dans la nature même des sociétés (on a plus de distinction entre ce qui est stable, envisagé comme le seul objet digne de la Science, et ce qui est accidentel).
- Relationnelle: porte l'attention sur les « effets des relations externes », de « l'environnement » sur les structures internes des sociétés.
- Critique : dépasse les théories officielles.

- Amin`ny alalan`ny fandalinana teôrika izay ijerena ny disadisam-piaraha-monina, ny fanavaozana sy ny famoronana ary ny fiovana iray amin`ny fiarahamonina mankany amin'ny fiovana hafa.

- Ny firotsahana an-tsehatra izay manamarina ny porofon`ny fiovana misy eo amin`ny fiarahamonina (satria ireo voka-pikarohana vokatry ny fampiasana ny fironan-tsaina hafa dia saika vinavina ambony latabatra nataon`ireo antrôpôlôgy tany aloha ihany). »[18]

Araka izany rehefa hijery ny fivoaran`ity Fiangonana Ôrtôdôksa ity izay tsy nitory mihitsy nandritra ny taona maro, nefa nihetsika nitory izy tato anatin`ny taona vitsy izay, dia tsy maintsy jerena ny antony mahatonga izany sy ny vokany.

**Famintinana ny toko faharoa**

Tato amin'ity toko faharoa ity indray no nanehoana ireo hatsikera hampiarina ato amin'ny asa fikarohana. Nojerena voalohany tamin'izany ary ny haitsikera araka anjara asa izay fironan-tsaina mandalina faobe ny fiarahamonina iray sy manaiky ny fahasamihafana. Tao anatin'izany no nijerena ireo hevitra fototra ijoroan'ny haitsikera araka anjara asa. Nisongadina tato ihany koa ny fijerena ny haitsikera baikoin'ny hetsika izay andaniny mijery ny hetsika ataon'ny fiarahamonina, ankilany mitsikera ny fanambarana ôfisialy ny mpikaroka.

---

[18] Mais Balandier évoque la nécessité de les dépasser :

→ par un travail théorique qui porte l'attention sur le conflit social, l'innovation, l'invention, le passage d'une formation sociale à une autre.
→ par un travail empirique qui valide les indicateurs du changement social (alors que ces courants étaient plutôt dans une démarche spéculative) in « L'anthropologie dynamique ».Extrait de Georges Balandier (1971) Sens et puissance, Presses Universitaires de France, pp.13-16. (URL :**http ://socio-univ-lyon2.fr/IMG/pdf/texte Balandier.pdf)**

FEHIN`NY FIZARANA VOALOHANY

Ny lafiny teôrika sy tebo-kevitra ary fomba fiasa no natolotray tao amin`ny fizarana voalohany. Siansa iray mandinika sy manadihady ny fiarahamonina ny Antrôpôlôjia, dinihina amin`izany ny fomba amam-panaon`ny fiarahamonina sy ny firafitra ao ary ny fifandraisan`ireo. Anisan`ny tranga miseho eo amin`ny fiarahamonina ohatra ny finoana amam-pivavahana, sehatra anatin`ny antrôpôlôjia sôsialy antsoina hoe antrôpôlôjia mandalina ny finoana amam-pivavahana izany. Amin`ny maha singan-driba ny finoana amam-pivavahana anefa dia misy ireo haitsikera entina handinihana izany fikarohana, tsy inona izany fa ny haitsikera araka anjara asa sy ny haitsikera baikoin`ny hetsika.

# FIZARANA FAHAROA:

## NY TANTARAN`NY FIANGONANA ÔRTÔDÔKSA SY NY FIVOARANY

## 2 - NY TANTARAN`NY FIANGONANA ÔRTÔDÔKSA SY NY FIVOARANY

Ny finoana amam-pivavahana araka ny nahitantsika azy tany amin'ny fizarana voalohany dia tahaka ny trangam-piarahamonina rehetra ihany. Izany no mampisy ny sampam-pandinihana ny finoana amam-pivavahana eo anivon'ny antrôpôlôjia mandalina ny fiarahamonina sy ny kolontsaina. Ireo haitsikera fampiasa amin'ny antrôpôlôjika ihany araka izany no ampiasaina amin'ny fandalinana ny finoana amam-pivavahana.

Hampiharina ato amin'ity fizarana faharoa ity izany ireo haitsikera voalaza tao amin'ny fizarana voalohany ireo. Rehefa hitantsika tany amin`ny fizarana voalohany àry ireo teôria dia hojerena ato kosa indray ny tantaran`ny fiangonana Ôrtôdôksa sy ny fivoarany. Araka izany àry dia hizara toko telo ity fizarana faharoa ity, ka ny tantara niandohan'ny fiangonana Ôrtôdôksa maneran-tany no hanombohana izany, manaraka azy avy eo ny tantaran`ny nahatongavany teto Madagasikara, hamaranana azy kosa ny fijerena ny fiangonana Ôrtôdôksa ankehitriny.

### 2.1 NY FIANGONANA NIPOIRAN`NY ÔRTÔDÔKSA MANERAN-TANY

Ny Fiangonana Ôrtôdôksa dia anisan`ireo Fiangonana kristianina voalohany raha ny maneran-tany no jerena. Izany hoe; anisan`ireo Fiangonana niorina voalohany taorian`i Jesoa Kristy izy. Izany no iantsoan`ny mpino Ôrtôdôksia azy hoe "Fiangonan`ny Testamenta vaovao", satria izy ireo dia mihevitra fa izy no fiangonana marina sy tsy mbola nandika ireo fomba amam-panaon`ny Fiangonana tany am-piandohana. Hojerena ato amin'ity toko voalohany ity ary ny antony niantsoana ny fiangonana ho tokana, masina katôlika Ôrtôdôksa, avy eo mijery ireo antony nisarahan'ny fiangonana ho Tandrefana sy Tatsinanana, ary hamaranana ity toko ity ny fijerena ireo fototra iorenan'ity fiangonana Ôrtôdôksa ity.

### 2.1.1 Fanazavana fohy ny maha tokana masina katôlika sy apôstôlika ny Fiangonana Ôrtôdôksa

Katôlika, midika hoe "manontolo", izany hoe; ny fiangonana Ôrtôdôksa, dia mitahiry ny manontolon`ny finoana an`i Kristy izay finoana nambaran`Andriamanitra nandritra ireo taonjato maro nifandimby. Izany no antony ilazana azy hoe Fiangonana "Ôrtôdôksa", izany hoe; fiangonana izay mitahiry ny finoana an`i Kristy feno sy marina.

Mino ny Kristianina Ôrtôdôksa fa ny fiangonana, izay manana an`i Kristy ho Loha sy tempolin`ny Fanahy Masina dia tsy mety diso. Araka izany, ny feon`i Kristy eto amin`izao tontolo izao ankehitriny dia ny feon`ireo "Ôrtôdôksia"[19].

"*Mamaritra ny Fiangonana ho « tokana, masina, katôlika sy apôstôlika » ny simbôlin`ny Fiekem-pinoana tao Nisea- Kaonstantinôpla. Ny Fiangonan'i Kristy dia tokana sy ho an'ny rehetra ; miparitaka amin'ny olon-drehetra, amin'ny fotoana rehetra, amin'ny toerana rehetra ; ny finoany dia izay efa noraisina hatramin'izay, na aiza na aiza, amin'ny olon-drehetra ; iombonana ny fomba fisainana sy ny fomba fiainana : izay no hevitry ny teny hoe « katôlika ». Masina ny Fiangonana, tsy midika akory izany fa dia ho masina araka izany avokoa ny mpikambana ao, fa iantsoana ny olona rehetra ny fahamasinana ary ny Fiangonana dia manana sy manome ny mpino ny fomba hahamasina azy ireo. Ny Fiangonana dia apôstôlika, satria milaza fa manaraka ny fomban'ireo apôstôly tany aloha. Ary satria nisy ny misterin`ny fametrahan-tanana izay fomba atao amindrana ny fombam-pivavahana rehetra ka ahatongavany any amin`izy ireo.* "[20]

---

[19] Toetran`ny Olona mpanaraka ny fomban`ny Ôrtôdôksa.

[20] « Le Symbole de Foi de Nicée-Constantinople décrit l'Église comme étant " une, sainte, catholique et apostolique ". L'Église du Christ est *une* et universelle ; elle s'étend à tous les hommes, à tous les temps, à tous les lieux ; sa foi est celle qui a été reçue toujours, partout, par tous ; elle ne pense et ne vit qu'unanimement : c'est ce qu'exprime le mot " *catholique* ". L'Église est *sainte*, non en ce sens que tous ses membres soient effectivement saints, mais parce que la sainteté est la vocation de tous et que l'Église possède et offre aux fidèles les moyens de sanctification. L'Église est *apostolique*, parce qu'elle se réclame de la tradition des Apôtres et parce que, par le mystère de l'imposition des mains au moyen duquel se transmet tout office pastoral, elle remonte jusqu'à eux. » (URL :***http://www.pagesorthodoxes.net/foiorthodoxe/egliseaujourdhui.htm***)

Tsy nahasakana ny fisaraham-bazana nisy teo anivon`ny Fiangonana anefa izany. Ho hitantsika manaraka eto ary ny anton`izany.

### 2.1.2 Ny tsy fifankazahoana teo amin`ny Tandrefana sy ny Tatsinanana

Tany am-piandohana dia nitambatra ho iray ny fiangonana Tatsinanana sy Tandrefana, izany hoe; tsy mbola nisy disadisa na adiady nampisaraka azy ireo fa niray tsy nivaky tao amin`i Kristy izy ireo. Niara-nitolona izy ireo nanohitra ireo karazana fampianaran-diso maro samihafa. Nitovy avokoa ny votoatin`ny fanompoam-pivavahan`ny fiangonana hatramin`ny faran`ny arivo taona voalohany. Nitovy ny fampianaram-pinoana, niventy fiekem-pinoana tokana. Noho ny antony maro izay mbola hotanisaina etsy ambany dia nisara-bazana io Fiangonana tokana io.

Rehefa nampisaraka ny fiangonana ho Tatsinanana sy Tandrefana ny lafiny ara-pampianaram-pinoana sy ara-pôlitika ary ekonomika, dia mbola nisy koa antony roa lehibe hafa dia ny nanendren`ny Papa tena ho Eveka faratampon`ny Fiangonana sy ny fanampiana hevitra vaovao tao amin`ny fiekem-pinoana. Hezaina hovelabelarina ato amin`ity toko ity ireo antony roa lehibe tena nahatonga ny fisaraham-bazana ireo.
Hojerena voalohany eto àry ny fanindrahindrana ny Papa

#### 2.1.2.1 Ny fanindrahindrana ny Papa

Samy nanana Eveka nitondra azy avy ireo patriarkà dimy ireo ka ny fitambaran`izy ireo no manapa-kevitra ny zavatra tsy maintsy hatao izay antsoina hoe: “concile” na koa hoe kônsily.

Taorian’ny nahafatesan’ireo Apôstôly, rehefa niroborobo ny fitantanana ny Fiangonana, dia tonga nekena ho voalohany ara-panajana na zoky ara-pitantanana ny evekan`i Rôma, na dia mitovy aza ireo Eveka rehetra. Saingy telonjato taona teo ho eo taty

aoriana, nanomboka nampihatra moramora ny maha ambony azy teo amin’ireo Eveka hafa ny Evekan`i Rôma, ary nanambara am-pahibemaso fa izy irery no dimbin`i Masindahy Piera. Ny ankamaroan’ireo Evekan`ny Fiangonana dia samy nanaiky ny maha voalohany ara-panajana an`i Rôma, saingy tsy neken’izy ireo kosa ny fanambaran`ny Evekan`i Rôma ho lohan`ny Fiangonana eto ambonin`ny tany.

Ny fiakaran’ny fahefan’ny Papa dia nanjary antony lehibe nahatonga ny fisarahan’ny Fiangonana Rômana sy ireo rehetra niangona manodidina azy tamin`ny fiangonana Ôrtôdôksa.

Araka izany dia nitsangana ny Papa ary nanana fahefana mihoa-pampana, raha ny fijerin`ny Ôrtôdôksa. Hany ka izay rehetra ambaran`ny Papa dia ekena ary heverina fa marina avokoa. Vokatr`izany dia nanana fahefana betsaka ary tsy azo tohaina ny Papa. Manaporofo izany ny fankalazana ny andro niakaran’i Maria renin’i Jesoa isaky ny 15 Aogositra. Ny Papa Pie XII tamin’ny 01 Novambra 1950 no nanapaka an’io daty io ka dia notanterahin’ny mpino katôlika mandraka ankehitriny. Fa hoy indrindra izy tao amin`ny lalàm-panorenana apôstôlika izay antsoina hoe “Munificentissimus Deus du pape Pie XII”: « *Amin’ny alalan’i Jesoa Kristy Tompo, sy ny Apôstôly Piera sy Paoly, ary ny fahefana anananay, no hanambaranay, sy ilazanay ary anamarihanay eto fa i Masina Maria virijiny renin’Andriamanitra, rehefa tapitra ny andro niainany teto an-tany dia niakatra vatana sy fanahy ho voninahitry ny lanitra. »*[21]

Ankoatra izay fanindrahindrana ny Papa izay dia tao ihany koa ny fanampiana hevitra natao tao amin`ny fiekem-pinoana.

---

[21] « En l'autorité de notre Seigneur Jésus-Christ, des bienheureux Apôtres Pierre et Paul, et par notre propre autorité, nous prononçons, déclarons, et définissons comme un dogme divinement révélé que l'Immaculée Mère de Dieu, la Vierge Marie, après avoir achevé le cours de sa vie terrestre, fut élevée corps et âme à la gloire céleste »( **URL :http://fr.wikipedia.org/wiki/Assomption_de_Marie)**

### 2.1.2.2. Ny fanampiana hevitra ao amin`ny Fiekem-pinoana

Nanomboka nahazo vahana koa ny tsy fifankazahoana momba ny Fanahy Masina. Avy amin`ny Ray ve ny Fanahy Masina? Sa avy amin`ny Ray sy ny Zanaka Izy?

Toy izao manaraka izao ny fanazavana nation`ireo Rain`ny Fiangonana Ôrtôdôksa:

I Jesoa Kristy Tompontsika dia nampianatra hoe: " *Fa rehefa tonga ny mpanafaka alahelo izay hirahiko aminareo avy amin`ny Ray, na ny Fanahin`ny fahamarinana izay avy amin`ny Ray, dia Izy no hanambara Ahy*" (jn 15:26). Izany no fanambarana fototra ao amin`ny Testamenta vaovao momba ny " **Fiavian`ny**" Fanahy Masina, ary mazava fa: "**Avy amin`ny Ray Izy**". Koa rehefa nanamafy indray ny Fiekem-pinoana tany Nisea (325 taorian`I J.K) ny Konsily tany Kaonstantinôpla (381 taorian`I J.K ), dia namelabelatra fa ny Fiekem-pinoana dia ventesina amin`ireto teny mahazatra ireto: "*Ary ny Fanahy Masina, Tompo sy Loharanon`aina, avy amin`ny Ray, tsaohina sy omem-boninahitra miaraka amin`ny Ray sy Zanaka…"*.[22]

Roanjato taona taty aoriana anefa, tao amin`ny konsilim-paritra tao Tôledô, Espaina (ny taona 589), ny mpanjaka Reccared dia nanambara fa "*Ny Fanahy Masina ihany koa dia azontsika ekena sy heverina fa avy amin`ny Ray sy ny Zanaka"*[23].

Mifanohitra amin`izany tenin`ny mpanjaka izany anefa ny fampianaran`I Jesoa izay neken`ny Fiangonana manontolo momba ny Fanahy Masina. Nifikitra tamin`izany fiheverana izany kosa ny konsilim-paritra tany Espaina, ary taonjato vitsy taty aoriana, noho ny fihetsehana ara-pôlitika, dia nanova ny fiekempinoan`ny Fiangonana maneran-tany tsy nisy konsily ekiomenika ny Papa tao Rôma. Notsipahin`ny Tatsinanana sy ny Tandrefana avy hatrany izany fanovana izany, ary na ireo Eveka teo akaikin`i Rôma aza

[22] *Fampidirana momba ny Fiangonana Ôrtôdôksa*, edisiona Ôrtôdôksia, Fiangonana Ôrtôdôksan`i Madagasikara, P8

[23] Kazhdan (1991), « ***Patriarchates*** », vol.3, pp. 1599-1600, le roi Reccared « affirmait que le Saint Esprit procédait à la fois du Père et du Fils »

dia nitsipaka ihany koa, fa ny Papa kosa niezaka nandresy lahatra ny Tandrefana hanaiky izany.

Vokany, niorina tao amin`ny fiangonana tandrefana ny fironana amin`ny fampidinan-danja ny Fanahy Masina ka mametraka azy amin`ny toerana ambany miohatra amin`Andriamanitra Ray sy ny Zanaka.

Ity tranga ity, niaraka tamin`ny fisintahan`ny Papa tamin`ny fampianaram-pinoana ôrtôdôksan`ny Fiangonana, dia nanjary antony hafa niteraka ny fisarahan`ny Fiangonana Rômana tamin`ny Fiangonana Ôrtôdôksa.

### 2.1.2.3 Ny fisarahana lehibe

Nitombo hatrany ny fifanolanana teo amin`ny Papa rômana sy ny Tatsinanana.Tsy naharitra ela akory ny fitantanan`ny Papa ny Fiangonana, dia niseho tamin`ny endrika pôlitika izy ka nitady hitondra ny Fiangonana manontolo ho eo ambany fanapahany

Nitranga araka izany ny ady teo amin`ny lafiny pôlitika, ara-pinoana, eny fa na ara-miaramila aza tamin`ny taona 1054. "*Ny 16 jolay 1054 dia nisy mpitondra fivavahana telo nametraka taratasy teo ambony latabatra masin`ny Fiangonan`ny Fahendrena masina Mb Sofia tamin`ny fanompoam-pivavahana, nanongana ny patriarkan`I Kaonstantinôpla sy ny akaiky azy tsy ho ao amin`ny Fiangonana intsony"*[24]

Tantara ratsy teo amin`ny tantaran`ny Fiangonana iny zava-nitranga iny. Vokany, nisy ny fisarahan`ny Fiangonana katôlika Ôrtôdôksa tanteraka tamin`ny Fiangonana katôlika Rômana. Ankehitriny, dia efa iaraha-mahita fa efa manomboka milamina io fisaraham-bazana misy eo anivon`ny fiangonana roa tonta io. Manaporofo izany ohatra ny fihaonan`ireo Papa roa lahy (Papa Rômana sy Papa Ekomika Ôrtôdôksia) tany Jerosalema ny 25 sy 26 May 2014 lasa teo.

---

[24] Runciman (1955), pp. 46-47 « Le 16 juillet 1054, les trois ex-légats se rendirent à Sainte-Sophie alors que l'on s'apprêtait à célébrer l'office de l'après-midi et déposèrent devant les fidèles une bulle excommuniant le patriarche et ses assistants »

*"Nihaona tany Jerosalema ny Papa François sy ny "Patriarche" Bartholome ho fankalazana ny faha 50 taonan'ny fihaonana nisy teo amin'i Papa Paoly faha VI sy ny Patriarkà Ekôminika Bartholomew Athenagoras. Nisy lanjany lehibe teo amin'ny kristianina ity fihaonana ity satria, nanokatra ny fifandraisana teo amin'ny Fiangonana roa tonta izany ary samy nifanaiky ny amin'ny fahefana ananan'ny andaniny sy ny ankilany mba handaminana ny disadisa nisy tany aloha. Izany moa no tanteraka dia noho ny sitrapon'Andriamanitra, izay mpanorina ny fiangonana"*[25]

**<u>Sary 1</u>**: Papa François sy ny "Patriarche" Bartholome 25-26 May 2014



*(Photo courtesy of N. Manginas)*

[25] Pope Francis and Ecumenical Patriarch Bartholomew met in Jerusalem to commemorate the 50th anniversary of their predecessors' meeting. This meeting of the venerable Primates of the leading Sees of Christendom had great significance. On the one hand, because it constitutes the unanimous recognition of the fruitful Dialogue of Charity for the relations of the two Churches, and on the other hand, because it lights, through the validity of their exemplary authority, the way of the official Theological Dialogue for overcoming the traumatic experiences of the past. This common course in the way of unity is a command of the divine Founder of the Church, our Lord Jesus Christ, and it is the common mission of the venerable Primates of the two Churches,
*(URL:* ***https://www.patriarchate.org/fr/press/-/asset_publisher/wfpdvmLXgl9l/content/visits-of-ecumenical-patriarchs-to-rome-and-popes-to-the-ecumenical-patriarchate)***

Rehefa nisy àry io fisarahana lehibe teo amin`ny fiangonana Katôlika Rômana sy fiangonana katôlika Ôrtôdôksa io dia nanaraka ho azy tsikelikely koa ny fivakisana tao amin`ny fiangonana Katôlika Rômana

### 2.1.2.4 Ireo fivakiana tao amin`ny Tandrefana

Na dia tsy mikasika mivantana ny Ôrtôdôksa aza ny fisarahan`ny Tandrefana dia ampahatsiahivinay fohy ny fisian`ny fivakiana hafa koa..

Nandritra ireo taonjato maro taorian`ny taona 1054 taorian`i Jesoa Kristy, dia nanjary marika tsy hay kosehina teo amin`ny tantara ireo fahasamihafana miavosa eo amin`ny Tatsinanana sy ny Tandrefana. Ny Fiangonana Tatsinanana nitazona feno ny riandranon`ny finoan`ny Testamenta Vaovao, ny fanompoam-pivavahany sy ny fomba fanaony. Ny Tandrefana na ny Fiangonana Rômana kosa nilona tao anatin`ny olana saro-bahana, hany ka taonjato dimy latsaka kely taorian`ny nanimban`i Rôma ny fampianaram-pinoana sy ny fomba fanao, dia nitranga koa ny fikorontanana hafa.

Lafin-javatra telo amin’ny ankapobeny no nampiavaka ny Fiangonana katôlika Rômana hatramin’ny taon-jato faha-XVI. Ireo lafin-javatra telo ireo taty aoriana no niteraka ny Fiangonana katôlika. Ary mbola ireo ihany koa taty aoriana no lasa nampisintaka ny Fiangonana hafa araka ny hahitantsika azy eto ambany.

Ireto avy ireo lafin-javatra telo izay hovahavahantsika etsy ambany ireo: ny fanomezana fahefana mihoa-pampana ny Papa, ny fampiasana ny teny latina, ny « indulgence ».

Tsy horesahinay eto intsony ny momba io fahefana mihoa-pampana ananan`ny Papa io satria efa noresahina tery ambony, fa ny momba ny fampiasana ny teny Latina sy ny “indulgence” no ndeha hasiana resaka fohy.

**a) Ny fampiasana ny teny latina.**

Talohan'ny kaonsily vatikana faharoa tamin'ny taona 1962, ny teny latina irery ihany no nampiasain'ny fiangonana katôlika Rômana mandritra ny fotoam-pivavahana. Ny baiboly ihany koa dia voadika tamin'ny teny latina. Vokatr'izany toe-javatra izany, olom-bitsy izay mahay ny teny latina ihany no mahazo mamaky ny baiboly sy mahazo izay tian-kambara ao anatin'ny baiboly.

Noho ny tsy fahafahan'ny besinimaro mamaky baiboly izay dia nazoto nihaino sy nankato izay voalazan'ny mpitarika teo anivon'ny Fiangonana katôlika ny ankamaroan'ny olona. Nambaran'ireo mpitarika Fiangonana tamin'izany àry fa masiaka be ny Andriamanitra ivavahan'ny Fiangonana katôlika ka izay tsy manaraka ny didiny dia hijaly any amin'ny helo[26]. Mba hanesorana ny olona tsy ho any amin'ny helo noho ny ota anefa dia najoron'ny mpitarika teo amin'ny fiangonana ny « indulgence ». Ity farany ity indray no hasiantsika resaka fohy.

**b) Ny "indulgence"**

Andeha hofaritana fohy aloha ny atao hoe "indulgence" alohan`ny hijerena ny momba azy.

Ny lalàna 992 dia mamaritra ny famelan-keloka na ny "indulgence" ho : *« famelana eo anatrehan'Andriamanitra ny heloka natao, famelan-keloka omena ny mpino izay vonona hanaraka ny fepetra takin'ny fiangonana, ny fiangonana izay mpanavotra ny fanahin'ny olona."* [27]. Izany famaritana izany moa dia notsoahina avy tao amin'ny «encyclique *Indulgentiarum doctrina* de Paul VI » izay naverina ary narahina fanazavana ao anatin'ny katesizin'ny katôlika, teboka 1471.

---

[26] Araka ny nambaran'ny pastoran'ny FLM

[27]l'*encyclique Indulgentiarum doctrina de Paul VI*, Le canon 992 définit l'indulgence comme : « la rémission devant Dieu de la peine temporelle due pour les péchés dont la faute est déjà effacée, rémission que le fidèle bien disposé obtient à certaines conditions déterminées, par l'action de l'Église, laquelle, en tant que dispensatrice de la rédemption, distribue et applique par son autorité le trésor des satisfactions du Christ et des saints ».( **URL : http://fr.wikipedia.org/wiki/Indulgence_%28catholicisme%29)**

Taratasy vidina ny *« indulgence »* ka izay olona efa nanota na mieritreritra ny hanota dia ho voavela heloka avokoa rehefa avy nividy azy. *Mihatra na misy dikany amin`ny fanahy ao amin`ny Afo Fandiovana ny famelan-keloka, izany hoe amin`ny maty fa tsy amin`ny velona fotsiny ihany"* [28].

Tamin`ny fotoana nitondran`ny Papa LEON X ny Fiangonana katôlika Rômana no tena nampiroborobo ny "indulgence". Namidin'i Papa Leon X ny famelan-keloka izay natao hanamorana ny fiakarana any an-danitra. Ny vola azo tamin'izany no nahafahany nanamboatra ny "basilique Saint-Pierre" tao Rôma.[29]

Nihatra tamin`ny mpino katôlika rehetra ireo toe-javatra isan-karazany voalaza tery ambony ireo.

Na dia maro tamin`ireo Tandrefana aza no niteny mazava nanohitra ny fanapahana Rômana sy ny fomba fanaony, ka niezaka ny hanova sy hanitsy izany toe-javatra izany dia i Martin LUTHER (1483- 1546) izay pretra Alemana no tsy nisalasala nandefa famelezana mivaivay nanohitra ny fomba fanaon`ny katôlika Rômana. Nantsoina hoe "réformation" izany hetsika fanavaozana ny Fiangonana Katôlika izany. Tamin'ny 31 Oktôbra 1517, dia nanoratra asam-pandinihana (thèses) 95 [30] ho fanavaozana ny Fiangonana i LUTHER.

Nofantsihany teo amin`ny varavaram-piangonana rômana tao Wittenberg (Alemaina) ireo tohan-keviny dimy amby sivifolony ireo. Nanomboka teo ny hetsi-panavaozana ny Fiangonana ka izany no iantsoan'ny mpanara-dia an' i LUTHER io andro io hoe "andron'ny refôrmasiona".

Vokatr'io hetsika nataon'i Martin LUTHER io dia teraka ny Fiangonana prôtestanta. Naongana izy tamin`ny taona 1521.

---

[28] Claudette MARQUET, *Le protestantisme*, Collection Comprendre aujourd'hui, SEGHERS, Paris, 1977 p.40: « Les indulgences s'appliquent aux âmes du purgatoire, c'est- à dire aux morts et non plus seulement aux vivants. »

[29] *Encarta Junior 2009* "le papa LEON X organize la vente d`indulgences censèe faciliter l`accès au paradis. L`argent ainsi obtenu doit lui permettre de faire construire la basilique Saint-Pierre à Rome. »

[30] Tovana laharana 1

Tsy i Martin LUTHER irery no nanao an`io hetsika fanavaozana ny Fiangonana Katôlika io fa marobe. Toa an`i Ulrich Zwingli tao Zurich, John CALVIN (1509- 1564) tao Zeneva, ary an-jatony hafa nanerana an`i Eorôpa andrefana. Nampirehetin`ny antony pôlitika, sôsialy sy ekônômika izay nanampy trotraka ny olana ara-pinoana izany, ka niely tahaka ny afo tsy hay tohaina na dia tamin`ny toerana faran`izay kely aza tao amin`ny Fiangonana Rômana ny Fanavaozana. Nihen-danja izaitsizy ny fitazonan-tokana ny Fiangonana izay efa nahazatra ny firoboroboany, ary fisarahana faobe no nisolo ny firaisana. Mbola mitohy mandravarava na dia izao ankehitriny izao aza, tahaka ny fihetsiketsehana Prôtestanta, ny akon`izany fisarahana izany.

Nandritra ny am-polon-taonany nifandimby tao amin`ny Tandrefana, dia nitohy nisaratsaraka hatrany ireo sampan`ny Prôtestantisma. Misy aza ao sampana izay nanitrikitrika fa sady tsy Prôtestanta no tsy katôlika Rômanina. Izy rehetra ireo dia samy tsy mankasitraka ny Evekan`i Rôma sy ny fomba fanaon`ny Fiangonany avokoa, ary ny ankabeazany aza dia tonga amin`ny endri-pitarihan`olon-tokana. Ny sasany indray, toy ny Loterana sy ny Anglikanina, dia mitazona ny endrika sasan`ny litorijia sy ny sakramenta.

### 2.1.3 Fototra iorenan`ny fiangonana Ôrtôdôksa

Ny Fiangonana na koa ireo fikambanana maro samy hafa dia samy manana ny fototra iorenany avokoa. Samy manana ny antom-pisiany sy ny tanjony avy izy ireo. Zava-dehibe araka izany ny fananana io fototra ijoroana io. Aseho manaraka eto àry ireo fototra iorenan`ny Fiangonana Ôrtôdôksa. Ka ny hojerena voalohany amin`izany dia  ny konsily fito fototra iorenan`ny fiangonana, manaraka azy avy eo ny fanehoana ireo Lova masina izay iainan'ny fiangonana .

Raha jerena eo amin`ny tantaran`ny Fiangonana fony mbola tsy nisaraka dia hita fa nisy konsily 25 tao. Ny fito tamin`ireo ihany anefa no notazomin`ny Fiangonana Ôrtôdôksa rehefa nisy ny fisarahana lehibe tamin`ny 1054.  "*Ireo konsily fito ireo ihany no notazomina satria ireo no misy ny fanilovan`ny Fanahy Masina sy ny nandraisana ny*

*fampianaram-pinoana izay mbola iainana hatramin`izao.*" hoy hatrany i mômpera Andreas taminay.

Mialoha ny hitanisana ireo konsily fito sy ireo lova masina ary ny fijerena ny foto-pinoan'ny Fiangonana Ôrtôdôksa dia hofaritantsika vetivety ny mahakasika ny hoe "konsily".

### 2.1.3.1 Famaritana ny "konsily"

*Ny hoe Konsily dia « Fivoriamben'ireo Eveka sy ny mpandinika momba ny finoana izay mamaritra ny amin'ny finoana, ny fanaovana ny fotoam-pivavahana ary ny fitsipika tsy maintsy arahina ».*[31]

Mbola manamafy an`izany ihany koa ity manaraka ity *:« Ny konsily izay midika hoe fivoriambe na ny synôda « synode » izay midika hoe, lalana iraisana, dia fivoriamben'ny Evekan'ny fiangonana katôlika (na rômana na tsia) na ôrtôdôksa. Manome lanjany lehibe ny fiangonana kristianina rehetra izy : ny fisian'ny lamina an-tanan-tohatra izay ahafahan'ny evekan'ny fiangonana tsirairay mivory sy midinika alohan'ny hanapahana hevitra mifanaraka amin'ny finoana sy ny fitsipika mifehy ny rehetra eo ambany fahefan'ny mpitondra fiangonana iray.'*'[32]

Araka izany, dia fihaonamben'ny Eveka izay mamaritra ny lalàna momba ny finoana sy ny fitsipika iraisana no atao hoe konsily.

---

[31] « Assemblée d'évêques et théologiens se prononçant sur le dogme, la liturgie et la discipline ***»( URL : <u>http://www.linternaute.com/dictionnaire/fr/definition/concile/)</u>***

[32] « Un concile (du latin *concilium*, assemblée), ou synode (du grec ancien sun-odos = chemin commun), est une assemblée d'évêques de l'Église catholique (romaine ou non) ou orthodoxe. Il manifeste une dimension essentielle de toute Église chrétienne : la synodalité ou organisation hiérarchique du corps en vertu de laquelle les prélats chargés du gouvernement de chaque portion de l'Église (évêques) sont susceptibles de se réunir pour prendre ensemble des décisions qui engagent la foi et la discipline de tous sous l'autorité d'un primat. »
***( URL : <u>http://fr.wikipedia.org/wiki/Concile</u>***)

Ao anatin'ny fiangonana Ôrtôdôksa, ny kônsily no rafitra manapa-kevitra ny amin'ny momba ny fari-piadidim-piangonana iray na ny fiangonana iray. Atao hoe « *œcuménique* » na ekominika ny fanapahan-kevitra raha ohatra ka mivoaka avy amin'io rafitra io (fanapaha-kevitry ny rehetra), izany hoe; eken'ny fiangonana rehatra izay manaiky ka nandray anjara tao ny fanapaha-keviny.

Andeha àry hojerentsika manaraka eto ireo konsily 7 ireo. Izy ity dia nalaina avy ao amin`ny http://fr.wikipedia.org/wiki/Concile_œcuménique, sy avy amin`ny fanazavana nomen`ny pretra Andreas anay.

### 2.1.3.2 Ny kônsily Fito

Tsy mitovy ny lanjan'ny kônsily ekominika rehetra; ny efatra voalohany dia mifantoka tanteraka amin'ny tsangan-kevitr'i Kristy ary fototra sy niandohan'ny fizarazarana voalohany nisy teo amin'ny Fiangonana. Haseho eto ambany ary ireo konsily fito izay nanamarika ny fiangonana Ôrtôdôksa.

- Kônsily voalohany tao Nisea tamin`ny taona 325 antsoina hoe kônsily Ekominika izany hoe; fivoriana lehibe iarahana amin`ireo Eveka mpitondra ny Patriarkà rehetra. Ny zavatra tena noresahina tao tamin`izany dia ny maha-Andriamanitra an`i Jesoa Kristy, sy ny nanapahana ny fiekem-pinoana kristianina.

- Ny kônsily ekominika faharoa dia natao tany Kaonstatinôpla 1 tamin`ny taona 381 taorian`ny Jesoa Kristy ( nantsoina hoe: "Kaonstatinôpla 1" ity kônsily ekominika ity mba hanavahana azy amin`ny kônsily hafa natao tao amin`io toerana io ihany, maro mantsy ireo kônsily natao tany Kaonstaninôpla, araka izany dia nomena laharana izy ireny. Mitovy amin`ny an`ny fiangonana Katôlika tandrefana toy ny Vatican 1, sy Vatican 2 ihany izy io.) Ny tena noresahina sy nodinihina tao

tamin`izany dia ny fanamelohana ny fampianaran-diso "Arianisma"[33] , izay nataon`ny Pretra . Tao ihany koa ny fametrahana ny trinite (ny Ray Zanaka Fanahy Masina), ary indrindra koa noresahina tao ilay laharam-pizokiana, ka raha tamin`ireo Patriarkà dimy, dia i Rôma no voalohany ary manaraka azy avy eo i Kaonstatinôpla.

- Kônsily ekominika fahatelo dia tany Efezy (Turquie amin`izao fotoana) tamin`ny taona 431. Ny tena nodinihina tao indray dia ny fanitsiana fampianaran-diso nataona mômpera iray antsoina hoe: Nestorius. izay nilaza fa "samy hafa mihitsy ny maha Andriamanitra an`i Jesoa Kristy sy ny maha Olombelona azy."

- Kônsily ekominika fahefatra dia tany "Calsedoane" tamin`ny taona 451 taorian`ny Jesoa Kristy. Io indray dia niresahana manokana ny fanamelohana ny mônôfizita izay mino sy manambara fa i Jeso Kristy dia Andriamanitra fotsiny fa tsy Olombelona. Noho izany dia nomelohina io fampianaran-diso io satria tsy araka ny soratra masina.

Tsara marihina fa misy ny mônôfizita Ôrtôdôksa izay tsy mino ny maha Olombelona an`i Jesoa Kristy fa mino kosa ny maha Andriamanitra azy fotsiny. Izany hoe; raha hazavaina marimarina kokoa izy ireo izany dia tsy mino ny Trinite, ohatra amin`izany ny any Ejipta.

- Kônsily ekominika fahadimy tao Kaonstatinôpla 2 tamin`ny taona 553. Ny nodinihina tato indray dia ireo toko telo na "trois chapitres" izay nosoratan`ireo mômpera telo lahy dia tsy iza fa i Théodore, Théodoret, Ibas, tsy nekena ho fampianaran`ny fiangonana io boky io ary izay no nodinihina tao. Io boky io dia

---

[33]« L'**arianisme** est un courant de pensée théologique des débuts du christianisme, due à Arius, théologien alexandrin au début du iv^e siècle[1], et dont le point central concerne les positions respectives des concepts de « Dieu le père » et « son fils Jésus ». La pensée de l'arianisme affirme que si Dieu est divin, son Fils, lui, est d'abord humain, mais un humain disposant d'une part de divinité. »
**(URL** : **http ://fr.wikipedia.org/wiki/Animisme**)

maneho ny tantaran`i Jesoa Kristy; toy ny nahatongavany tety an-tany, ny nanavotany izao tontolo izao, teo ihany koa ny resaka maha-olombelona sy maha-Andriamanitra Azy. Marihina fa taty aoriana dia nekena ihany izy io.

- Kônsily ekominika fahenina tao Kaonstatinôpla 3 tamin`ny taona 680. Fanamelohana ny "mônôtelisme" izany hoe; miresaka momba ny sitrapon`Andriamanitra, i Jesoa Kristy ihany no noresahina teto, tahaka ny mônôfizita ihany fa eto dia mônôtelisma resaka sitrapo, izany hoe; tsy nanana sitrapo maha olona fa sitrapo maha Andriamanitra ihany i Jesoa Kristy, araka izany ny kônsily dia nanameloka izany satria amin`ny maha Olona azy dia manana sitrapo maha olona izy, ary amin`ny maha Andriamanitra Azy dia manana ny sitrapo maha Andriamanitra koa Izy.

- Konsily ekominika tao Nisea 2 tamin`ny taona 787. Io indray dia nanapahana ilay fanajana ireo sary masina na "Icône" atao ao amin`ny Fiangonana.

### 2.1.3.3 Ireo lova masina

Hatramin'ny nijoroan'ny Fiangonana kristianina voalohany ka mandraka ankehitriny dia ny fiangonana kristianina katôlika Ôrtôdôksa no mbola anisany ahitana ireo lova masina nolovaina tamin'i Kristy sy ny apôstôly, tamin'ireo Rain'ny Fiangonana sy ny kônsily ekiômenika fito. Mizara roa mazava tsara ireo ka ao ny lova an-tsoratra, sy ny lovantsofina na tadidivava.

Ny lova an-tsoratra no anombohana izany.

**a) <u>Lova an-tsoratra</u>**

Ny Baiboly Masina izay ahitana ny testamenta taloha sy vaovao. Ao koa ny litorjia Masina na Sorona masina nosoratan'i Masindahy Jean Chrysostome sy i Masindahy Basile le Grand tamin'ny taonjato faha IV, mbola hovahavahana etsy aoriana kely ny mahakasika izay. Tsy izay ihany anefa ireo lova an-tsoratra ireo fa mbola ao koa ireo vavaka samihafa

fanao isan'andro, ary ireo fomba fanomezana ny sakramenta fito. Andeha hotanisaina eto ambany ireo sakramenta fito ireo.

❖ Ireo Sakramenta

Tahaka ny Fiangonana Katôlika Rômana sy ireo Fiangonana Prôtestanta dia manana ny sakramenta ihany koa ny Fiangonana Ôrtôdôksa. Manana ny atao hoe Lova Masina ny Fiangonana ka anisan`ireo Lova Masina ireo, ny fomba fanomezana ny Sakramenta Fito : **Batemy, Fankaherezana, Eokaristia, Famelan-keloka, Fanambadiana Kristiana, Fandraharahana Masina, Fanosorana ny marary.**

Isaky ny tsirairay amin`ireo tranga ireo, dia tsapan`ny Kristianina fa ao amin`ny Mistery lehibe, ny fahasoavana sy ny hery avy amin`Andriamanitra ary omena araka izay ilain`ny olona tsirairay. Hitan`ny Fiangonana fa fotoana masina eo amin`ny fiainany ireo fisehoan-javatra ireo ka nantsoiny hoe Mistery na Sakramenta.

Ireo sakramenta fito ireo dia mitovy amin`ny an`ny Fiangonana katôlika ihany. Tsara homarihina  fa ny voambolana ampiasain`ny katôlika Tandrefana eo amin`ny fanaovana ny lamesa toy ny teny hoe: "Batemy", "Fankaherezana", "lamesa", Kônfirmasiona", … ihany no notazomin`ny ôrtôdôksa eto Madagasikara mba tsy hanano sarotra ny olona ny handray azy. Ho an`ny Fiangonana Ôrtôdôksa any ivelany kosa dia tsy tahaka izany fa manana ny voambolany manokany izy ireny, indrindra fa ny any amin`ny firenena tena Ôrtôdôksa. Ohatra amin`izany teny izany ny hoe "chrismation" izay mitovy dika amin`ny kônfirmasiona ihany, mbola anisan`ny teny mampiavaka azy ireo ihany koa ny hoe "Trisagiôna" izay midika "Masin-telo", ny "Tropere, trôpariônina" izay ilazana ny "antsa, na koa ilazana olomasina, sy hiderana azy. Mbola ao anatin`izany voambolana izany ihany koa ny hoe "Teôtôkiônina" hantsa natao ilazana ny renin`Andriamanitra. Ny Fiangonana Katôlika sy ny Prôtestanta kosa dia samy manao izay iavahany. Ohatra: "Batemy" izay "Batisa" no ilazany azy any amin`ny prôtestanta, "Evanjely" izay nadika "Filazantsara" kosa any amin`ny Prôtestanta.

Ny fanamasinana ho Pretra dia ao anatin’ny sakramentan’ny fandraharahana masina. Hojerena fohy manaraka eto ambany ny mahakasika ireo pretra Ôrtôdôksa ireo satria dia anisan’ny mampiavaka azy amin’ny finoana hafa izy io.

- **Fanamarihana momba ny pretra Ôrtôdôksa**

Anisan`ny manavaka ny Fiangonana katôlika Ôrtôdôksa amin`ny Fiangonana katôlika Rômana pretra. Ato amin`ny Ôrtôdôksa mantsy dia mahazo manambady ny pretra, mifanohitra amin`izany kosa ny ao amin`ny Rômana. Tsy mahazo misara-panambadiana intsony na koa manambady fanindroany ireo pretra ireo, ary matoa koa ny pretra manambady dia efa nanambady talohan’ny nanosorana azy ho pretra izy izay. Izany hoe; alohan`ny hanosorana azy ho pretra dia misafidy izy ireo na hanambady na tsia. Ka izay safidiny eo dia tsy azo ovana intsony.

**b) <u>Lovantsofina na tadidivava</u>**

Ankoatra izany dia mbola misy ihany koa ireo “Lovantsofina” na “tadidivava” izay iainan`ireo mpino Ôrtôdôksa, toy ny fomba amam-panao amin`ny zaza teraka; omena anarana kristianina izy izay manambara fa voaomana hanomboka ny diany ho any amin`ny Ray amin’ny alalan’i Jesoa Kristy ao amin’ny Fanahy Masina.

Ny fomba amam-panao rehefa misy maty; amin`ny finoana Ôrtôdôksa ny lamesa atao amin’ny fahafatesana, dia misy dikany tahaka izao; natao izy io mba hankalazana ny fiverenantsika amin`ilay Ray izay nanome ny aina voalohany, natao ihany koa mba hanamafisana ny finoana tamin`ny nahafatesan`i Kristy sy ny fitsanganan-ko velona toy ny iandrasantsika ny antsika koa. Ankoatra ireo dia natao ihany koa izy ity mba hanosorana tombokase indray mialoha ny fiverenan`i Kristy fanindroany.

Ny rafitra manohy ny Asan`ny Apôstôly amin`ny fitondrana ny Fiangonana toy ny Patriarka, Eveka, Pretra ary Diakra dia mbola mitohy ato amin’ny Fiangonana Ôrtôdôksa.

Voafehy ao anatin'ity tenin'i Athanase ity ny finoana ôrtôdoksa: "*Tonga nofo i Kristy mba hahamasina sy mba hananantsika toetran`Andriamanitra."* [34]

### 2.1.3.4 Ny foto-pinoan`ny Fiangonana Ôrtôdôksa

Ho an'i RIVIERE Claude, ny fananana foto-pinoana miavaka amin'ny an'ny Fiangonana nisy teo aloha na « Fiangonana reniny » no maha-Fiangonana vaovao azy. Ny fototra ijoroan'ny Fiangonana iray, araka izany, ny foto-pinoana ananany.

Ny fototry ny finoana ôrtôdôksa dia ny fanekena an'Andriamanitra, izay hita taratra amin'ny fotoana rehetra eo amin'ny fiainana. Ny tanjon'ny Fiangonana dia ny hanome lanja an'izany fanekena an'Andriamanitra izany.

#### a) <u>foto-kevitra teôlôjika sy sôsiôlôjika</u>

Ato amin`ity zana-pizarana ity indray no hanehoana ireo foto-kevitra ara-teôlôjika sy sôsôlôjikan`ny fiangonana ôrtôdôksa. Ny tanjona tratrarina amin`izany dia ny mba hahafahana manavaka sy maneho ny fahasamihafana misy eo amin`ny fiangonana Ôrtôdôksa sy ny fiangonana hafa.

Hojerentsika voalohany amin`izany ary ny foto-kevitra ara-teôlôjika ny fiangonana.

- **fiheverana momba ny foto-pinoana**

Araka ny efa hitantsika tery ambony dia mifantoka tanteraka eo amin`ny lafiny "doctrinal" na foto-pinoana ny fahasamihafana misy eo amin`ny fiangonana tsirairay avy. Koa alohan`ny hampitahana ny Fiangonana Ôrtôdôksa amin`ny Fiangonana katôlika Rômanina ary dia andeha hojerena ireo foto-pinoana ao amin`ny fiangonana Ôrtôdôksa.

---

[34] :Athanase « Le Christ est devenu chair, pour que nous devenions divins ».
(***URL <u>: http://www.chretiensaujourdhui.com/eglises-oecumenisme/les-orthodoxes/)</u>***

❖ Ny hafatra avy any amin`Andriamanitra na « La Révélation Divine »

Araka ny foto-pinoana ôrtôdôksa dia Andriamanitra no nanome ny hafatra masina tamin'ny olo-masina sy ny Mpaminany tany amin'ny Testamenta Taloha, izay hotanterahin'i Jesoa Kristy. Tsy nanao herisetra tamin'olombelona Andriamanitra tamin'ny fisehoan'ny zavatra nambarany, satria zavatra tsy takatry ny sain'olombelona no niseho. Nasehon'Andriamanitra ny olombelona ny fahendreny izay miafina ao amin'ny fahamasinany. Izany fahendrena mandrakizay, tsy misy farany, eo ambonin'ny fanahin'olombelona izany dia tsy azo nampahafantarina ny olombelona raha tsy tamin'ny alalan'ny fanambaràna masina avy amin'Andriamanitra ihany. Tsy nijanona ho teny ihany nefa izany fa dia niseho sy hita porofo tamin'ny fisian'i Kristy teto an-tany.[35]

Araka ny fampianaran'ny fiangonana Ôrtôdôksa dia fomba roa no nanehoan'Andriamanitra ny fanambaràna : tamin'ny soratra masina sy tamin`ny fomba amam-panao masina. Izy ireo no mitahiry ny fahamasinana sy ny fahafenoana. Ireo no adikan'ny Fiangonana sy ampianarina an`ireo kristianina.

Raha fintinina, ny foto-pinoana ôrtôdôksa dia mampianatra fa:

- Andriamanitra irery ihany no fototry ny fanambaràna.
- Nasehony tamin'ny teny sy ny soratra ny fanambaràna nataony.
- Manaiky ary mampianatra an'io fanambaràna io ny fiangonana ôrtôdôksa, ary izy irery ihany manana alalana manazava izany.

[35] MILKA ANDONOVA HRISTOVA, *LES NOUVEAUX MOUVEMENTS RELIGIEUX DÉFI POUR L'EGLISE ORTHODOXE BULGARE*, Etude historique, doctrinale et critico-comparative de quatre nouveaux mouvements religieux, Fribourg
2007, « D'après la doctrine orthodoxe, c'est Dieu qui a opéré la Révélation graduellement par les saints Patriarches et les Prophètes de l'Ancien Testament, afin de la manifester à la fin en plénitude et de l'accomplir par son Fils unique notre Seigneur Jésus Christ. Pour manifester sa Révélation, Dieu n'a commis aucune violence, ni sur la conscience ni sur l'expérience humaines, car il a révélé des vérités divines auxquelles les hommes n'auraient jamais pu parvenir par leurs forces, ni par leur conscience ni par leur expérience. Par Son Esprit Saint, Dieu a révélé aux hommes la Sagesse divine cachée dans le mystère de Son Etre très saint. Cette Sagesse éternelle, sans limite, au-dessus de l'esprit humain, n'a pu être directement communiquée aux hommes que par la Révélation divine. En outre, elle n'a pas été seulement communiquée par la parole, elle a été montrée incarnée dans la Personne divino-humaine du Christ. »

- Fiheverana an`Andriamanitra

Ny kristianina ôrtôdôksa dia mino an'Andriamanitra tokana, olona telo « trinité » : Ray, Zanaka sy Fanahy masina. Ny «trinité » Masina dia tsy Andriamanitra telo akory fa Andriamanitra tokana ihany izay miendrika ho olona telo, izany hoe ; vatana telo mahaleotena. Ny fampianarana ny « trinité » masina dia tsy zavatra noforonin'ny mpahay fivavahana fa fahamarinana avy amin'ny fanambaràna azo avy amin'Andriamanitra.[36]

Ny finoana ny Trinite Masina no tena lalina sy tena masina amin'ny mistèry. Raha ampitahaina amin'ny mistery masina hafa dia izy no Mistery ambonin'ny mistery, izany hoe; tsy takatry ny sain'olombelona. Araka ny tenin`I masindahy Grégoira sy masindahy Jean Damacène manao hoe: "*ny finoana ny Trinite Masina dia mariky ny maha kristianina, io no mampiavaka ny finoana kristianina amin'ny finoana hafa*".[37]

Azo fintinina ho tahaka izao araka izany ny finoana Ôrtôdôksa momba ny fiheverana an`Andriamanitra.

- Andriamanitra dia tokana, nefa miseho amin'ny endrika telo samy hafa (Ray, Zanaka ary Fanahy Masina) ary antsoina hoe "Trinite Masina".
- Samy hafa sy mahaleo tena izy telo ireo nefa tsy azo sarahina
- Mitambatra izy ireo ary tsy azo sarahina.
- Miseho ho toy ny Trinite Andriamanitra taoriana sy tamin'ny alalan'ny nahatongavan'i Kristy teto an-tany, satria tamin'ny fisian'i Kristy no nahalalantsika fa misy ny Zanaka, ny Ray ary ny Fanahy Masina.

---

[36]ALFEYEV, H., ***Le mystère de la foi. Introduction à la théologie dogmatique orthodoxe***, 2001, « Les chrétiens orthodoxes croient en un Dieu unique et trinitaire - Père, Fils et Saint Esprit. La Sainte Trinité n'est pas trois dieux, mais un seul Dieu en trois hypostases, c'est-à-dire en trois entités personnelles indépendantes. L'enseignement sur la Sainte Trinité n'est pas une invention de théologiens, mais une vérité divinement révélée. »

[37] POPOVITCH, J***., Philosophie orthodoxe de la vérité. Dogmatique de l'Eglise Orthodoxe***, D'après saint Grégoire le Théologien et saint Jean Damascène: « le dogme de la Sainte Trinité est le signe de reconnaissance du christianisme, celui par lequel la religion chrétienne se signale et se distingue de toutes les autres religions».

- Nampianatra ary nitory ny Trinite Masina hatramin'izay ny Fiangonana Ôrtôdôksa, ary mbola mitazona an'izany fampianarana izany izy hatramin`izao.
- Tsy heverina ho toy ny kristianina ireo izay tsy mino ny Trinite Masina.

❖ Ny Antrôpôlôjian`ny Ôrtôdôksa na « L'anthropologie orthodoxe »

Ny fiangonana Ôrtôdoksa dia mampianatra fa :

- Andriamanitra dia nanamboatra ny olombelona ho toa azy.

- Ny olombelona dia ho eo ambanin'ny anjely ary ambonin'ny singa voajanahary rehetra tsy misy fahotana ary tsy mety maty.

- Namboarin'Andriamanitra tamin'ny vatana sy fanahy ny olombelona, izany hoe, mizara roa

- Tsy misaraka ny vatana sy ny fanahy:[38]

  - Ilaina ny vatana fa fitaovana fotsiny, tsy afaka miaina io raha tsy eo ny fanahy.
  - Ny fanahy dia afaka miaina na tsy misy vatana aza, tsy azo sarahina izy ary tsy mety maty.

[38] MILKA ANDONOVA HRISTOVA, ***les nouveaux mouvements religieux défi pour l'eglise orthodoxe bulgare,*** Etude historique, doctrinale et critico-comparative de quatre nouveaux mouvements religieux, Fribourg 2007
« L'Eglise Orthodoxe enseigne donc que:
- Dieu trinitaire créa l'homme à Son imageet à Sa ressemblance.
- L'être humain (homme et femme) fut créé inférieur aux anges et supérieur à la matière, sans péché et immortel.
- Dieu le créa avec un corps et une âme, donc il est un être dichotome
- Le corps et l'âme sont en union.
- Le corps est nécessaire mais il n'est qu'un instrument, il ne peut pas vivre sans âme. »

- **Fepetra sôsiôlôjika**
  - Ny foto-kevitra sôsialin`ny fiangonana Ôrtôdôksa

Ny foto-kevitra sôsialin`ny fiangonana dia miaraka amin'ny fampianarana ny foto-pinoana, ny etika sy ny lalàna mifehy ny fiangonana Ôrtôdôksa. Araka ny etika sôsialin'ny fiangonana Ôrtôdôksa, ny fiombonana amin'Andriamanitra dia miaraka amin'ny fiombonana amin'ny rahalahy ara-nofo sy ara-panahy. Ny finoana kristianina dia tsy mitaky fihemorana na tsy fivoarana fa kosa, mandray anjara amin'ny fampivoarana ny sôsialin`ny olombelona izy.[39]

Araka ny zo ao amin'ny lalàna mifehy ny Fiangonana, ny fanjakana dia avy amin'olona ary mifototra amin'ny filàna ara-tsôsialin'olombelona, izay tsy afaka miaina raha tsy ao anatin`ny fiaraha-monina ary tsy afaka manatratra ny tanjona ara-boajanahary kendreny raha tsy ao anatin'ny rafitra sivily. Nefa raha araka ny zo ao amin'ny lalàna mifehy ny fiangonana, ny kristianina dia sady mpikambana ao amin'ny Fiangonana no olom-pirenena. Izay no tsy maintsy hanarahany miaraka ny lalàna velona eo amin'ny fanjakana sy ny lalàna mifehy ny fiangonana. Izany fiankinandohan'ny kristianina any amin'ny fanjakana sy ny fiangonana izany no mahatonga ny kristianina hanaiky fanjakana sivily sy ny any am-piangonana, na dia samy hafa aza ny tanjona, ny fiangonana dia mikarakara ny resaka ara-panahy, ny vatana kosa no karakarain'ny fanjakana sivily.[40]

Ny fanekena ny lalàna mifehy ny Fiangonana dia tsy mampanalavitra ny kristianina ny zava-misy ao amin'ny fiarahamonina sy ny fikatsahana izay mahasoa azy.

---

[39]PANTCHOVSSKI, I., ***Introduction à la théologie morale***, Sofia, 1958, p. 325-326
« La doctrine sociale fait partie de l'enseignement dogmatique, éthique et canonique de l'Église Orthodoxe. Du point de vue de l'éthique sociale de l'Eglise Orthodoxe, la communion avec Dieu inclut la communion avec toute la création, avec nos frères de sang et d'esprit. La foi chrétienne n'exige pas une involution, mais au contraire elle contribue au développement social del'humanité »

[40]PHIDAS, V., *Droit canon. Une perspective orthodoxe*, Chambésy, Genève, 1998, p. 27-33, « Du point de vue du droit canon, l'Etat est d'origine civile et se fonde sur la nécessité sociale de l'homme, qui ne peut vivre autrement qu'en société et ne peut atteindre sa fin naturellesans appartenir à une institution civile. Or, d'après le droit canon, les chrétiens sont simultanément membres de l'Eglise et sujets de l'Etat et c'est pourquoi ils doivent se soumettre à la fois à l'autorité de l'Eglise et à celle de l'Etat. Cette double dépendance des chrétiens explique leur soumission à l'autorité à la fois ecclésiastique et civile, malgré la distinction arbitraire entre le "bien des âmes", qui est au centre de la mission spirituelle de l'Eglise, et le "bien du corps ", qui est une préoccupation des tâches de l'Etat. »

Ny fiangonana kristianina dia mandrisika ny mpino ao aminy handray anjara mavitrika amin'ny fiainana ara-tsôsialy, ara-pôlitika sy ara-ekônômika, arakaraky ny asany sy ny andraikiny. Manohana ny mpino ao aminy izy amin'ny andraikitra sahaniny eny amin'ny fiarahamonina.

Mitaky ny fanajana ny zon'olombelona ny Fiangonana, ny fitovian-jo eo amin'ny vehivavy sy ny lehilahy, ny fitandroana ny rariny sy ny hitsiny na ny fitsarana tsy mitanila, ny fiahiana sôsialy ho an'ny sarangan'olona tsy ankanavaka.

**<u>Famitinana ny toko voalohany</u>**

Raha fintinina ny voalaza tamin'ny toko voalohany, dia niresaka ny tantaran`ny Fiangonana Ôrtôdôksa eran-tany, nojerena manokana tamin`izany ny famaritana ny teny hoe « ôrtôdôksa » izay midika « finoana marina ». Rehefa izany dia nijery ny tsy fifankazahoana teo amin`ny Tandrefana sy ny Tatsinanana, izay nahitana ireo antony roa lehibe nampisaraka ny Fiangonana ho roa. Taorian`izay indray kosa no nijerena ny fisarahana lehibe, ny fivakisana nisy teo amin`ny Tandrefana, izay nahitana ireo karazam-piangonana maro samy hafa taty aoriana. Nojerena tato ihany koa ny mahakasika ny fototra iorenan`ny fiangonana, tao anatin`izany no nahitana ireo konsily fito, sy ny sakramenta fito. Namarananay azy, ny foto-pinoan`ny Fiangonana Ôrtôdôksa.

Raha izay ny mahakasika ny Ôrtôdôksa amin`ny ankapobeny, dia mba nanao ahoana indray kosa àry ny tantaran`ny nahatongavan`ny Fiangonana Ôrtôdôksa teto Madagasikara ?

## 2.2 NY TANTARAN`NY NAHATONGAVAN`NY FIANGONANA “ORTHODOXE” TETO MADAGASIKARA

Na dia efa tamin`ny desambra 1948 aza ny Fiangonana Ôrtôdôksa no tonga teto Madagasikara dia azo lazaina fa Fiangonana zandriny izy, satria efa tamin`ny taona 1999 izy vao nahazo ny fankatoavana avy tamin`ny fanjakana. Ny Fiangonana tao Antanimena sy ny tany Mahajanga no niorina voalohany tamin`izany.

Amin`ny maha Fiangonana Ôrtôdôksa voalohany ny Fiangonana ao Antanimena, dia tsy azo ialana ny tantarany. Araka izany dia hojerena eto ambany voalohany io tantaran`ny Fiangonana Antanimena io.

### 2.2.1 Ny tantaran`ny Fiangonana Ôrtôdôksa ao Antanimena

Tsy misy tantara voatokana ho tantaran`ny Fiangonana ao Antanimena ny ao amin`ny Fiangonana noho ny antony tsy dia mazava loatra, fa Fiangonana Ôrtôdôksa voalohany teto Madagasikara kosa izy. Noho izany dia mifandrohy tanteraka amin`ny tantaran`ny nahatongavan`ny Fiangonana Ôrtôdôksa teto Madagasikara izy. Mba nanao ahoana tokoa àry ny tantara nahatongavan`ity Fiangonana Ôrtôdôksa ity teto Madagasikara?

Tany amin’ny taon-jato faha-18 tany ho any no efa nisy mpiavy Grika tonga nonina teto Madagasikara araka ny nambaran`i mômpera Andreas taminay. Porofon’ny fisian’ireo Grika ireo hoy hatrany izy ny fisian’ny taranak’ireo “HAJICOSTA’ mbola monina any Mahajanga ao Masokomena hatramin`izao. Ny razam-ben`izy ireo mantsy hoy hatrany izy no anisan`ny mpiavy Grika nonina teto Madagasikara voalohany. Ary i Gresy dia fantatra fa firenena mandala ny finoana Ôrtôdôksa, zava-dehibe ho an’ny mpino Grika ny fitandroana mandrakariva ny finoana maha ôrtôdôksa ka nahatonga azy ireo nanorina fiangonana tamin’ny firenena rehetra nandalovany. Isan’izany i Madagasikara.

Isaky ny mila pretra ny teto Madagasikara tamin'izany fotoana izany dia nanafatra pretra avy any amin'ny Patriarkàn'i Aleksandria nanome ny Sakramenta sy nanao litorjia masina tany an-tokatranon'ireo mpino nonina teto Madagasikara.

Tamin'ny taona 1928, dia nanangana ny Arsevesean'i Johannesbourg sy Afrika Atsimo manontolo ny Patriarkàn'i Aleksandria ka tafiditra tao anatin'izany i Madagasikara. Hatreo dia ny Arsevekan'I Johannesbourg no nandefa pretra avy any Afrika atsimo na avy amin'ny firenen-kafa nandeha taty Madagasikara nanome ny Sakramenta ho an'ireo vahiny Ôrtôdôksa nonina teto. Nitohy izany hatramin'ny taona 1930 izay nananganan'ireo Grika teto Antananarivo ny fikambanan'izy ireo izay nantsoina hoe "communauté héllénique".

Tamin'ny taona 1948 dia nanomboka nanorina trano fiangonana izy ireo teo Antanimena Antananarivo ary natao eo ambany fiarovan'ny "dormition de la Mère de Dieu" na "torimasom-pahafatesan`ilay renin`Andriamanitra". Toy izany koa ny tany Mahajanga izay nisy Grika maromaro nonina ihany koa, nanorina trano fiangonana iray izy ireo izay arovan`i "Md Nikôla" ny taona 1953 ary vita ny volana Novambra 1955.

Rehefa vita ireo fiangonana roa ireo dia nanendry Pretra nonina teto Antananarivo ny Arsevekan'i Johannesbourg ka voatendry voalohany tamin'izany i mômpera ILARION. Sady niandraikitra ny fiangonana teto Antananarivo izy no niandraikitra ihany koa ny tany Mahajanga.

Tamin'ny taona 1972 no farany nisy pretra nonina maharitra teto Madagasikara satria voatery niverina tany Eorôpa avokoa ny ankamaroan'ny vahiny noho ny toe-draharaha nisy teto amin'ny firenena. Nihavitsy noho izany koa ireo tera-tany Grika sy Rosianina, Romanina, Sirianina ôrtôdôksa nonina teto. Vokany, tsy nisy pretra ôrtôdôksa nonina intsony teto. Noho izany dia nikatona tsy nisy Pretra ireo fiangonana Ôrtôdôksa roa voalohany nisy teto Madagasikara ireo. Na izany aza anefa dia tsy nitsahatra nikarakara ireo fiangonana ireo ny mpino Grika sisa tavela teto, ary maro tamin'ireo kristianina ôrtôdôksa vahiny hafa koa no mamangy matetika ny fiangonana sy mamonjy fotoam-pivavahana nefa tsy niresaka na nihevitra ny hampahafantatra ny fiangonana Ôrtôdôksa

tamin’ny tera-tany Malagasy nandritra izany fotoana rehetra izany. Izany hoe; nikatona ho an`ny Malagasy ny Fiangonana teto fa nisokatra kosa ho an`ireo mpino Ôrtôdôksa izay manao ny fomba maha-ôrtôdôksa, toy ny fitondrana ny mpino Ôrtôdôksa ao am-piangonana rehefa maty. Noho izany na nikatona aza ny Fiangonana tamin`izany dia nataon`ireo mpino fanatanterahana ny fomba maha-ôrtôdôksa fotsiny ihany.

Tamin’ny taona 1968 dia nanangana ny Arsevesean’i Raodezia (Zimbabwe ankehitriny) indray ny Patriarkàn’i Aleksandria, ary dia nafindra niankina taminy i Madagasikara izay tao anatin’ny Arsevesean’i Johannesbourg teo aloha. Tsy dia fantatra teto Madagasikara hatrany ny Fiangonana Ortôdôksa hatreto indrindra ho an’ny tera-tany Malagasy.

Noho ny fahatongavan’ny “Archimandrite Trés Reverend Père Nectarios Kellis” pretra Grika avy any Aostralia tamin`ny 1994 dia nihiratra indray ny masoandron’ny Fiangonana Ortôdôksa teto Madagasikara. Tonga teto Madagasikara izy noho ny fientanam-po ho misiônera ho an’ny tera-tany Malagasy, ary hanokatra indray ireo fiangonana roa izay efa nikatona. Io taona io ihany fa ny 31 Aogositra 1994 dia nisy Malagasy telo tonga kristianina ôrtôdôksa teto Antananarivo. Ny volana Marsa 1995 dia nisy fanamasinana Pretra Malagasy voalohany teto Antananarivo dia ny Pretra Jean RAKOTONDRAZAFY rehefa avy nahavita ny fiofanany tany Harare Zimbabwe. Io pretra Malagasy voalohany io sy i Mgr Nectarios KELLIS no nanomboka nampianatra tsikelikely ny momba ny Fiangonana teto Madagasikara. Nanomboka teto ihany koa dia lasa fiangonana misiônera ny fiangonana Ôrtôdôksa.

Nitohy hatrany ny asa misionera izay nanomboka niroborobo teto Madagasikara ka ny 23 Septambra 1997 dia nasandratry ny Sinôda Masin’ny Patriarkàn’ i Aleksandria izay notarihin’ny Patriarka PETROS VII ho Diôsezy ireo Paroasy Ortôdôksa maromaro nisy teto Madagasikara, ary notendrena ho Eveka voalohany nitantana ny Diôsezy i Mgr Nectarios KELLIS izay Arsimandridy teo aloha ary nohamasinina ho Eveka ny 23 Novembre 1997.

Eveka roa no efa nitondra teto Madagasikara hatramin`ny taona 1998 mandraka ankehitriny, tsy iza ireo fa i Mgr Nektarios KELLIS izay efa maty tamin`ny taona 2004. I Mgr Ignocius no Eveka nandimby azy ary mbola izy no mitondra an`i Madagasikara hatramin`izao. Efa manana paroasy maromaro ny fiangonana Ôrtôdôksa, izay miparitaka eran`ny Nosy tahaka ny eto Antananarivo, any Toliara ary any Mahajanga, Fianarantsoa, ary Antsiranana, misy ihany koa ny any Toamasina. Mbola hovahavahana etsy ambany avokoa izy ireo.

Ankehitriny dia efa lasa faritanin`ny arseveka na “archevêché” i Madagasikara ary miaraka aminy ny Nosy La réunion sy Maurice. Samy mivondrona ao amin'ny patriarkàn'ny Alexandrie ireo, izay tantanan'ny patriarka Théodore.

Nahazo ny fankatoavan’ny fanjakana Malagasy ho “Association cultuelle” ny Fiangonana Ortôdôksa tamin’ny taona 1999, araka ny didim-pitondrana faha-4756/99 tamin’ny 10 May 1999.

Andeha hohazavaina fohy eto ambany ny fomba nandaminan`ny Fanjakana Malagasy ireo karazam-piangonana eto Madagasikara.

#### 2.2.1.1 Lamina napetraky ny fanjakana Malagasy ho an`ireo fiangonana misy eto Madagasikara.

Taorian’ny fahaleovantena (1960), vondrom-pinoana sivy no neken’ny ministeran’ny atitany ho toy ny Fiangonana: enina tamin’ny 1962, ireto avy izany: Katôlika Rômana, Anglikanina, ny Prôtestanta FKM izay LMS taloha ihany, ny Loteranina (FLM), ny Fiangonana Prôtestanta Malagasy FPM izay ( MPF taloha na Mission Protestante Francaise) ary ny Frenjy (Friends, pour Friends Foreign Mission Association FFMA na Quakers, izay lasa ho FFM); niampy telo izany tamin’ny 1963, ny Fiangonan’ny Tranozozoro prôtestanta malagasy (Fiangonana nahaleotena zokiny indrindra), Mpianatry ny Tompo (fifohazana voalohany) ary ny Advantista, izay efa nisy efa ela be ary mbola heverin’ny pasitera sasany ho toy ny sekta hatramin’izao. Izay fikambanam-pinoana rehetra niforona nanomboka tamin’ny taona 1963 dia noheverina ho

toy ny fikambanana koltoraly fotsiny ihany: teo amin'ny 72 no isan'ny fikambanam-pinoana nanao fampandrenesana tany amin'ny fanjakana nandritra ny vanim-potoana 1963 hatramin'ny 2004. Ireo izay tsy nahazo io sata momba ny fanopoam-pivavahana io dia natao ho toy ny « fikambanana tsotra fotsiny » : fanambarana 12 no tena nanamarika io vanim-potoana io, 10 avy tany amin'ny Silamo, ny 1 advantista ary ny farany tamin'ny taona 1998 dia ny « Eglise universelle du Royaume de Dieu » ,izay tsy neken'ny fanjakana ho toy ny fiangonana na ho toy ny fikambanana koltoraly. Tsy nitsaha-nitombo ny isan'ny fikambanana nitonona ho toy ny fikambanana koltoraly tato anatin'ny 20 taona. Nisy tamin'izy ireny no rava ho azy na koa lasa nizarazara.[41]

Raha izay ary no lamina napetraky ny Fanjakana Malagasy momba ny fiangonana eto Madagasikara dia andeha hojerena ireo taona tena hita nisongadina ho nampiparitaka ny Fiangonana Ôrtôdôksa teto Madagasikara.

Teo anelanelan`ny taona 1995 sy 1999 no tena nanombohan`ny fiparitahan`ireo fiangonana Ôrtôdôksa teto Madagasikara. Ny tany amin`ny faritanin`ny Mahajanga ohatra dia teo anelanelan`ny taona 1995 sy 1998 vao nanomboka nisy Fiangonana Ôrtôdôksa indray taorian`ilay efa naorina ny taona 1955, ny tany Fianaratsoa kosa dia nanomboka teo amin`ny 1998 sy ny taona 1999, ny tany Toliary ihany koa dia teo anelanelan`ny taona 1998- 1999, ny fiangonana vao haingana naorina indrindra izao dia ny tany amin`ny

---

[41]Sophie Blanchy, Jean Aimé Rakotoarisoa, Philippe Beaujard, (dir**),** ***Les dieux au service du people Itinéraires religieux, mediations, syncrétisme à Madagasca****r*, Page 91-92 « Aprés l`indépendance (1960), le ministère de l`Intérieur reconnaît neuf groupes religieux, comme Eglises : six en 1962, à savoir les catholiques, les anglicans, les protestans de la FKM ex-LMS, les Luthériens (FLM), l`Eglise évangélique protestante malgache FPM (ex-MPF, Mission Protestante Francaise), et les Frenjy (Friends, pour Friends Foreign Mission Association FFMA ou Quakers, devenus FFM) ; puis trois en 1963, l`Eglise protestante malgache de la Tranozozoro (la plus ancienne Eglise indépendante, qui tient son nom du temple en souchets des débuts), Mpianatry ny Tompo, premier mouvement de Reveil, et les adventistes, installés depuis longtemps, que certains pasteurs considèrent toujours aujourd`hui comme une secte. Les autres mouvements qui se multiplient dés 1963 ne sont reconnus qu`en tant qu`associations Cultuelles : il y a eu 72 déclarations sous ce régime de 1963 à 2004. Ceux à qui ce statut. « cultuel » n`est pas accordé sont enregistrés comme « Association relevant du régime général » : Il y a eu 12 déclarations sous ce régime, dont 10 émenant des musulmans, une des adventistes, et la dernière relevée, en 1998, de l`Eglise universelle du Royaume de Dieu, qui n'est donc reconnue par les pouvoirs publics ni comme Eglise ni comme association cultuelle. Les déclarations d'associations cultuelles on fortement augmenté depuis une vingtaine d'année. Certaines disparaissent ou se scindent. »

faritanin`Antsiranana izay vao tamin`ny taona 2010, sy ny tany amin`ny faritanin`ny Toamasina tamin`ny 2012. Amin`izao fotoana izao dia mbola maro ireo fiangonana Ôrtôdôksa vao aorina raha tsy hilaza afa tsy ny eto Antananarivo eny Andoharanofotsy.

### 2.2.2 Ny fivoaran`ny Fiangonana Ôrtôdôksa teto Madagasikara

Tao anatin`izay taona maro nifandimby izay dia nahitana fivoarana lehibe ny Fiangonana Ôrtôdôksa teto Madagasikara. Ahitana izany, ohatra, na eo amin`ny lafiny jeôgrafika, toy ny efa fiparitahan`ny Fiangonana any amin`ireo faritra maro eto Madagasikara. Tahaka ny any Antsiranana izay naorina tamin`ny taona 2010 sy Toamasina tamin`ny taona 2012. Eo ihany koa ny any Toliara, izay toerana tena anatanterahana ireo asa sôsialy maro samihafa, ary any Mahajanga. Tsy hadino koa ny any Fianarantsoa. Manerana ny Nosy dia efa mahatratra 102 ireo fiangonana Ôrtôdôksa, ary mahatratra hatramin`ny 8000 isa ireo mpino kristianina, raha mbola 6000 izy ireo tany amin`ny taona 2004 tany.

Na dia kely lavitra mihoatra noho ireo Fiangonana katôlika sy prôtestanta aza izy dia hita fa nisy fiovana be amin`ny tantarany. Fa inona no paikady ataon`izy ireo mba hitarihany ny olona hiditra ao aminy?

Amin`ireo toerana misy ny Fiangonana Ôrtôdôksa ireo dia samy misy asa sôsialy avokoa, ary izany asa sôsialy izany dia misokatra ho an`ny olona rehetra tsy ankanavaka. Manerana ny Nosy dia ahitana :

- Toeram-pitsaboana “Clinique” 2, ka any Toliara ny iray ary eny Alasora Antananarivo kosa ny iray.

  Ato amin`ity toeram-pitsaboana ity, dia tsy voatery ho ny mpivavaka ao amin`ny Ôrtôdôksa ihany akory no mitsabo tena ao, fa na iza na iza ka marary ka mankao dia tsaboina avokoa. 3000 ariary ny saram-pitsaboana ao, tsy miantoka fanafody izy ireo, fa misy kosa fanafody azo vidina ao an-toerana. Matetika dia olona sahirana no tena tonga mitsabo tena ao, ary izy ireny indrindra no tena kendren`ny Ôrtôdôksa mba hitsabo tena ao, araka ny nambaran`ny mômpera taminay.

Ity sary aseho eto ambany ity dia sarin`ny toeram-pitsaboana ao Alasora.

**<u>Sary 2 sy 3</u>**: centre de sante orthodoxe Alasora






Loharanon-kevitra: Velonjanahary Darhelle

Tsy izay ihany fa mbola ao ihany koa ireo asa sôsialy isan-karazany izay mbola hotanisaina eto ambany.

- Sekoly akanin-jaza roa : eny Alasora sy any Ambotsaratany Ambatondrazaka. Ao amin`ity sekoly ity indray kosa dia misy fandraisana anjara kely izay farany izay zakan`ny olona, eto dia tsy nomarihin`ny mômpera Andreas taminay hoe, ohatrinona na ohatrinona io fandraisana anjara io. Tahaka ny ao amin`ny toeram-pitsaboana ihany dia ny olona tena mahantra no tena kendrena ao.

Tahaka izao ny sarin`ireo sekoly akanin-jaza eny Alasora miampy ny toerana fatoriana sy fisakafoanana

**Sary 4**: trano lehibe misy ny sekoly akanin-jaza sy ny toerana fatorian'izy ireo ary ny toeram-pisakafoanana eny Alasora



Loharanon-kevitra: Velonjanahary Darhelle Marie

- Manana akanin`antitra na "Hospice" iray ihany koa ny Ôrtôdôksa eto Madagasikara ka eny Alasora no misy izany. Tsy misy fandraisana anjara eo amin`ny resaka vola ny ato amin`ny toerana misy ny be antitra, fa kosa ho an`ny olona izay te hiditra sy hipetraka ao, dia misy fanadihadiana atao amin`izy ireny, ka arakaraka ny valin`iny fanadihadiana iny no handraisana na tsia ny olona iray.

Tahaka izao no hita eny, toerana mahafinaritra sy tena mahatamana fatratra.

**<u>Sary 5</u>**: Hospice Alasora



Loharanon-kevitra: Velonjanahary Darhelle

Ankoatra ireo dia mbola ahitana ireto asa sôsialy ireo ihany koa manerana ny Nosy.

- Sekoly fanabeazana fototra (EPP) folo, any Toliara, Mahajanga, Ambatolampy,
- Lisea roa : Toliara sy Alasora
- Fampianarana asa telo; toy ny zaitra sns… any Ambatondrazaka, Alasora, Fianarantsoa
- Trano Fitaizana zaza kamboty na “Orphelinat” iray any Mahajanga
- “Dispensaire” iray any Zomabealoka Antananarivo

Raha jerena ireo toerana nanaovana ireo asa sôsialy ireo eran`ny Madagasikara dia hita fa ny any Toliara no betsaka indrindra. Ny antony araka ny fanadihadiana nataonay hatrany dia satria any no mbola malalaka ny asa fitoriana,

ka mora hahazahoana olona. Ireo asa sôsialy ireo dia azo lazaina ho anisan`ny fitarihana ny olona ihany, fa amin`ny ankapobeny ny Fiangonana Ôrtôdôksa dia tsy mitory eny an-dalam-be na mitety trano, na koa mitaona ny olona hiditra ho mpikambana ao aminy, fa ny olona no avelany hiditra ho azy ao, amin`ny alalan`ireo tombontsoa manokana, tahaka ny eo amin`ny resaka fanambadiana, ohatra, dia azo lazaina ho miavaka ny azy satria, tsy manery ny olona ao aminy ho tsy maintsy Ôrtôdôksia izay ho vadiny izy, fa avelany ny olona hanan-tsafidy izay finoana arahiny. Ilay olona efa vita batemy tao amin`ny Fiangonana kosa dia tokony hanaraka ny fomba Ôrtôdôksa hatrany na dia tsy ôrtôdôksa aza ny vadiny.

Ao ihany koa, ohatra, ny momba ny fahafatesana, raha tsy mpino ao ianao tsy azo ampidirina ao mihitsy rehefa maty, satria ny fahafatesana amin`izy ireo dia ao anatin`ilay antsoina hoe "Lova masina", hany ka tsy izay olona rehetra maty akory dia azo ampidirina ao am-piangonana avokoa fa misy fepetra arahina tahaka ny hoe, olona efa vita batemy sy mpino ao amin`ny Fiangonana ihany no azo ampidirina ao rehefa maty izy.

Araka izany, raha te hiditra am-piangonana ny mpivavaka iray rahatrizay maty dia tsy maintsy vita batemy ao amin`ny Fiangonana izay vao afaka miditra ao. Azo lazaina araka izany fa fitarihana ankolaka ny olona hiditra ao aminy izany mba hahazoana antoka fa tsy maintsy miditra am-piangonana rehefa maty. Araka izany dia mahasarika ny ankamaroan`ny olona ny miditra ho mpikambana ao.

### 2.2.3 Antony hafa nahatonga ny fivoarana teo amin`ny fiangonana Ôrtôdôksa teto Madagasikara

Ankoatra ireo efa voalaza tery ambony dia mbola misy fomba hafa ihany koa ampiasain`izy ireo hitarihana ny olona hiditra ao aminy. Amin`ny ankapobeny aloha dia ny olona no avelan`izy ireo hahita sy higoka ny maminy ao amin`ny Fiangonana izay vao

mitaona azy ireo hivavaka izy. Izany hoe; raha hazavaina tsotsotra dia tahaka izao manaraka izao izany.

Voalohany aloha dia ny fiangonana Ôrtôdôksa eto Madagasikara dia fiangonana misionera izany hoe; mitory ny fialazantsara amin`ireo olona te hahazo izany. Ka ny toerana mbola tsy misy Fiangonana mihitsy no kendreny amin`izany, toy ny any ambanivohitra ohatra.

Faharoa manaraka izany, ny mpino ao amin`ny Fiangonana ihany koa dia olona mivezivezy manerana ny Nosy, ary mpila ravinahitra any amin`ny faritra, noho izany dia mangataka izy ireo ny mba hanorenana Fiangonana any mba hahafahan`izy ireo mivavaka soa amantsara. Araka izany dia azo lazaina ho amin`ny alalan`ny fangatahan`ny mpino ny hisian`ny fiangonana any amin`izy ireo no antony fiparitahan`ny Fiangonana any amin`ireo faritra maro manerana ny Nosy. Na izany aza dia misy fepetra ihany tsy maintsy arahina vao afaka manorina izany fiangonana izany. Tsy maintsy misy mpino tsy latsaky ny 35 ao amin`ilay fiangonana aorina vao azo atao. Tsara marihina ihany koa moa fa ny ankamaroan`ireo fiangonana Ôrtôdôksa eto Madagasikara ireo dia tsy misy Pretra noho ny mbola tsy fahampiany hatramin`izao.

Anisan'ny manaitra ny olona maro ny mahita ny hatsaran`ny tanàna misy ny Fiangonana Ôrtôdôksa, raha tsy hilaza afa-tsy ireo trano Fiangonana ny tenanay. Fa iza tokoa àry no mamatsy sy miantoka ny fanorenana ireny foto-drafitrasa ireny?

Araka ny fanadihadiana nataonay, dia avy amin`ny olona tsara sitra-po mpikambana ao amin`ny Fiangonana izay mipetraka any ivelany matetika no manampy ny Fiangonana eto Madagasikara, fa na izany aza anefa, dia ireo mpitondra fivavahana any Gresy no tena manampy tsy tapaka. Manamafy izany moa ity resaka nataon`ny mpanao gazetin`ny L`Express de Madagascar tamin`I Mgr Ignace ity, fony Patriarkàn`ny Aleksandria I Mgr Theodore II nandalo teto Madagasikara ny taona 2004.

« *Ny famatsiam-bola dia avy amin'ny fanomezana an-tsitrapo ataon`ireo Grika mipetraka any ivelany, indrindra ny any Grèce sy Australie. Ironan`ny fony ny asa sôsialy ataon'ny Misiona.*»[42]

**<u>Famintinana ny toko faharoa</u>**

Teto amin`ity toko ity indray no nanolorana ny tantara ny niandohan`ny Fiangonana Ôrtôdôksa teto Madagasikara. Voalohany dia nojerena ny tantaran`ny Fiangonana tao Antanimena izay tantara nifanindran-dalana tanteraka tamin`ny nahatongavan`ny Fiangonana Ôrtôdôksa teto Madagasikara, satria izy no Fiangonana Ôrtôdôksa naorina voalohany teto, manaraka azy avy eo ny tany Mahajanga, Toliara, sns… Faharoa dia natao ny fijerena ny fivoaran`ny finoana Ôrtôdôksa teto Madagasikara. Tao anatin`izany no nahitana fa efa manao karazana asa sôsialy marobe ity Fiangonana ity manerana ny Nosy, ary tsy diso anjara amin`izany ny eto Antananarivo renivohitra, satria eny Alasora no misy ny foiben`ireo asa sôsialy misy eto ireo izay ahitana toeram-pitsaboana iray, ankanin-jaza ary ny fitoeran'ireo be antitra. Any Toliara kosa no tena betsaka ny asa sôsialy noho izy, mbola vitsy ny Fiangonana mifaninana aminy any. Izany hoe; mbola tsy dia maro tahaka ny eto an-drenivohitra ny isan`ireo fiangonana miorina any.

Raha izay àry ny momban`ny tantara nahatongavany teto Madagasikara, dia mba manao ahoana kosa io Fiangonana io Ankehitriny?

[42] Mgr Ignace, a donné un entretien au quotidien L'Express de Madagascar, il précise : «Le financement «Le financement provient surtout de donations de Grecs de l'étranger, notamment ceux de la Grèce et de l'Australie. Ils tiennent beaucoup aux œuvres sociales de la mission à Madagascar.»
**(URL : <u>orthodoxie.com-Sur_l`Eglise_orthodoxe_Madagascar.pdf-french</u>)**

## 2.3 NY FIANGONANA ÔRTÔDÔKSA ANKEHITRINY

Ao amin`ny ôrtôdôksa ankehitriny, araka ny fandehan`ny taona, ny fototry ny fampianaram-pinoana kristianina, ny fanompoam-pivavahana sy ny fitantanana dia tsy niova. Tsy misy, ohatra, olona iray afaka ho lasa Pretra ôrtôdôksa nefa mitsipaka ny maha-Andriamanitra an`i Kristy, ny fahaterahan`ny virijiny, ny fitsanganany ho velona, ny fiakarany any an-danitra sy ny fiaviana fanindroany. Raha tsorina dia tsy nivily tamin`ny làlany efa ho roa arivo taona izao ny Fingonana Ôrtôdôksa. Andeha hojerena eto ambany voalohany ny zava-misy ao amin'ny fiangonana Ôrtôdôksa ankehitriny.

### 2.3.1 Ny zava-misy ao amin'ny fiangonana Ôrtôdôksa ankehitriny

Amin`ny ankapobeny dia tsy nisy fiovana firy ny fiangonana Ôrtôdôksa, fa mbola mitahiry ireo fombany hatramin`izay hatrany. Na dia teo aza ny fanenjehana, ny famoretana ara-pôlitika dia mitahiry mandraka androany ilay finoana sy fiainan`ny Fiangonana tany am-piandohana izy. Ekena fa tsy tsotra eo imason`ny Prôtestanta maoderina na koa ireo vondrom-pinoana vaovao ohatra, ny fomban`ny Ôrtôdôksa, nefa kosa manome fahalalana ara-tantara ny fomba nandrosoan`ny Fiangonana izany.

Araka ny fanadihadiana nataonay hatrany, dia efa mihoatra ny 260 tapitrisa ny Kristianina Ôrtôdôksa maneran-tany, ka ny 8000 amin`ireo dia eto Madagasikara.

Manomboka mahafantatra ny maha-Kristiana Ôrtôdôksa ny olona amin`ny alalan`ny asa soratr`ireo Rain`ny Fiangonana voalohany sy amin`ny alalan`ny fijoroana vavolombelon`ireo[43] Kristianina Ôrtôdôksa ankehitriny. Manaitra ny isan`ireo ara-pilazantsara, Episkôpaliana (Anglikana), indrindra ny Prôtestanta sy ny Katôlika Rômana tonga Ôrtôdôksa, sy ny firoboroboan`ny fikambanan`ireo mpianatra Ôrtôdôksa amin`ny toeram-pianarana samihafa maneran-tany, izay tsy diso anjara amin`izany ny eto

[43] Mgr Kallistos Ware, Évêque de Diokleia, *Etrange et pourtant familière : Ma voi vers l`Orthodoxie.*

Madagasikara, satria dia misy mpianatra seminarista Ôrtôdôksa 11 eto ary eny Alasora no misy azy ireo.

Efa misy ihany koa mpanoratra teôlôjianina ôrtôdôksa, no miezaka ny mampahafantatra bebe kokoa ny momba ny Fiangonana amin`ireo mpino hafa.

“*Ny mpanoratra, teôlojianina ortôdôksa, manapahaizana manokana momba an’i Grégoire Palamas, dia sahiran-tsaina amin’ny maha tokana ny Fiangonana. Ny tanjony dia ny fampahafantarana ny Ôrtôdôksia amin’ireo Mpinon’ny Fiangonana hafa izay tsy dia mahalala azy loatra, nefa koa mitodika amin’ireo ortôdôksa koa izy hitarika azy ireo « handini-tena ».* »[44]

Misy ihany koa izy ireo no miaiky marina fa tany amin’ny lasan’ny Fiangonana dia tokony ho navahana mazava tsara ny “ fomba amam-panao izay masina, tsy azo ovaina ary tsy maintsy atao, sy izay mety ho ambikambin’ny fomba tany aloha izay mbola hajaina, kanefa manimba avy tamin’ny lasa tany aloha.

Ny Fiangonana katôlika Ôrtôdôksa matetika dia afangaron`ny olona ho toy ny fitambarana kolontsaina Ôrtôdôksa fotsiny ihany. Tsy izany anefa no izy fa ireo fiangonana ôrtôdôksa efatra ambinifolo (Patriarkà 9 sy ireo “archeveché[45]” 5 ) maneran-tany rehetra ireo dia samy mahaleo tena avokoa, tsy misy filoha iray itambarana toy ny Papa na koa hoe toerana voatokana ho fampandehanan-draharaha momba ny fiangonana toy ny any Vatikan fa ny azy ireo araka ny fanadihadiana nataonay dia tsy manana filoha afa tsy i Kristy irery ihany, ary fampandehanan-draharahany dia ny fomba fiaraha-miasa isaky ny Fiangonana ihany.

---

[44]Jean MEYENDORFF . ***L'Église orthodoxe hier et aujourd'hui***, Paris,1960,p 204. « L'auteur, théologien orthodoxe, spécialiste de Grégoire Palamas, est préoccupé par le problème de l'unité de l'Église. Son but est de présenter l'orthodoxie aux fidèles des autres églises qui la connaissent mal, mais il entend aussi s'adresser aux orthodoxes, de façon à les inviter à un "examen de conscience » »

[45] Archeveché: Fiangonana iray lehibe mahaleotena, manana Eveka maromaro.

Ankehitriny dia efa marobe ireo olona maneran-tany no manaraka ny fiangonana Ôrtôdôksa any Frantsa ohatra dia tena miroborobo be mihitsy hany ka vidin`ny Fiangonana Ôrtôdôksa hatramin`ny trano fiangonana Katôlika mihitsy. Izany hoe; misy fiangonana katôlika Rômanina any Frantsa izay efa vitsy mpiangona, dia nalain`ny Fiangonana Ôrtôdôksa mba hivavahany.

"*Efa misokatra amin`ny firenena maro ny Ôrtôdôksa ary efa manova ny fomba fiasany. Amin`ny ankapobeny ny fampahafantarana ny ortôdôksa dia efa manomboka miseho fa eo amin`ny faneken`ny olona azy no mbola olana, izany hoe, eo amin`ny fomba fiainan`ny olona ny maha ôrtôdôksa no mbola olana eo amin`ireo olona manaraka io fivavahana io. Ho an`ny eto Madagasikara manokana, ohatra, raha jerena dia fantatra hoe mandroso ny fiangonana ôrtôdôksa saingy, tsy afaka mivelatra noho ny fisian`ireo karazam-pinoana marobe, efa misy eto"*[46]. Izany hoe; araka ny tenin`I pretra Andreas taminay hatrany dia "*mazoto ny olona te halala sy te hahafantatra ny mombamomba ilay fiangonana fa rehefa tafiditra ao izy dia mivoaka indray satria tsy mitovy amin`ny fomba fiainany sy ny fomba fanaony, ohatra tsy mihirahira maredona, tsy mandihy, sns…ary indrindra tsy ahitana zava-maneno mihitsy*."[47]

Mba tsy hisian`ny miditra dia mivoaka toy io intsony ary dia nikaroka hevitra ny mpino ôrtôdôksa tao Frantsa mba hampivelatra azy bebe kokoa. Hany ka nampihatra ny fomba sy ny kolontsain`ny Tandrefana izy ireo izany hoe; ny kolontsain`ny Frantsa taloha dia nampidiriny, ary namboariny hitovy lenta amin`ny fampianarana Ôrtôdôksa. Araka izany dia kolontsaina roa samy hafa (Tandrefana sy Tatsinanana) no natambatra teto. Io no nahatonga an`ilay hoe "Orthodoxe Occidental" amin`izao fotoana, izany hoe; mba tsy hahatonga ny olona hiditra na koa hiala ao amin`ny Fiangonana dia nampiharin`izy ireo ny fomba tandrefana, toy ny fampiasana zava-maneno, sns… Vokatr`izay dia nihamaro ny olona niditra tao amin`ny fiangonana ôrtôdôksa. Ny eto Madagasikara manokana aloha hatreto mbola tsy manaraka loatra io fomba Tandrefana io.

---

[46] Araka ny teny nolazain`I mômpera Andreas taminay.
[47] Araka ny teny nambaran`I mômpera Andreas taminay.

Ho an`ny olona izay tena maniry ny fahafenoan`ny maha Kristianina Ôrtôdôksa azy, dia tsy maintsy miasa, izany hoe; tsy ampy fotsiny ny mahafantatra ivelany io Fiangonana tranainy io. Tokony hisy fiverenana amin`io Fiangonan`ny Testamenta Vaovao io[48]. Izany hoe; eto ny mpitarika ao amin`ny Fiangonana dia mitaona ankolaka ny mpamaky ny Testamenta vaovao mba hivavaka ao aminy, satria izy ilay Fiangonana iray tsy mbola nivaky hatramin`izay ka hatramin`izao. Ary izy ihany koa no mbola mitahiry ireo fomba amam-panao tao amin`ny Fiangonana hatramin`izay.

Andeha ary hofintinina eto ambany amin`ny alalan`ny fafana tsotsotra ny Fiangonana Ôrtôdôksa maneran-tany sy ny foibeny.

### 2.3.2 Ny Fiangonana Ôrtôdôksa maneran-tany

Ity fanana aseho manaraka eto ambany ity dia nalaina avy tao amin`ny "internet" izay maneho ny isan`ireo mpino sy ny isan`ireo Fiangonana Ôrtôdôksa maneran-tany. Niezaka ny nikaroka sy nanadihady ihany izahay nijery ny fivoaran`ny isan`ny mpino sy ny Fiangonana fa tsy nahazo. Araka izany dia isa tokana no hojerena eto ambany.

**Fafana1**: IREO FIRENENA MPANDALA ÔRTÔDÔKSIA

Araka ny isa azonay dia tahaka izao ireo Fiangonana Ôrtôdôksa maneran-tany, ka ny hojerena voalohany dia ny any amin`ireo firenena Tantsinanana izay tena mandala ny finoana Ôrtôdôksa

| | | | |
|---|---|---|---|
| Russie | 50 000 000 à 80 000 000 | Chypre | 550 000 |
| Ukraine | 20 000 000 | Liban | 370 000 |
| Roumanie | 19 800 000 | Syrie | 300 000 |
| Grèce | 9 000 000 | Albanie | 165 000 |

48 *Inona ny Ortôdôksia?,* Edisiona Ortôdôksia, Fiangonana Ortôdôksan`I Madagasikara

| | | | |
|---|---|---|---|
| Serbie | 8 000 000 | Rép. Tchèque et Slovaquie | 60 000 |
| Bulgarie | 6 000 000 | Estonie | 75 000 |
| Biélorussie | 6 000 000 | Finlande | 58 000 |
| Moldavie | 3 000 000 | Égypte | 18 000 |
| Géorgie | 2 000 000 | Jérusalem et Cisjordanie | 15 000 |
| Macédoine | 1 000 000 | Turquie | 5 000 |
| Pologne | 1 000 000 | Sinaï | 100 |

Loharanon-kevitra:**http://www.pagesorthodoxes.net/foi-orthodoxe/eglise-aujourdhui.htm**

Ny Fiangonana Ôrtôdôksa dia tsy nijanonana na koa nionona fotsiny tao amin`ny faritra Tantsinanana nisy azy, fa nitohy nananika ny firenena Tandrefana koa izy. Izany dia manamarika ny fandrosoan`ity Fiangonana ity avokoa. Aseho manaraka amin`ny fafana eto àry ireo firenena Tandrefana efa misy azy ireo.

**Fafana 2**: IREO ZANAKA AMPIELEZANA (DIASPORA)

| | | | |
|---|---|---|---|
| États-Unis | 5 000 000 | Suède | 94 000 |
| Australie | 1 000 000 | Mexique | 75 000 |
| Canada | 680 000 | Chili | 70 000 |
| Allemagne | 660 000 | Bénélux | 67 000 |
| Brésil | 180 000 | Italie | 32 000 |

| | | | |
|---|---|---|---|
| France | 150 000 | Suisse | 23 000 |
| Argentine | 140 000 | | |

Loharanon-kevitra: **http://www.pagesorthodoxes.net/foi-orthodoxe/eglise-aujourdhui.htm**

Tsy nitsahatra nitombo sy nivelatra nanenika an`izao tontolo izao ny Fiangonana Ôrtôdôksa nandritra ny taona maro, tsy diso anjara tamin`izany isika taty Afrika. Koa tahaka izao manaraka izao indray ireo firenena misy azy.

**Fafana 3** : IRAKA (MISSIONS)

| | | | |
|---|---|---|---|
| Kenya | 400 000 | Afrique du Sud | 38 000 |

I Torkia, Siria, ary Egypta, ireo no foiben-toeran'ireo patriarkà « patriarcats traditionnels » efatra : Kônstatinôpla, Aleksadria, Antiokia ary Jerosalema.

Ireo Fiangonana « autocéphale » na mahaleotena kosa indray dia ireto manaraka ireto: Rosia, Chypre, Romania, Albania, Serbie, Repôblikan`ny Tchèque Slovaquie, Bulgarie, Géorgie, Jerosalema sy Cisjordanie, Pologne, Sinai. Ny hoe "autocéphale" dia ilazana ireo Fiangonana sy Eveka Ôrtôdôksa mahaleotena sasany. Ankoatra ireo eo amin`ny fafana ireo dia mbola mahaleotena ihany koa ny ao amin`ny Patriarkà Konstatinôpla, Patriarkà Alexandria, Patriarkà Antokia, Patriarkà Moscou, ny Fiangonana ao Amerika.

Ireo Fiangonana mizakatena na « autonome » kosa indray dia ireto manaraka ireo: Ukraine, Estonie, Finlande,

Ny sata mifehy ny Fiangonana « autocéphale » dia neken'i Patriarkàn'ny Moscou tamin'ny 1970 ho an'ny Fiangonana ôrtôdôksa any Amerika ; miisa iray tapitrisa

amin'ireo dimy na enina tapitrisa ny mpino ôrtôdôksa any Amerika avaratra amin`izao. Tahaka ny any Canada, Mexique, ary Etats-Unis.

**Famintinana ny toko fahatelo**

Rehefa hita tao amin'ny toko faharoa ireo tantara sy ny fivoaran'ny finoana Ôrtôdôksa teto Madagasikara, dia nojerena tato amin'ny toko fahatelo kosa indray ny fiangonana Ôrtôdôksa ankehitriny. Tao anatin'izany no nanehoana ireo zava-misy ao amin'io fiangonana io ankehitriny. Nisongadina tao ary fa raha eo amin'ny lafiny fomba fombam-pivavahana dia tsy dia nahitana fiovana firy fa raha eo amin'ny lafiny fanehoana io finoana io ety ivelany kosa indray dia hita fa efa manomboka mahafantatra ny maha-kristianina Ôrtôdôksa ny olona amin'ny alalan'ny asa soratr'ireo rain'ny fiangonana. Hita tato ihany koa fa efa miparitaka manerana izao tontolo izao ny fiangonana Ôrôdôksa, ka ao ireo any amin'ny firenena mpandala Ôrtôdôksa, ao koa ireo miparitaka any amin'ireo firenena Tandrefana. Tsy diso anjara ihany koa ny aty Afirika izay natao hoe fiangonan'ny misiona.

FAMINTINANA NY FIZARANA FAHAROA

Natolotra teto amin`ity fizarana faharoa ity ny tantaran`ny Fiangonana Ôrtôdôksa. Ka ny tantarany maneran-tany, no nanombohana izany, tao anatin`izany no nahitana ireo fisarahana nisy teo amin`ny Fiangonana roa tonta dia ny katôlika Rômanina sy ny katôlika Ôrtôdôksa. Avy eo dia ny tantara`ny nahatongavan`ny Fiangonana Ôrtôdôksa teto Madagasikara. Tao indray no nahitana ny fivoarana nisy tao amin`io Fiangonana io hatramin`izay nisiany teto Madagasikara. Namaranana azy kosa ny fahitana ny Fiangonana Ôrtôdôksa ankehitriny. Hita tato indray fa efa mahatratra hatramin`ny 260 tapitrisa ny mpino Ôrtôdôksa ka ny 8000 amin`ireo dia eto Madagasikara avokoa. Azo lazaina ho vitsy io isa io raha oharina amin`ny Fiangonana katôlika Rômanina saingy, hita fa nitombo kosa io isa io raha oharina amin`ny isan`izy ireo tany amin`ny taona 2004 izay 6000 monja. Ankoatra izay dia nojerena tato ihany koa ireo firenena rehetra misy ny Fiangonana Ôrtôdôksa maneran-tany.

# FIZARANA FAHATELO:

## NY MOMBA NY FIANGONANA ÔRTÔDÔKSA

3- NY MOMBA NY FIANGONANA ÔRTÔDÔKSA

Amin`ny mpandinika fiaraha-monina, ny finoana amam-pivavahana dia singa iray ao anatin'ny kolontsaina sy fomba amam-panao. Ny Fiangonana Ôrtôdôksa dia tafiditra ao anatin`izany finoana amam-pivavahana izany, noho izy manana ireo fomba amam-panaony sy kolontsainy miavaka.

Mizara toko telo ity fizarana ity, ka ao amin'ny toko voalohany no hiresahana ny firafitry ny fiangonana, ao amin'ny toko faharoa kosa indray no anehoana ny vondron'ny mpino ary farany hamaranana azy ny fijerena ny fombafombam-pivavahana.

Hojerena voalohany eto ny firafitry ny fiangonana.

3.1 NY FIRAFITRY NY FIANGONANA

Hizara roa lehibe ity toko voalohany ity ka ny hojerena voalohany ireo rafitra sy fifandaminan'ny fiangonana Ôrtôdôksa, hita amin'izany ireo rafi-pitantanana ao amin'ny fiangonana. Ao amin'ny zana-pizarana manaraka kosa indray no anasongadinana ireo firafitry ny trano fiangonana izay hita fa tena mampiavaka azy tokoa.

**3.1.1 Ireo rafitra sy fifandaminan`ny Fiangonana Ôrtôdôksa**

Ny Ôrtôdôksia dia fikambanan'ny Fiangonana maromaro izay mahaleotena eo amin'ny lafin'ny rindran-damina sy ny lalàna mifehy ary mifandray tanteraka eo amin'ny lafin'ny finoana. Samy manana ny mpitarika azy avy ireo Fiangonana ireo, izany hoe; ny sinôda tsirairay dia afaka mifidy izay hitarika azy izay antsoina hoe « primat ».

Ireo Eveka izay mitantana ireo Fiangonana mahaleotena ireo dia antsoina hoe patriarkà na arseveka. Ireo filohan'ny fiangonana ireo dia mitarika ny sinôda episkôpô any anatin'ny Fiangonana, ary manorina ny fahefana ara-pinoana sy fitantanana ny fiangonana ambony indrindra. Misy voninahitra an-tanan-tohatra eo amin'ny samy Fiangonana

Ôrtôdôksa izay faritana arakaraka ny lafiny tantara fa tsy amin’ny isan’ny mpino ao aminy amin’izao fotoana izao.

Mitovy lanja eo amin’ny lalàna mifehy ny Fiangonana sy ny resaka finoana ny Eveka rehetra ao amin’ny Fiangonana Ôrtôdôksa, izany hoe, mandidy mahatapaka amin’izay tranga misy eo amin’ny Fiangonany izy ireo.

Maneran-tany dia miisa sivy ireo Patriarkà itoeran`ireo Eveka. Andeha hotanisaina eto ambany ireo toerana sy ny mpitondra ireo Patriarkà ireo;

- Patriarkà any Torikia ao Kaonstatinôpla, na antsoina koa hoe, Rôma vaovao, i Eveka BARTHELEMIE no mitantana ao, ary mbola izy ihany koa no napetraka ho zoky lehibe ara-pitantanana ireo patriarkà 9 ireo; izany hoe, izy izany no mandrindra sy mandamina ny fotoana rehefa misy fivoriana tanterahin`izy 9 ireo.
- Patriarkà Aleksandria izay ao anatin`io no misy an`i Madagasikara, ny eveka THEODOROS II no mitantana azy io.
- Patriarkà Antiokia izay eo ambany fitantanan`ny eveka IGNACE IV
- Patriarkà Jerosalema, izay tarihin`ny eveka IRINY
- Patriarkà ao Rosia izay tantanan`ny eveka ALEXIS
- Patriarkà ao Serbia, izay eo ambany fitarihan`ny eveka PAUL
- Patriarkà ao Romania, izay tarihin`ny eveka THEOKTISTE
- Patriarkà ao Bolgaria, tantanan`ny eveka MAXIME
- Patriarkà ao Georgia, izay tantanan`ny eveka ELIAS.

Rehefa mitambatra ireo Patriarkà sivy ireo dia antsoina hoe Patriarkà ekôminika.

Tsara marihina fa atsy ho atsy izay amin`ny fotoana mbola tsy voafaritra mazava dia hitombo 5 ireo Patriarkà ireo noho ireo fiangonana “arseveke” sasany izay tena mitombo sy miroborobo fatratra any amin`ny firenena sasany ankehitriny.

Tahaka izao manaraka izao ireo ambaratongam-pitantanana misy ato amin`ny Fiangonana Ôrtôdôksa

### 3.1.1.1 Rafitra misy ao amin`ny Fiangonana Ôrtôdôksa

Manana ny rafi-pitantanany manokana ny Ôrtôdôksa, tahaka izao manaraka izao izany rafi-pitantanana misy ao amin`ny fiangonana izany.

Ny fizaram-pitantanana ao amin`ny fiangonana dia miainga amina kristianina maromaro, izay manome ny antsoina hoe "Paroasy", izany hoe, fitambarana kristianina maromaro no manome ity farany. Ny Pretra no mitondra azy io.

Manaraka izany dia ny paroasy maromaro mitambatra no manome ny atao hoe "Distrika", Ny mpitondra azy io dia ny môpera ihany.

Ny fitambarana distrika maromaro indray no manome ny "Vikaria", izany hoe, fitambarana fiangonana maromaro no manome azy ity. Ny mpitondra ato indray dia antsoina hoe "Vikaria episkôpaly", pretra ihany izy ity fa nantsoina ho toy io noho izy ny Eveka mivantana no manendry azy.

Ny fitambarana vikaria maromaro indray avy eo no manome "Diôsezy", ny mpitondra ato indray dia ny eveka, araka ny nambaran`ny mômpera taminay dia ny fiangonana Ôrtôdôksa eto Madagasikara dia efa hanana diôsezy roa izay atao hoe "Avaratra sy Atsimo" atsy ho atsy.

Ny diôsezy maromaro indray no manome ny atao hoe "Arsidiôsezy", ny mpitarika azy ity indray dia ny Arseveka. Izy ity dia fifehezam-piangonana maromaro mahaleotena mitovy amin`ny Patriarkà ihany fa izy mbola tsy tonga Patriarkà fotsiny. I Madagasikara dia efa lasa Arsidiôsezy nanomboka tamin`ity taona ity.


Farany dia ny arsidiôsezy maromaro mitambatra no manome ny atao hoe "Patriarkà". Ity patriarkà ity no faratampony amin`ny rafi-pitantanana ato amin`ny Fiangonana. Ny Patriarkà dia karazana anaram-boninahitra nomena ireo toerana misy ny eveka mitantana

ny Fiangonana. Eveka araka izany no mitantana azy io. Ny firenena misy ny Fiangonana Ôrtôdôksa dia samy manana ny toerana misy ny Patriarkà-ny avy, ho an`ny eto Madagasikara manokana araka ny efa voalaza tery ambony ohatra dia mitambatra amin`ny Patriarkàn`ny Aleksandria izy. Noho izany dia any Aleksandria no foiben`ny Patriarkà misy an`I Madagasikara. Ny anjara asan`ireo Patriarkà indray kosa dia manao izay hampandroso ny Patriarkà misy azy avy, ankoatra izay dia mitambatra sy miara-manapan-kevitra izy ireo rehefa misy zava-dehibe na fanapahan-kevitra lehibe tokony horaisina mahakasika ny Fiangonana tahaka ny firesahana ny kônsily.

Ny Eveka mitantana ilay Patriarkà dia antsoina hoe "patriarche" na patriarka.

Raha hazavaina amin`ny kisary dia tahaka izao ny filaharan`ny ambaratonga ao amin`ny Patriarkà hatrany amin`ny paroasy.

<u>**Kisary 1**</u>: Rafi-pitantanana ao amin`ny fiangonana Ôrtôdôksa




### 3.1.1.2 Ny rafi-pitantanana isaky ny fiangonana

Isan'ny zava-dehibe sy manan-danja ny fandaminana ny fiarahamonina. Tsy hisy fiarahamonina ho vanona sy haharitra raha tsy misy ny fomba fifampitondrana apetraka. Isan'ireny, ohatra, amin'ny Malagasy, najoro ny marina, ny rariny ary ny hitsiny mba hahafahana mandamina ny fiarahamonina. Isan'ny miantoka ny filaminana voalohany ny rafitra misy ao anatin'ny fiarahamonina.

Nanangana lamina izy ireo mba hifampifehezany ao amin`ny fiangonana. Mirakitra ny foto-kevitry ny Fiangonana io rafitra najoron'izy ireo ka andeha àry hojerena ny momba izany.

**Kisary 2**: Rafitra ao anatin`ny fiangonana




Ny mombamomba sy andraikitr`ireo Eveka, Presbitera na pretra, ary ny Diakra.

a) **Ny raharahan`ny Eveka**

Ireo apôstôly ihany no Eveka voalohany tao amin`ny Fiangonana. Na talohan`ny Pentekôsta aza, taorian`ny nivadihan`i Jodasy, dia nambaran`i Piera araka ny Salamo 109:8 fa "*Aoka ho lasan`olon-kafa ny anjara raharahany"*(AS.1:20). Manondro ny raharahan`ny Eveka indrindra izany. Tsy noforonina taty aoriana araka izany ny raharahan`ny Eveka fa

ireo apôstôly mihitsy no efa Eveka. Ary izy ireo indray avy eo no nanendry Eveka handimby azy ireo hitantana ny Fiangonana isam-paritra.

Indraindray toa mitovitovy ny raharahan`ny Eveka sy ny Presbitera tany am-boalohany. Fony mbola teo ireo Apôstôly dia nitovy ny fomba fiantso azy ireo tao amin`ny Testamenta Vaovao. Nantsoina hoe zokiolona ny Eveka iray mitondra fiangonana ao amina toerana iray. Taorian`ny nahafatesan`ireo Apôstôly, dia nanjary samy hafa ny raharahan`ny Eveka sy ny Presbitera manerana ny Fiangonana. I Paoly sy I Barnaba, dia nanoratra taorian`ny taon-jato voalohany indrindra fa ny Eveka dia notendren`ny Apôstôly, ary hodidinin`ny Presbitera, na aiza na aiza ao amin`ny Fiangonana.[49]

**b) <u>Ny raharahan`ny Presbitera na Pretra</u>**

Efa hatrany am-boalohany no voamarika tao amin`ny fiainan`ny Fiangonana ao amin`ny Asan`ny Apôstôly sy Epistily ny Zokilona na ny Presbitera. Mazava fa tamin`ny toerana tsirairay dia nivelatra ny Fikambanana kristianina, ka ireo zokiolona ireo no notendren`ny Apôstôly hitandrina ny vahoaka.

Taty aoriana, ny Presbitera dia nanjary nantsoina amin`ny teny fohy hoe "Pretra", ary ny maha "Pretra", araka ny fijery feno ny zava-nisy momba ny fisoronana ao amin`ny Testamenta Taloha dia tanteraka ao amin`I Kristy ka ny Fiangonana dia fikambanan`ny fisoronan`ny mpino. Tsy hoe mpanelanelana an`Andriamanitra amin`ny vahoaka akory na mpizara fahasoavana ny Pretra. Fa ny andraikiny dia ny miantoka ny fisian`ny Kristy eo anivon`ny fikambanana kristianina ka amin`ny fiantohana ny fisian`ny Filoha mpiandry ondry (I Jesoa Kristy), dia mitandrina ny vahoakan`Andriamanitra izy[50].

---

[49] Gazety, *fampidirana momba ny Fiangonana Ôrtôdôksa*, tak 5-6,
[50] Gazety, *fampidirana momba ny Fiangonana Ôrtôdôksa*, tak 6

## d) Ny raharahan`ny Diakra

Famaritana ny teny hoe: “Diakra”: “*Mpanampy ny mpisorona amin`ny fanomezana ny sakramenta indrindra, ka misy karazany roa, dia ireo miomana ho pretra, ary ireo maharitra, izay mety ho olona manambady, arakaraka ny fanapahan-kevitry ny Kaonferansy Episkopaly.’’*[51]

Ny laharana fahatelo amin`ny raharaham-pitantanan`ny Fiangonana Ôrtôdôksa dia ny Diakra. Ny Apôstôly no nanatanteraka ity raharaha ity tany am-boalohany, fa rehefa nitombo haingana ny Fiangonana, dia nisy Diakra fito nofidiana (As, 6:1-7)[52] hanampy amin`ny andraiki-panompoana ireo mila izany. Iray amin`ireo Diakra ireo I Stefana, izay tonga martiry voalohan`ny Fiangonana.

Nandritra ireo taon-jato nifandimby, dia tsy nisahana ny lafiny ara-materialy ilain`ny Fiangonana fotsiny ny Diakra fa nitana andraikitra tamin`ny fiainana litorjikan`ny Fiangonana ihany koa. Matetika dia antsoina hoe “maso sy sofin`ny Eveka” izy ireo, ary maro ireo Diakra no tonga Pretra sy tafiditra tamin`ny raharahan`ny Eveka mihitsy aza.[53]

Amin`ny fiangonana katôlika rômana dia dingana ao amin`ny firosoana ho Pretra ny diakra, tahaka izany koa ny ato amin`ny fiangonana Ôrtôdôksa.

---

[51] *Rakibolana malagasy*, Regis RAJEMISA RAOLISON, Ambozontany Fianarantsoa 1995

[52] ***Asan`ny apôstôly***, 6:1-7 “ Tamin'izany adro izany, rahefa nitombo ny isan'ny mpianatra, dia nimonjomonjo t@ Jiosy miteny hebrio ny Jiosy miteny grika, satria tsy mba nahinaloatra t@ fizaràna fiantrana isan'andro ny mpitondra tena tao aminy. Ka novorian'ny 12 lahy ny mpianatra rehetra nilazany hoe: tsy mety raha ilaozanay mitandrina ny sakafo ny fampianarana ny tenin'Andriamanitra. Koa amin'izany, ry mpiray tampo ara-pinoana, mifidiana fito lahy eo aminareo, izay tsara laza sady feno ny Fanahy Masina sy fahendrena, mba hametrahanay izany raharaha izany; ary izahay kosa hikely aina @ fivavahana sy ny fitorian-teny. Nankasitrahan'ny olona rehetra izany teny izany, ka dia nofidiny i Etienina lehilahy feno finoana sy Fanahy Masina, i Filipo, i Prôkôro, i Nikanôra, i Timôna, i Parmèna ary i Nikôla prozelita avy any Atiokia. Narosony teo anatrehan'ny Apôstôly izy ireo, ka nametrahany tànana nony efa vita ny fivavahana. Dia niely ny tenin'Andriamanitra, nihamaro be dia be ny mpianatra tao Jerosalema, ary betsaka koa ny mpisorona nanaiky ny finoana. »

[53] Gazety, *fampidirana momba ny Fiangonana Ôrtôdôksa*, tak 6

Ny fahefan`ny Eveka, ny Pretra sy ny Diakra dia tsy hafa ivelan`ny vahoaka akory fa avy amin`ny vahoaka. Raha hazavaina misimisy kokoa dia tahaka izao, rehefa misy ny fanamasinana eveka, pretra na diakra, dia tsy maintsy maka ny hevitry ny vahoaka kristianina hatrany. Izany hoe, misy efa fombafomba atao mihitsy amin`izany, antsoina hoe "kirôtônia" ka ao anatin`izany no anontaniana ny hevitry ny kristianina raha azo atao na tsia ny hirosoana amin`ilay fanamasinana. Ka rehefa tsy eken'izy ireo na dia olona iray aza no manda ny tsy anatanterahana izany fanamasinana izany dia tsy azo atao mihitsy. Miandry fanadihadiana sy fanamarinana na marina na diso ny antony andavan'ny kristianina ny hanaovana io fanamasinana io vao haroso indray izany na tsia.

Andraikitry ny Apôstôly koa ny nitondra ny vahoakan`Andriamanitra ho toy ny laika. Tsy ho mpitazam-potsiny anefa izy ireo, fa ain-dehibe amin`ny fahombiazan`ny Fiangonana mihitsy. Mpitahiry sy mpampiasa mavitrika ny fanomezana sy ny fahasoavan`ny Fanahy izy ireo. Manana adidy amin`ny fiainana sy ny asan`ny Fiangonana ny mpikambana tsirairay laika. Tokony hitondra zavatra ho an`ny rehetra ny tsirairay. Ny andraikitry ny Eveka, ny Pretra, sy ny Diakra dia ny miantoka fa izany no marina ho an`ny laika.[54]

Ireo an-tanan-tohatra ireo dia ahitana ihany koa ny « sous-diacre », ny mpamaky teny na « lecteurs », ny « chantres » na ny mpihira izay tsy dia misy lalàna mifehy azy ireo loatra. Andraikitra avy tany amin'ny fanompoam-pivavahana tany aloha, ary manana andraikitra hafa ankoatr'ireo voatondron'ny anarany.

➢ Ny anjara asan`ireo tompon`andraikitra

Ato amin`ny Fiangonana Ôrtôdôksa dia mizara roa ny atao hoe "Fisoronana":

- Misy ny fisoronana iraisan`ny rehetra na koa antsoina hoe: "sacerdoce Univercelle"; ireo olona vita batemy rehetra izay efa voahosotr`Andriamanitra; izany hoe; ireo kristianina rehetra na "fisoronan`ny mpino".

[54] Gazety, ***Fampidirana momba ny Fiangonana Ôrtôdôksa***, tak 7

- Misy ny Fisoronana an`asa na “sacerdoce Fonctionnelle”; ireo ilay, Eveka, Pretra, Diakra, izay tena io mihitsy no asan`izy telo ireo.


### 3.1.2 Ireo lafin-javatra manodidina ny fombafombam-pivavahana amin`ny ankapobeny

Hojerentsika tsirairay ato indray ireo singa ivelan’ny fotoam-pivavahana toy ny toerana anatanterahana izany sy ny trano Fiangonana. Horaisintsika voalohany àry ny trano Fiangonan`ny Ôrtôdôksa .


#### 3.1.2.1 Ny trano fiangonana


Tahaka ity sary atolotra eto ambany ity no kisary maneho ny firafitry ny trano Fiangonana Ôrtôdôksa ao Antanimena. Mizara telo ny firafitr`izany trano izany dia ny : Sanctuaire izay misy ny hôtely, ny Nef, ary ny Narthex. Atsy aoriana kely no hanazavana misimisy kokoa ireo firafitry ny trano fiangonana ireo. Marihina fa mitovy tahaka io avokoa ny firafitry ny Fiangonana Ôrtôdôksa maneran-tany.

**<u>Kisary 3</u>** : kisary maneho ny firafitry ny fiangonana Ôrtôdôksa




<u>Maribolana</u>

 : Toerana voatokana ho an`ireo vahiny manan-kaja, toa ny filoham-pirenena,

 : Toerana natokana ho an'ny Eveka

 : Varavarana miditra ao amin`ny "Sanctuaire" izay antsoina hoe: "Porte royal"

 : Sary masin`I Jesoa Kristy izy io ary manelanelana ny NEF sy ny Sanctuaire

 : Sary masin`I Masina Maria, tsy maintsy eo an-kavia

 : Sary masin`Imasin-dahy Joany mpanao batisa.

 : Sarin`olo-masina izay mpiaro ny fiangonana; izany hoe; ny mipetaka eo dia izay mpiaro ny fiangonana tsirairay avy.

Narthex: “plafon” mivoitra tazomin`ny andry lehibe roa ao am-piangonana eo akaikin`ny varavaram-piangonana.

Araka io kisary io dia hita fa misy toerana voatokana , ao ny natokana ho an`ny Eveka manokana raha misy, ao ihany koa ny natokana ho an`ny vahiny manan-kaja, na manam-pahefana raha misy ihany koa. Ary farany ny ao amin`ny hôtely dia tsy azon`ny vehivavy hitsahina na hidirana mihitsy.

Raha tahaka io ny firafitry ny trano fiangonana dia mba tahaka ny ahoana kosa ny zava-misy ao anatiny?

a) **<u>Ny zava-misy ao anatin`ny Fiangonana</u>**

Azo lazaina ho tena miavaka ny fandrafetana ny zava-misy ao anaty efitranon`ny Fiangonana Ôrtôdôksa noho izy tsy maintsy atao mitovy tanteraka amin`ny eran-tany ny zava-misy vitsivitsy ao, raha tsy hilaza afa tsy ireo sary apetaka amin`ny rindrina izay maneho ny tantara ao amin`ny Baiboly, sy ireo sary atao ao anaty “cadre”. Ity farany dia dia mizara ho toy izao manaraka izao:

- Misy ny sary anaty “cadre” izay tsy maintsy atao mitovy amin`ny eran-tany na ny toerana misy azy ao amin`ny Fiangonana na ny sary ao anatiny. Ny sary masina hita ao anatin’ireo “cadre” ireo dia ny sary masin’i Jesoa, ny sary masin’i Masindahy Joany mpanao batisa, ny sary masin’i Masina Maria.

- Misy koa anefa ny sary anaty“cadre” izay samy hafa ny sary ao anatiny arakaraka ny Fiangonana,fa ny toerana misy azy kosa no tsy maintsy atao mitovy amin`ny an`ny Fiangonana eran-tany. Izany hoe, ny sary atao ao amin`io dia ny sarin`ireo olomasina mpiaro ilay Fiangonana, ny ato Antanimena ohatra dia ny sarin`ny “La dormition de la sainte Marie”, sary hafa kosa no mipetraka eo raha any amin`ny Fiangonana hafa satria samy manana ny mpiaro azy avy ny Fiangonana tsirairay avy.

Mahakasika ireo sary hosodoko mipetaka amin`ny rindrina kosa indray dia hita fa ny sary mitantara ireo fotoana manan-danja sy nanamarika ny fiainan`i Jesoa Kristy no nosafidin`ny Fiangonana Ôrtôdôksa ao Antanimena hapetaka amin`ny rindrina.

Andeha hazavaina eto ambany ireo fizarana telo ato amin`ny Fiangonana. Hojerena voalohany amin`izany ny "Sanctuaire"

- Toerana masina na "Sanctuaire"

Ny toerana masina na 'Sanctuaire' dia ahitana efitra telo izay mitovy amin`ny nisy tao amin`ny Tempoly taloha, voalazan`ny Baiboly izay mizara tahaka izao: ao amin`ny ilany havia no misy ny latabatra fanomanana[55] . Ao amin`ny sisiny havanana kosa indray no misy ny fidiovana, anadiovana tanana[56]. Ary farany dia ao afovoany no misy ny hôtely anaovana ny fotoam-pivavahana, ahitana jiro iray na roa eo, ahitana "Evanjiliera" izy ity dia tsy Baiboly fa boky misy ny vaovao mahafaly vakiana ao am-piangonana mandritra ny taona, ny môpera no mamaky azy. Ao ambanin`io Evanjiliera io dia tsy maintsy ahitana "antimasiôna"[57],izy ity indray dia karazana mosoara misy ny sonian'ny eveka, tsy azo aroso mihitsy ny fotoam-pivavahana ao am-piangonana raha tsy misy azy io. Heverina ho toy ny zavatra masina sy sarobidy izy io ao amin`ny fiangonana Ôrtôdôksa. Ankoatra izay dia ahitana tabernakla izay misy ny sarin'ny Patriarkàn`ny Aleksandria ao, tsy izay ihany fa mbola ahitana "Relique"[58] koa ao, izy ity indray dia fasiana sisan-taolana, na lamba, na zavatra nampiasain`ny olomasina, izay inoan'izy ireo fa mety hahazoana fahasoavana. Izay amin`ny ankapobeny no zavatra hita ao amin`ny "sanctuaire"


Marihina fa  tsy azo hosorana ho Pretra na atao mpiservy eny amin`ny hôtely ny vehivavy. Ary indrindra koa tsy mahazo miditra ao amin`ny "sanctuaire" izy ireo.

Manana toerana manokana ao amin'ny fiangonana ny vadin 'ny pretra; izany hoe, na dia tsy mahazo miservy ao ampiangonana aza ny vehivavy dia afaka manao ny asa rehetra

[55] Tovana laharana 3.
[56] Tovana laharana 3
[57] Tovana laharana 3
[58] Tovana laharana 3

ao amin'ny fiangonana izy, izany hoe, azo atao filohan'ny filan-kevi-piangonana, filohan'ny antoko mpihira ao am-piangonana, mpamaky ny tenin'Andriamanitra, mpampianatra katesizy ho an'ny zazakely sy ny olon-dehibe, mpanao sary hosodoko (sary masina) . Izany fandraisana andraikitra ataon'ny vehivavay ao amin'ny fiangonana izany anefa dia miovaova arakaraka ny firenena misy azy.

**<u>Sary 6</u>**: Sanctuaire **<u>Sary 7</u>**: Hôtely





Loharanon-kevitra: Velonjanahary Darhelle

**<u>Sary 8</u>**: " Icônostase" dia fiantonan-tsary manasaraka ny "Sanctuaire" sy ny "Nef". Eo no ampiratiana ireo sary masin`I Jesoa Kristy, ny sarin`ny Masina Maria, sy ireo sarin`ny Apôstôly efatra, ary ireo sarin`olomasina vitsivitsy.




Loharanon-kevitra: Velonjanahary Darhelle

- Fitoeran`ny mpivavaka na " Nef"

Alohan`ny idirana ao amin`ny fitoeran`ny mpivavaka dia andeha hohazavaina fohy ny momba ireo sary misy eo amin`ny "Icônostase". Izy ireo izay tsy azo ialana mihitsy raha hiresaka ny firafitry ny fiangonana Ôrtôdôksa.

Aseho eto voalohany ary ny sarin`I Jesoa  Kristy sy Joany mpanao batisa. Ireo sary ireo dia tsy maintsy ao amin`ny ilany ankavanana no misy azy. Eran`ny Fiangonana maneran-tany dia tsy maintsy tahaka io avokoa no toerana misy azy.

**<u>Sary 9</u>**: Jesoa Kristy sy Joany mpanao batisa



Loharanon-kevitra: Velonjanahary Darhelle

Ny sary aseho manaraka eto indray dia ny sarin`I Masina Maria, sy ny sary maneho ny torimasom-pahafatesan`ny renin`Andriamanitra na "la dormition de la mère de Dieu", ity torimasom-pahafatesan`ny renin`Andriamanitra ity dia mpiaro ny fiangonana ao Antanimena.

Ireo sary ireo indray dia tsy maintsy ao amin`ny ilany an-kavia foana. Ny sarin`ilay mpiaro ny Fiangonana no mety miovaova arakaraky ny fiangonana fa ny toerana misy azy kosa dia tsy maintsy tahaka izao. Tsara marihina fa ny sarin`ilay mpiaro ny fiangonana dia misy toerana roa tsy maintsy ahitana azy ao amin`ny fiangonana , ny iray eo akaikin`ny varavarana vao miditra ary ny iray kosa mipetaka eo amin`ny "Icônostase".

**Sary 10**: La dormition de la mère de Dieu

**Sary 11** : Sainte Marie na Theothocos






Loharanon-kevitra : Velonjanahary Darhelle

Andeha hojerentsika manaraka eto indray ny ao amin`ny fitoeran`ny mpivavaka na « Nef » .

Ahitana toerana voatokana mazava tsara ato araky ny efa voalaza tery ambony. Ao ohatra ireo toerana natokana ho an`ny manam-pahefana sy ho an`ny Eveka. Ireo toerana ireo dia antsoina hoe “ Exe Cathedrale”. Izy ireo dia tsy maintsy atao mifampitodika ary samy maka sisiny amin`ny ilany havia sy havanana avokoa.

Toy izao sary aseho manaraka izao ary ny endriky ny ao amin`ny “Nef”

**<u>Sary 12</u>**: Fitoeran`ny mpivavaka



Loharanon-kevitra: Velonjanahary Darhelle

Mbola ato amin`ny "nef" ihany koa no ahitana ireo karazana fitaovana mamirapiratra na "Cuivre doré" izay tena anisan`ny mampiavaka ny fiangonana Ôrtôdôksa amin`ny fiangonana hafa. Natao izy ireny ho fanomezam-boninahitra an'Andriamanitra.

Andeha aseho eto ambany izany sary izany

**Sary 13** : Jiro



**Sary 14** : fanariam-pako



Loharanon-kevitra:Velonjanahary Darhelle

- Nartexe

Ity "Nartexe"ity no fizarana fahatelo eo amin`ny firafitry ny fiangonana Ôrtôdôksa. Ao amin`ny tapany fahatelo manakaiky ny varavarana fidirana ao am-


piangonana no ahitana azy.  Ahitana toerana fandrotsahan-drakitra , sy ireo sary anaty “cadre” misy ny sary mpiaro ilay Fiangonana ao.

Marihina fa ato amin`ny Fiangonana Ôrtôdôksa dia tsy misy rakitra atao mandritra ny fotoam-pivavahana fa rehefa mirava ny fiangonana vao mandrotsaka izay foiny ny mpivavaka

**Sary 15**: Fandrotsahana rakitra

**Sary 16**: “cadre” misy ny sarin`ny «  la dormition de la mère de Dieu »





Dormition de la mère de Dieu

Loharanon-kevitra :Velonjanahary Darhelle

**b) <u>Ireo karazana fihetsika sy famantarana ampisain`ny Ôrtôdôksa</u>**

- Sary masina “icône”

Raha vao miditra ny fiangonana Ôrtôdôksa ny olona iray dia manaitra avy hatrany ireo karazana sary masina maro samihafa mipetaka eny amin`ny rindrina sy ireo sary mitokana anaty “cadre”. Misy dikany avokoa izy ireny ary samy manana ny maha izy azy. Inona ary no tena hevitr`izy ireny?

Ho an`ny fiangonana Ôrtôdôksa manokana dia natao indrindra izy ireny ho an`ny olona tsy mahay mamaky teny sy manoratra, araka ny resaka nifanaovanay tamin`ny Pretra Andreas hatrany. Raha zohina mantsy dia ireo sary mandrakotra ny fiangonana ireo dia karazana mitantara amin`ilay olona mijery azy ny tantara nisy tao amin`ny Baiboly. Ny ato Antanimena manokana araky ny efa voalaza tany aloha ohatra dia ny rijam-piainana nolalovan`I Jesoa Kristy no sary mandrakotra azy ao, raha any amin`ireny fiangonana lehibe ireny dia ny tantara ao amin`ny Baiboly manontolo mihitsy no ao.

Fa inona ihany koa no mbola dikan`izy ireny?

*“Sary masina maromaro izay tompoin’ny mpino (sary= hanehoana ny fisian’Andriamanitra). Rehefa manoroka sary masina iray na miankohoka eo anatrehany ny ôrtôdôksa iray dia tsy midika akory izay hoe ilay hazo na ilay sary no iresahany fa amin’ilay olona asehon’ilay sary,[marihintsika fa rehefa amin`ny Malagasy ny hazo kely dia lazaina fa sampy nefa ny hery soloiny tena no zava-dehibe] amin’izay tranga hita eo: tsy sampy akory ilay sary fa sary famantarana fotsiny ihany izay tompoina sy tiavina, Andriamanitra irery ihany no tompoina. Hanaporofoana sy hanamafisana ny fisian’Andriamanitra amin’ny toerana iray ny fisian’ny sary masina ao. Karazana boky misokatra mampahatsiahy ny fisian’Andriamanitra ny sary masina , fomba anankiray ampiasain’Andriamanitra hampianarana ny finoana. Tsy zavatra hojerena ny sary masina*

*fa raisina ho toy ny zavatra manan'aina iray izay mijery anao. Ny fanamboarana ny sary masina dia asa fanehoana ny finoana."*[59]

- Ny hira

Mbola anisan`ny mampiavaka ny ato amin`ny fiangonana Ôrtôdôksa ihany koa ny eo amin`ny lafiny hira, satria, ny fotoam-pivavahana rehetra dia atao an-kira avokoa. Io fomba fihirana io dia antsoin`ny olona sasany hoe : ny fahanginan`ny anjely na "Le chant des chérubins". Rehefa tonga nofo ho olombelona ny Zanak`Andriamanitra, dia tsy nitsahatra nihoby an`Andriamanitra ireo anjely marobe, io fomba nataon`ireo anjely io no narahin`ny olombelona ankehitriny.

Manana anjara toerana lehibe eo amin`ny litorjian`ny fiangonana Ôrtôdôksa ny hira. Ny hira mantsy amin`izy ireo dia tahaka ny vavaka ihany koa , noho izany dia tokony ho ny feon`olombelona ihany no manao azy, ary izany no anisan`ny antony tsy ahitana zava-maneno tahaka ny synthetiseur, orgue sns… ao am-piangonana. Mbola anisan`ny antony koa araky ny filazan`ny môpera ny mbola fitahirizana ilay fomba fivavahana taloha.

- "le symbole" na ny sary famantarana tao Nisea sy Kaonstatinôpla

- Ny sary famantarana izay natao sary lava dia notapahana tany Nisea (325) sy Kaonstatinôpla. Izy io dia ialohavan'ny fehezan-teny hoe: "Andriamanitra iray ihany no inoako ". Nampiana tany Kaonstatinôpla tamin'ny taona 381. Teôlôjika[60] kokoa izy io ary sarotsarotra raha ampitahaina ny an'ny Roma, nefa kosa mahitsy sy mampiseho kokoa ny finoana an'Andriamanitra, hoy ny Ôrtôdôksa.

---

[59] "des icônes que les fidèles vénèrent (Représentation = idée qu'il y a une présence). Lorsqu'un orthodoxe embrasse une icône ou se prosterne devant elle, il ne s'adresse évidemment pas au bois ou à la peinture mais à la personne, à l'événement qui y figure : l'icône n'est pas une idole, mais un symbole que l'on vénère et pas que l'on adore, l'adoration est due à Dieu seul. On pourrait dire que l'icône ne représente pas tant une image mais qu'elle rend présent. Les icônes sont ainsi comme des livres ouverts qui les font se souvenir de Dieu ; elles sont un des moyens que l'Eglise utilise pour enseigner la foi. L'icône n'est pas tant quelque chose qu'on regarde, mais qu'un être qui vous regarde. La réalisation des icônes est un acte de foi. **» (URL : http://www.chretiensaujourdhui.com/eglises-oecumenisme/les-orthodoxes/)**

[60] Teôlôjia : « *Sampam-pahalalana ianarana momba ny fivavahana sy izay mikasika an`Andriamanitra, ny foto-pampianaran`ny antokom-pinoana samihafa* ».


- Tsara marihina fa ny Ôrtôdôksa dia manao “amin`ny anaran`ny Ray” na “signe de croix” miainga avy any ambony, midina ambany, avy eo mankany ankavanana izay vao mankany ankavia. Atambatra ny ankihibe, ny fanondro ary ny fanondroadala mba hanehoana ny “Trinité”, haforotra makany amin’ny fela-tanana kosa ny manarapoana sy ny ankihikely hampisehoana ny toetra roa ananan’ity farany. Io fihetsika io dia atao isaky ny manonona ny “Trinite” sy rehefa mijery sary masina na mivavaka na tsia ary amin’ny fotoana maro samy hafa. Mifanohitra amin`ny an`ny katôlika Rômana izany fanaovana ny “amin’ny anaran’I Ray” ity satria ny an`ity farany dia miainga avy any ambony, midina ambany, ary mankany ankavia vao mankany ankavanana.

Miavaka tanteraka ny fomba fanaon`ny mpino Ôrtôdôksa rehefa manao io “signe de croix” io satria ratsan-tanana telo no atambatra eo am-panatanterahana izany. Hatrany amin’ny taonjato faha XII tany Eorôpa, ny Papa Innocent III (1198-1216) dia mbola nanoratra fa rehefa manao amin’ny anaran’ny Ray sy Zanaka ary ny Fanahy Masina dia amin’ny ratsan-tanana telo foana ka avy amin’ny havanana vao miankavia no anatontosana azy.

Tamin’ny taonjato faha XIII vao nanomboka nampiasaina ny fanao ao amin’ny katôlika Rômana amin`izao fotoana izao, izany fiovana izany moa dia tsy nazahoana fanazavana.

- Any Rosia koa dia manao amin`ny anaran`ny Ray na “signe de croix” amin`ny rantsan-tanana roa amin`ny fomba Ôrthôdôksa, izany hoe; havanana vao miankavia

**Sary 17**: ratsan-tanana telo



**Sary 18**: XC: Xcristus (Kristy)

IC: Iesus Christus



Loharanon-kevitra: Velonjanahary

Raha izay àry ny mikasika ny firafitry ny trano Fiangonana sy ny zava-misy ao anatiny amin`ny ankapobeny dia mba inona kosa no azo ambara mahakasika ny toerana anatanterahan`izy ireo ny fotoam-pivavahany?

### 3.1.2.2 Ny toerana anatanterahan`ny Ôrtôdôksa ny fotoam-pivavahana

Amin`ny olombelona eto an-tany ka mivavaka dia misy toerana voatokana na natokany anaovana izany, amin`ny Malagasy koa dia tsy izay toerana hita rehetra akory dia azo anaovana fotoam-pivavahana avokoa, fa misy ny atao hoe toerana masina, ka ho an`ny Malagasy nentim-paharazana dia ny zoro firarazana na toerana avaratra atsinanana no anaovana izany raha ao an-tokantrano no mivavaka. Dia tahaka izay ihany koa ny ao amin`ny Fiangonana Ôrtôdôksa, misy toerana voatokana hanatanterahana fotoam-pivavahana. Fa inona moa ny atao hoe trano fivavahana?

Tahaka ireo hita eto ambany ireto àry ny hevitr`ireo olo-masin`ny fiangonana Ôrtôdôksa momba ny fiheverana ny atao hoe "Fiangonana".

Hoy indrindra i Masin-dahy Irenèe de Lyon (taon-jato II) *« Izay toerana misy Fiangonana dia misy ny Fanahin'Andriamanitra, ary izay toerana misy ny Fanahin'Andriamanitra dia misy ny Fiangonana sy ny fahasoavany. »*[61]

Ny sasany aza moa dia milaza fa *« Ny Fiangonana dia paradisa eto an-tany izay fonenan'Andriamanitra sy Fiasàny »*[62] Masin-dahy Germain de Constantinople ( tany ho any amin`ny taon-jato faha VIII)

Araka izany dia toerana masina ny fiangonana ary azo lazaina ho tena mahafinaritra sy tsara honenana mihitsy satria dia lazain`izy ireo ho tahaka ny paradisa an-tany mihitsy.

Ny Fiangonana dia toerana manan-kasina ka tsy azo anaovana ratsy sy tokony ho hajaina. Ho an`ny ato amin`ny Fiangonana Ôrtôdôksa manokana, ohatra, dia misy ny toerana azon`ny rehetra andehanana sy hipetrahana ary misy kosa toerana izay tsy azon`ny vehivavy hidirana mihitsy toy ny ao amin`ny "Sanctuaire" izay misy ny hôtely, araka ny efa voalaza tery ambony.

Izany hoe, ny olombelona mpivavaka no mamaritra ny toerana ivavahana izay hanjary ho masina satria hisy ny fanahin`Andriamanitra.

Ankoatra ny ao anatin'ny fiangonana dia mbola toerana azon'ny mpino Ôrtôdôksa ihany koa ny ao an-tokatrano. Izany hoe; ny isam-pianakaviana ato amin'ny fiangonana Ôrtôdôksa dia samy manana toerana natokana hivavahana avokoa ao an-tokatranony tsirairay avy. Izany dia tafiditra ao anatin'ny fomba fiainan'iy ireo.

---

[61] Saint Irénée de Lyon (II[e] siècle) « Là où est l'Église, là aussi est l'Esprit de Dieu, et là où est l'Esprit de Dieu, là est l'Église et toute sa grâce. »
(URL:**http://www.pagesorthodoxes.net/foiorthodoxe/egliseaujourdhui.htm)**

[62]Saint Germain de Constantinople (VIII[e] siècle) « L'Église est le paradis terrestre dans lequel le Dieu du ciel demeure et se meut ». (URL **:http://www.pagesorthodoxes.net/foiorthodoxe/egliseaujourdhui.h**

**Famintinana ny toko voalohany**

Raha fintinina ny voalaza tao amin`ny toko voalohany, dia nanoritsoritra ny firafitry ny fiangonana, tao anatin`izany no niresahana ireo rafitra sy fifandaminan`ny Fiangonana, toy ny resaka an-tanan-tohatra eo amin`ny lafiny fitondrana ny Fiangonana. Mbola tao ihany koa no niresahana ireo andraikitra samihafa sahanin`ny tsirairay ao amin`ny Fiangonana izay anisan`ny mampiavaka azy tsirairay. Tao amin`ny zana-pizarana manaraka indray dia niresaka ny lafiny manodidina ny fombafombam-pivavahana amin`ny ankapobeny. Tato indray kosa no nijerena tamin`ny antsipirihany ny firafitry ny trano fiangonan`ny Ôrtôdôksa izay hita fa tena miavaka sy tsara tokoa, amin`ny fisian`ireo haingo sy sary masina ao anatiny. Manaraka izany dia nijery ny anton`ireo fihetsika sy famatarana ataon`ireo mpino Ôrtôdôksa rehefa mivavaka izay hita fa misy dikany avokoa. Farany dia ny fijerena ny toerana anatanterahan`ny Ôrtôdôksa ny fotoam-pivavahany, tato no nahitana ireo famaritan`ny olo-masin`ny Fiangonana ny atao hoe “fiangonana”.

## 3.2 NY VONDRON`NY MPINO

Rehefa avy nijery ny zava-misy ao amin’ny fiangonana isika dia aseho manaraka eto indray ireo olona mivavaka ao anatiny. Hojerentsika amin`izany ny toerana rehetra misy ny Ôrtôdôksa eto Madagasikara, izay tena miparitaka eran`ny Nosy mihitsy, aorian`izay no hijerena ny isan`ny mpino ao amin`ny Fiangonana Ôrtôdôksa ao Antanimena.

### 3.2.1 Ny Ôrtôdôksa eto Madagasikara

Azo lazaina ho efa maro ireo mpino Ôrtôdôksa eto Madagasikara raha ny toerana ahitana azy no jerena. Aseho eto amin’ity zana-pizarana ity àry ireo toerana rehetra ahitana ny fiangonana Ôrtôdôksa eto Madagasikara, avy eo ny faritana fohy ny toerana ao Antanimena.

#### 3.2.1.1 Ireo toerana ahitana ny Fiangonana Ôrtôdôksa manerana ny Nosy

Voamarina fa nisy fitomboana be sy fivoarana lehibe ny fiangonana Ôrtôdôksa teto Madagasikara tato anatin`ny taona vitsivitsy izay, porofon`izany ohatra ny fitomboan`ireo mpino Ôrtôdôksa sy ny fiitarany ara-jeôgrafia, manamarina izany ireo paroasin`ny Ôrtôdôksa manenika ny Nosy iray manontolo izay hotanisaintsika eto ambany.

a) **Ireo toerana ahitana ny Fiangonana**

Ireto avy ary ireo toerana ahitana ny Fiangonana Ôrtôdôksa eto Madagasikara, nalefa isaky ny faritra enina izy ireo. Mba hanamora ny fitsinjarana azy ireo dia aseho amin`ny alalan`ny fafana ireo toerana rehetra misy ny Fiangonana Ôrtôdôksa eto Madagasikara.

**Fafana 4** : Ireo faritra sy toerana ahitana ny Fiangonana Ôrtôdôksa

| FARITRA | TOERANA |
|---|---|
| ANTANANARIVO | Behoririka (katedraly), Ambohitrinimanga, Alasora, Ambohijanaka, Ankazobe, Ambohitrimanjaka, Ambohimiandra, Iavoloha, Andoharanofotsy, Ambatolampy, Fonenantsoa, Antsirabe, Antsahatanteraka, Ambohidava, Fiadanana, Ankadilalamaro, Ambohikely, Imerintsiantosika, Miadapaona, Ambatomasina, Arivonimamo, Soavinarivo, Antsahabeloha, Tsioita, Soafohy, Mahazoarivo, Ambatonandriana, Ampany, Zomabealoka, Ambonivohitra, Morafeno, Ankijandava, Marotampona, Alatsinainy kely, Tsiroromandidy, Mahasolo, Ambalanirana, Tanambao, Ankandrina, Ambohidehilahy, Morombato, Ampitatafika. |
| FIANARANTSOA | Andrainjato, Ranomafana, Ifanadiana, Ampataka, Ihosy, Manakara, Vohipeno. |

| | |
|---|---|
| TOLIARA | Betanimena, Ankiliberengy, Befoly, Beravy, Ampamanta, Analamitivala, Andranoinaly, Ankaraobato, Ampasikibo, Antsihosy, Ankililaoka, Tsimenatse, Tsongobory, Bevoay, Andranomena, Antainosy, Antsangoraza, Ambikibe, Antolokisa, Andamoty, Vatolatsaka, Mahaboboka, Besely, Fort Dauphin, Andranovory, Sakavilany, Andaromihomake, Ambohimahavelona, Andranohinaly, Analamitivala, Maropia, Mahaleotse, Antafike, Mahababo, Ankorofotsy, Antanimena, Antaliabo, Mahatsandry. |
| TOAMASINA | Toamasina, Ambatondrazaka, Ambohitsilaozana, Menaloha, Ambohitanibe, Ampamohalamba, Andreba, Ambohitsaratany, Ambodivoara. |
| MAHAJANGA | Mahajanga, Ambovondramanesy, Manonga, Masokomena, Port Berge, Antsangambato. |
| ANTSIRANANA | Antalaha, Sambava, Ambinany, Ambohimanarina, Andapa, Antsiranana, Ambilombe, Ambanja |

Araka ny hita eto amin`ny fafana dia efa miparitaka manenika an`i Madagasikara ireo Paroasy misy ny Mpino Ôrtôdôksa rehetra. Raha fintinina dia tahaka izao;

- Antananarivo: ahitana paroasy 43, ka ny 9 amin`ireo no eto Antananarivo renivohitra fa ankoatra izay dia any amin`ny faritra manodidina avokoa, tahaka ny any Ambatolampy, Antsirabe, Tsiroromandidy, sns

- Fianarantsoa: ahitana paroasy 7 izay miparitaka amin`ny faritra Fianarantsoa, tahaka ny any Ranomafana, Fanadiana, Ihosy, Manakara, Vohipeno, sns

- Mahajanga: ahitana paroasy 6 izay miparitaka manerana ny faritra. Ohatra ny Port Berge, Antsangambato, Ambovondramanesy (ity no Fiangonana nitsangana voalohany tany Mahajanga vao nitsangana ny taty aoriana), sns

- Toamasina: ahitana paroasy 9, izay manenika ny faritra. Tahaka ny any Ambatondrazaka, Andreba, Ampamoahandamba, Menaloha, sns

- Antsiranana: ahitana paroasy 8, ireo paroasy ireo ihany koa dia manenika any amin`ny faritr`i Diegô. Toy ny any Antalaha, Sambava, Andapa, Ambanja, sns

- Toliara : ahitana paroasy 38, hita eto fa ny faritr`i Toliara no ahitana paroasy betsaka indrindra raha oharina amin`ireo faritra hafa ankoatra an`Antananarivo. Betsaka ny any noho izy mbola tsy feno ireo karazam-pivavahana maro samy hafa. Manampy izany ihany koa ny fanirian`ny olona any an-toerana ny hanorenana fiangonana. Atsy aoriana kely araka ny voalazan`ny mômpera Andreas taminay hatrany dia mety hatao Diôsezy manokana ny any Toliara noho izy efa maro be.

Amin`ireo fiangonana Ôrtôdôksa eto Madagasikara ireo dia azo lazaina ho vitsy ny pretra mitazona azy ireo satria dia eo ho eo amin`ny 32 ireo pretra Malagasy, ary pretra vahiny ny iray. Izany hoe; raha atao ny salanisa dia eo ho eo amin`ny 4 isan-jato eo no pretra mampivavaka ny mpino Ôrtôdôksa eto Madagasikara, mpanampy ny Eveka “Vicaire Général” iray, misy diakra telo eran`ny Madagasikara, ary seminarista 11 izay eny Alasora no misy ny ivon-toerana ianaran`ireo seminarista ireo.

Amin'izao fotoana izao dia efa misy masera ôrtôdôksa Malagasy roa izay any Ambatondrazaka ny iray ary mbola any ivelany ny iray. Tsy ho ela dia hanana monastera eto Madagasikara izay any Mantasoa ireto masera ireto.

Andeha aseho eto ambany ny kisary maneho ny ivon-toerana iofanan`ireo seminarista ireo.

**<u>Sary 19</u>**: Seminera Teôlôjika Md Joany Teôlôjianina



Loharanon-kevitra:Velonjanahary Darhelle

**Sary 20**: Sarin`ireo seminarista malagasy.



Loharanon-kevitra:Velonjanahary Darhelle

Ato amin`ity zana-pizarana manaraka ity no hamelabelarana ny mombamomba ny fiangonana Ôrtôdôksa ao Antanimena. Hanombohana azy ary dia andeha hojerena voalohany ny toerana misy azy.

### 3.2.1.2 Famariparitana fohy ny toerana misy ny Ôrtôdôksa ao Antanimena

Ny Fiangonana Katedraly Ôrtôdôksa izay iantefan`ny fanadihadiana dia ao anatin`ny faritra Analamanga, ary tafiditra ao amin`ny boribori-tanin`Antananarivo faha III, izay ahitana fokontany 34, ka ny fokontany Antanimena izay ao anatin`ireo fokontany 34 ireo no misy ny fiangonana Ôrtôdôksa, andeha hojerena fohy etsy ambany ny mombamomba ny fokontany Antanimena. Nasiana teny fohy ny fokontany Antanimena satria ao anatin'io fokontany io no misy ny fiangonana.

Fokontany Antanimena

Ny fokontany Antanimena dia iray amin`ireo fokontany 34 mandrafitra ny boriborin-tanin`Antananarivo, izay ao anatin`ny faritra Analamanga. Io fokontany Antanimena io dia mirefy 2 Ha sy 500 metatra , ahitana sekitera roa ka ny sekitera laharana voalohany dia mirefy 1Ha sy 250 metatra, ary ny sekitera laharana faharoa kosa mirefy 1Ha sy 250 metatra. Samy misy mponina avokoa ireo toerana ireo.

Toy ny fahita any amin`ny tanan-dehibe rehetra dia hita misongadina tokoa ny isan`ny mponina ao amin`ny fokontany Antanimena, ankilany izy afovoan-tanàna ka mahasarika olona maro ny mipetraka ao, andaniny, ao ny fivoaran`ny tanàna izay misy ireo tranom-panjakana, sy sekoly, ary ny CSB. Eo koa ny firoboroboan`ireo fandraharahana madinika azo tanterahina eo an-toerana.


Avaratra mifanila amin`ny fokontanin` Ankaditapaka, Antsinanana ahitana ny tananan`ny Behoririka Ankaditapaka, Atsimo mifanila amin`ny "cite gare" boriborintany voalohany, ary farany ny ao Andrefana ahitana ny tanànan`Ambohibary Antanimena.

Ny misy ny fiangonana Katedraly Ôrtôdôksa kosa dia eo anelanelan`ny "TRANO MAMPIELY VAOVAO" sy ny "S.A. MAXIME DARIEUX' . Bp 1439, Antananarivo.

Araka ny fitantaran`i mômpera taminay dia ny mety ho antony nisafidianana ny toerana misy ny Fiangonana ho ao Antanimena dia noho ny tao Antanimena tamin`izany andro izany ho efa hita fa toerana be mpandalo sy mora hita.


Tsara ho marihina fa misy ny olona no milaza io toerana io ho ao Behoririka ary io aza no tena mahavantana ny olona, noho izy tena mifanila tanteraka amin`ny fokontany Behoririka. saingy ao anatin`ny fokontany Antanimena izy fa tsy Behoririka akory.

**<u>Sarintany</u> 1**: COMMUNE URBAINE D'ANTANANARIVO RENIVOHITRA




| Région Analamanga | |
|---|---|
| Code District | District |
| 1 | Ambohidratrimo |
| 2 | Andramasina |
| 3 | Anjozorobe |
| 4 | Ankazobe |
| 5 | Antananarivo Antsimondrano |

**<u>Sarintany 2</u>**: fokontany Antanimena



### 3.2.1.3 Ny isan`ny mpino sy ny mombamomba azy

Ny mpino ao amin`ny fiangonana Antanimena dia azo lazaina ho vitsy ihany raha oharina amin`ireo fiangonana rahavavy manakaiky azy.

Araka ny resaka nifanaovanay tamin`ny mômpera dia efa mahatratra any amin`ny 1100 any ireo mpino efa vita batemy, tsy araka izay anefa hoy hatrany izy ireo tena tonga mivavaka isaky ny alahady fa eo ho eo amin`ny 60 eo. Raha tamin`ny fotoana nandalovanay teny ohatra dia teo ho eo amin`ny 20 teo ny isan`ireo mpino tonga nivavaka tao. Vitsy no tonga tena mivavaka isaky ny alahady noho ny sasany efa lasa nila ravinahitra any amin'ny faritra hafa. Ao koa ireo izay efa nahazo fiangonana Ôrtôdôksa akaiky azy, noho izany dia voatery tsy maintsy miaina ireo mpino mivavaka ao.

Ny ankamaroan`ny olona mivavaka ao dia olona manana fari-piainana antonony avokoa, misy ihany ireo tena mahantra fadiranovana sy ireo tena manan-karena, tahaka ireo ambasadaoron`ny Soisy, Rosianina, sns… fa tsy betsaka izy ireo raha oharina amin`ireo mpino manana fari-piainana antonony.

Amin`ny ankapobeny dia tsy mponina avy eo an-toerana avokoa ireo tena mivavaka ao, fa mponina avy any amin`ireo fokontany manodidina, toa ny avy eny Ankazomanga, 67 ha, ny sasany aza moa dia avy any amin`ireo faritra manodidina an`Antananarivo renivohitra mihitsy, toy ny avy eny Andoharanofotsy, sy Manandriana. Araka ny fanazavana natao taminay dia eo ho eo amin'ny 20 eo ireo mpivavaka avy ao amin'ny fokotany Antanimena raha ny lisitry ny vita batemy no jerena. Ny ankoatra izay izany dia avy any ivelany avokoa.

### 3.2.1.4 Ny antony nahatonga ireo olona ifampidinihana ho mpino Ôrtôdôksa

Ny ankamaroan`ireo mpino Malagasy mivavaka ato amin`ny Fiangonana Ôrtôdôksa Antanimena, dia tsy tena hoe, Ôrtôdôksa avokoa no tena finoana narahiny tany am-boalohany, fa nanana ny finoana hafa narahiny izy ireo. Antony inona avy ary no nahatonga azy ireo ho lasa mpino Ôrtôdôksa?

a) **<u>Antony avy amin`ny mpino manokana</u>**

Samy nanana ny antony nahatonga azy ho Ôrtôdôksia avokoa ireo mpino nifampidinika taminay, iray amin`ireny ohatra ity ambara manaraka eto ity. Finoana katôlika no narahiny teo aloha noho izy nanambady tsy vita mariazy anefa dia tsy azo natao batemy tao amin`ny fiangonany fahiny ny zanany, noho izany dia voatery izy nikaroka fiangonana hafa ahafahany mampanao batemy ny zanany. Noho ny reniny efa mpivavaka tao amin`ny Ôrtôdôksa dia mora tamin`izy ireo ny nanoro hevitra azy ny hanaovana batemy ny zaza ao amin`ny Ôrtôdôksa. Araka izany dia lasa nivavaka tao izy mandraka androany. Tsy izay ihany anefa no antony nahatonga ireo olona ho lasa mpino Ôrtôdôksa.

Ao ihany koa ireo mpino izay nanambady Grika, ny Grika izay tena anisan`ireo firenena Ôrtôdôksia, noho io antony io, dia voatery tsy maintsy natao batemy tao amin`ny Ôrtôdôksa ny zanany. Teny am-boalohany aloha araka ny fitantarany hatrany dia tsy nahasarika azy loatra ilay fivavahana fa dia nanatrika ny zanany mivavaka fotsiny no nataony, taty aorina kosa izy vao tena tapa-kevitra ny niroso tamin`ny fanaovana batemy ny tenany ho tena lasa Ôrtôdôksia.

Tsy izay ihany fa eo koa ireo olona mieritreritra ny ho lasa pretra any aoriana any, nefa maniry ny hanambady dia niditra Ôrtôdôksa izy ireny mba ho sady afaka mampivavaka lasa pretra no manana vady aman-janaka. Fanampin'izany ireo aim-panahy tsy takatry ny saina azo ao am-piangonana rehefa mivavaka.

**b) <u>Antony ivelan'ny mpino</u>**

Araka ny efa voalaza tany aloha dia anisan'ny antony mahatonga ny olona hiditra ho lasa mpino Ôrtôdôksa ny fisian'ireo asa sôsialy tanterahina isaky ny faritra eto Madagasikara. Mahazo tombony kokoa ny mpino Ôrtôdôksa amin'ireo asa sôsialy tanterahina ireo raha oharina amin'ny kristianina hafa. Ahitan'izy ireo tombony izany na eo amin'ny lafiny fitsaboana, na eo amin'ny lafiny fitaizana ny be antitra fa indrindra any amin'ireo sekolin-jaza isan-karazany. Noho izany dia lasa voasarika ny olona ho lasa mpino Ôrtôdôksa.

Amin'ny ankapobeny dia tsy mitory ny fiangonana Ôrtôdôksa, fa kosa misy ireo hetsika ataon'izy ireo hisintonana ny olona ho lasa mpino ao. Ny momba izany dia efa voalaza tany aloha avokoa.

**3.2.1.5 Ny fombafomba fiainan`izy ireo amin`ny andavanandro**

Ny Fiangonana Ôrtôdôksia dia manana fomba fiaina manokana izay hita ho mampiavaka azy ireo. Andeha hotanisaina eto ambany izany:

- Voalohany amin`izany ny mpianakavy dia tokony hamaky ny Evanjely sy ny taratasy voatokana ho an`ny andro tsirairay, izany hoe, efa manana andinin-tsoratra masina vakiana isan`andro ny mpino Ôrtôdôksa. Tokony hanana ireo boky masina mirakitra ny fiainan`ny olomasina, ny asa soratr`ireo rain`ny fiangonana ihany koa ny fianakaviana tsirairay.

- Manaraka izany, ny fitandremana ny karemy amin`ny andavanandro isaky ny alarobia sy ny zoma ary ireo karemy hafa mandritra ny taonan`ny Fiangonana, izany hoe, araka ny efa voalaza tery ambony dia manana ireo andro natokana ho amin`izany ny fiangonana, ary ny kalandrie jolianina na « julien » no tena ampiasainy. Ao ihany koa ny tsy maintsy anaovana vavaka maraina sy hariva, ary koa manao fiantrana amin` izay mendrika izany.

- Ny famonjena ny sorona masina, farafahakeliny indray mandeha isan-kerinandro, na matetika kokoa, ao amin`ny Fiangonana araka ny efa voalaza tery ambony dia misy fotoam-pivavahana isan`andro, indrindra amin`ny fankalazana ny olo-masina. Amin`ny

ankapobeny dia ny mpivavaka isan`alahady sy isaky ny fety na fankalazana ny olo-masina no maro ny mpivavaka raha oharina amin'ny mpamonjy vavaka an-davanandro. Ankoatra izay dia tokony handray kominio masina matetika araka ny alalana omen`ny mpampikonfesy, ny mpandray kominio tsirairay.

- Ny fanaovana ny trano ho fiangonam-pianakaviana. Izany hoe; manokana toerana hipetrahan`ireo ikôna isan`efitra.

- Ny famelana heloka haingana ary tsy malaky mitsara, eo koa ny fivavahana ho an`ireo ianjadiam-pahasahiranana. Ary farany dia tokony hijoro ho misionera mahatokin`ny ôrtôdôksa.

Ireo rehetra ireo dia fomba fiaina napetraka hiainan`ireo mpino ôrtôdôksa rehetra, moa ve tena miaina ireo rehetra ireo tokoa ny mpino ao?

Rehefa nojerenay sy nodinihinay, ary koa tamin`ny fanadihadiana nataonay dia hita fa tsy dia mahatanteraka io fomba fiaina Ôrtôdôksa io hatramin`ny farany avokoa ny mpino ao, "*ny sasantsasany amin`ireo ihany no vitako fa tsy izy rehetra".* hoy ny mpino iray tao amin`ny Fiangonana. Rehefa nanontanianay ny anton'izany izy ireo dia tsy nanome valin-teny mazava.

Na eo aza anefa ireo fomba fiaina ireo dia misy ihany ny tsy maintsy ataon`ny mpino Ôrtôdôksa rehetra dia ny fiambozonana ny hazo fijalian`I Jesoa Kristy na "la croix". Izany no atao dia ny mba hiarovana amin`ny fanahy ratsy rehetra.

### 3.2.1.6 Ny fanabeazana ao amin`ny Ôrtôdôksa

Amin'ny fanabeazana dia mandray anjara feno ny fiangonana ôrtôdôksa eto Madagasikara. Manana sekoly fanabeazana fototra 9 sy sekoly fiofanana asa (technique) 1 any Toliara ny fiangonana. Ankoatra ireo dia misy koa ny fampianarana katesizy ny ankizy any am-piangonana isaky ny asabotsy. Ampianarina ny ankizy ao ohatra ny tokony hivavahany isaky ny hanomboka sy nahavita zavatra iray.

## Famintinana ny toko faharoa

Teto amin`ity toko ity indray no nijerena ny vondron`ny mpino ao amin`ny fiangonana Ôrtôdôksa, tao anatin`izany no nanolorana ireo toerana rehetra ahitana ny fiangonana Ôrtôdôksa eto Madagasikara, izay efa miparitaka erak`ireo faritany enina eto Madagasikara. Taorian`izay no nijerena indray ny mombamomba ny Fiangonana ao Antanimena. Tato no nanolorana ny toerana misy azy sy ny isan`ireo mpino ao aminy. Manaraka izany, dia nojerena ireo antony nahatonga ny olona hivavaka sy ho lasa mpino Ôrtôdôksa, nisongadina tao ny antony avy amin`ny mpino manokana izay hita ho tena antony nahatonga azy ireo ho lasa mpino Ôrtôdôksa. Farany dia nojerena ny fombafomba fiainan`izy ireo amin`ny andavanandro izay nanolorana ireo lalàna na koa toetra tokony hananan`ny mpino Ôrtôdôksa rehetra.

Raha izany ny lafin-javatra ivelan`ny fivavahana, mba manao ahoana kosa ary ny endrika isehoan`ny fombam-pivavahana ?

## 3.3 NY FOMBAFOMBAM-PIVAVAHANA

Samy manana ny fombafomba ataony ny fiangonana tsirairay rehefa mivavaka. Samy manana ny hanitra ho azy avokoa izy ireo. tsy latsa-danja amin'izany ny ato amin'ny fiangonana Ôrtôdôksa satria izy dia manana ny fombafombam-pivavahany izay anisany mampiavaka azy. Koa ato amin'ity toko fahatelo ity indray àry ny anehoana ireo endrika isehoan'ny fombam-pivavahan'ny Ôrtôdôksa. Asongadina ato ihany koa ny fahasamihafana misy eo amin'ny fiangonana Ôrtôdôksa sy ny finoana hafa.

Andeha aseo voalohany eto ny endrika iseoan'ny fombam-pivavahan'ny Ôrtôdôksa

### 3.3.1 Ny endrika isehoan`ny fombam-pivavahan`ny Ôrtôdôksia

Tsy mitovy amin'ny fiangonan`ireo Tandrefana ny Fiangonanana Ôrtôdôksa satria ny fomba fanompoam-pivavahana dia mbola mitovy amin'ny tany niandohany foana ary ny fampianarana dia mbola eo am-pelatanàn'ny fiangonana ny ampahany betsaka. Dingana maro no lalovan`ny mpino Ôrtôdôksa rehefa hivavaka, koa andeha ho jerena voalohany etsy ambany aloha ny fotoana anatanterahana izany.

#### 3.3.1.1 Fotoana anatanterahana ny fotoam-pivavahana

Tahaka ny fomba amam-panao rehetra dia tsy ataotao foana ny fotoam-pivavahana, izany hoe, tsy izay fotoana rehetra dia mety hanatanterahana fotoam-pivavahana avokoa, fa misy fotoana manokana. Ho an`ny Ntaolo malagasy ohatra dia anisan`ny andro natokana hanaovana fomba ny alahamady, izay efa "sisa tavela" na "survivances" izy io ankehitriny noho ny fivoaran`ny toetr'andro. Io alahamady io no heveriny fa andro mitondra fanambinana sy fitahiana ary manala izay sakantsakana eo amin'ny fanatanterahana ny fombafomba iray.

Azo lazaina ho mizara roa ny hevitry ny mpino kristianina amin`ny andro anaovana ny fotoam-pivavahana amin`Andriamanitra, ao ny mivavaka isaky ny alahady, tsy vitsy ihany koa anefa ny mivavaka isaky ny asabotsy.

Ho an`ny Ôrtôdôksia manokana dia mizara roa izany dia ny andro alahady sy ny andro tsotra. Ny andro alahady no fotoana lehibe natokana hivavahana amin`Andriamanitra sy hiderana Azy. Na izany aza dia misy ihany ny fotoam-pivavahana tsotra tanterahina isan`andro ka maraina amin`ny 5 ora no mivoha ny trano fiangonana. Indroa isan`andro farafahakeliny ny fotoam-pivavahana tanterahina ao, ary mety ho ny tontolo andro satria marihina fa mivoha hatrany ny Fiangonana ary afaka mivavaka ao ny olona na misy Pretra na tsia.

Anisan’ny manavaka azy ireo io satria ny kristianina hafa amin`izao dia mihidy ny Fiangonana andavanandro raha vao vita ny fotoam-pivavahana maraina, ohatra. Mivoha ho an`ny mpino Kristianina rehetra ny fiangonana, izany hoe, na Ôrtôdôksa izy na tsia dia afaka mivavaka mangina ao. Araka izany dia tsy misy fepetra loatra ny fidirana ao amin`ny Fiangonana.

Raha izay ny fotoana ivavahany, ahoana kosa ny fizotran`ny fivavahana? Hojerena manokana ny alahady.

### 3.3.1.2 Ny fizotran`ny fotoam-pivavahana ao amin`ny Fiangonana Ôrtôdôksa

Amin`ny ankapobeny dia mizara roa ny fotoam-pivavahana, isaky ny alahady, araka, ny hahitantsika azy eto ambany. Marihina fa eo ho eo amin`ny ora roa sy sasany ny faharetan`ny fotoam-pivavahana isaky ny alahady tsotra raha tsy misy fety ankalazaina manokana, toy ny krismasy, paka. Ao amin’ny fiangonana irey izany dia tahaka izao no fizotry ny fotoam-pivavahana isaky ny alahady.

- ❖ Eo ny Fotoana tapany voalohany

  Ity fotoam-pivavahana ity dia tanterahina manomboka amin`ny 7 ora sy sasany maraina. Ny atao ao dia ny vavaka maraina, fanamasinana ny tontolo andro. Izay ahitana fihirana ny salamo, sy famakiana tenin`ny soratra masina.

- ❖ Fotoana tapany faharoa

  Ity fotoam-pivavahana ity indray dia manomboka amin`ny 8 ora maraina. Ny atao ato indray dia fanamasinana ny andro alahady, amin`ny alalan`ny fotoam-pivavahana na koa antsoina hoe “lamesa” izay ahitana fampianarana sy fanamasinana ny andro amin’ny alalan’ny hira sy vakiteny isan-karazany. Ny fanamasinana ny mofo sy ny divay, ary ny fandraisana ny fanasan`ny Tompo no ivon`ny fankalazana ny lamesa. Faranana amin`ny fanomezana tsodrano izay

arahin`ny fizarana mofo ny fotoam-pivavahana. Andeha hohazavaina etsy ambany izany rehetra izany.

- Ny fanamasinana ny mofo sy ny divay

Ny Pretra sy ny Diakra no miara-manatanteraka izany. Eto dia misy fombafomba atao isan-karazany izay mbola hohazavaina ao amin`ny litorijia etsy ambany. Rehefa vita ireo karazana fombafomba atao rehetra ireo dia miditra amin`ny fandraisana ny fanasan`ny Tompo amin`izay, na koa lazaina hoe fandraisana ny Kôminio.

- Ny fandraisana ny Kôminio

Tahaka ny amin`ny fomba rehetra indrindra fa ny fomba malagasy taloha, rehefa hamora zaza dia ny alin`ny alohan`ny hanaovana ny famorana, ny mpivady ray sy renin`ilay zaza ho forana dia tsy mahazo miray, mba tsy hanoto vintana ilay zaza sy mba hanajana azy. Dia tahaka izay ihany koa ny eto, mba hahitana fa vonona ny handray an`i Kristy sy hanaja azy dia misy fepetra manokana tsy maintsy arahina.

- Izay handray ny vatan`i Kristy rehetra dia tsy mahazo mihinana sakafo raha tsy efa avy mandray ny vatan`i Kristy. Izany no natao dia ny mba ho i Kristy no miditra voalohany ao amin`ilay mpino izay vao ny sakafo.
- Ny vehivavy manokana dia tsy mahazo mipataloha na manao akanjo na zipo fohy, ary tsy maintsy misaron-doha avokoa.
- Na iza na iza rehefa vita Batemy dia mahazo mandray avokoa. Eto dia anisan`ny mampiavaka ny mpikambana Ôrtôdôksa manokana io satria, raha jerena ohatra ny any amin`ny finoana hafa toy ny katôlika Rômana na ny Prôtestana dia izay mpikambana vita Batemy sy vita kôfermanda (Prôtestanta) na kominio voalohany (hoy ny katôlika) ihany no afaka mandray ny vatan`i Kristy.

Ny Pretra no mpampandray, ary miroso milahatra tsirairay eny aloha tahaka ny fomba fandraisana any amin`ny katôlika no atao.

Rehefa izany, dia atao ny vavaka mangina ary manome ny tso-drano ny Pretra, avy eo dia miroso eny aloha manatona ny Pretra tahaka ny fomba nandraisana ny fanasan`ny Tompo teo ihany ny olona rehetra tsy ankanavaka mba handray ny tso-drano farany omen`ny Pretra, sady izarana mofo. Dia samy mody avokoa avy eo.

Marihiana fa tsy "lamesa" no atao ao amin`ny fiangonana rehefa tsy misy Pretra fa fotoam-pivavahana tsotra na dia amin`ny andro alahady aza. Ho an`ny Ôrtôdôksa mantsy dia tsy mbola ampy ireo pretra manerana ireo paroasy eran`ny Nosy, hany ka misy ny paroasy izay tsy manana pretra ho azy manokana.

Hojerena manaraka eto indray ary ny litorijian`ny Fiangonana.

#### 3.3.1.3 Ny Litorijia

Fa inona moa no atao hoe: Litorijia?

Ny atao hoe "litorijia" *dia fombam-pivavahana iarahan'ny rehetra manatanteraka (fombafomba, vavaka, ary hira) izay alefa any amin'Andriamanitra amin'ny alalan'ny fiangonana".*[63]

Azo lazaina ho miavaka ny litorijian`ny Fiangonana Ôrtôdôksa, noho ireo fihetsika sy fiseho samihafa ataony mandritra ny fotoana hanatanterahana ny fotoam-pivavahana. Anisan`ny mampiavaka azy ireo ohatra ny fananany boky mirakitra ny litorijia izay tsy maintsy arahina isaky ny misy fotoam-pivavahana. Izany hoe, ny fotoam-pivavahan`izy ireo mandritra ny taona dia efa voarakitra anatin`io boky io avokoa, ka na aiza na aiza ahitana fiangonana Ôrtôdôksa na amin`ny fotoana inona na amin`ny fotoana inona dia tsy maintsy manaraka izay voalaza ao amin`io boky io avokoa , na ny hira atao mandritra ny lamesa izany, na ny fihetsika atao, dia tsy maintsy atao mitovy avokoa. Ary tsy miova izany mandava-taona tahaka ny any amin`ny katôlika.

[63] « Ensemble du culte public (rites, prières, chants) rendu à Dieu par l'Église… »
URL :**http// www.larousse.fr/dictionnaires/francais/liturgie/47512)**

Anisan`ny mampiavaka azy ny fananany io boky mirakitra ny litorijia io ohatra: rehefa hira fifonana no atao dia hira fifonana iray mitovy dika no atao eran`ny Fiangonana Ôrtôdôksa maneran-tany, ny fiteny isam-pirenena no maha samy hafa azy. Marihina fa samy misy io boky io avokoa eran`ny Fiangonana Ôrtôdôksa rehetra ka isaky ny misy fotoam-pivavahana tanterahina dia zaraina eny amin`ny mpino rehetra izany. Efa ao anatin`io ny hira sy ny vakiteny atao ao mandritra ny taona rehetra.

Tsy tahaka izay kosa anefa ny any amin`ny finoana hafa toy ny katôlika Rômana raha jerena. Marina fa mitovy ihany ny firafitry ny lamesa amin`ny litorijia, toy ny tenin`ny Soratra Masina atao, fa saingy ny hira atao mandritra ny lamesa no manavaka azy.

Ohatra, raha samy manao hira fifonana ny ao amin`ny ECAR ANALAMAHITSY sy ny ao amin`ny ECAR ANTANIMENA dia samy hafa ny hira ataon`izy ireo na dia samy maneho ny hira fifonana avokoa aza. Raha manao ny hira “Mamela heloka isan`andro” ohatra ny iray, ny iray kosa manao ny “fo torotoro”. Araka izany, tsy mitovy tanteraka ny zavatra atao mandritra ny fotoam-pivavahana na dia samy Katôlika Rômanina aza.

Araka izany dia mitovy avokoa ny fihetsika, ny hira izay atao any amin`ny Fiangonana Ôrtôdôksa maneran-tany, ny maha samy hafa azy fotsiny izany dia ny fitenin`ny isam-pirenana.

Noho izany dia tokana ihany ny finoana sy ny foto-kevitra ara-pôlitika ary ny rindran-damina ara-pinoana sy fombafomba atao amin’ny fotoam-pivavahana ao. Ny teny ampiasaina sy ny fombafomba madinika atao rehefa mivavaka dia miovaova arakaraka ny firenena misy azy.

Manomboka ny voalohan`ny volana septambra no taom-baovaon`ny fiangonana Ôrtôdôksa, 8 andro alohan`ny ahaterahan`i Masina Maria, ary mifarana 15 andro aorian`ny torimasom-pahafatesan`ny renin`Andriamanitra na koa antsoina hoe “la dormition de la mère de Dieu” na “Immaculèe Conception” amin`ny Katôlika Rômanina izay ankalazaina ny 15 Aogositra.

Ny fety ankalazain`ny Fiangonana Ôrtôdôksa dia manaraka ny vanim-potoan`ny Gregôriana, sy ny vanim-potoan`ny “Calendrier Julien”. Indraindray anefa mifanojo ireo vanim-potoana roa ireo. Matetika anefa dia mifanojo amin`ny fety Katôlika ny fety Ôrtôdôksa.

- Ireo fety lehibe ankalazaina ao anatin’ny taona :

a) **<u>Ny fetin’ny Paska</u>**, izay manomboka folo herinandro mialohan’ny andron’ny Paska ary mbola mitohy izany hatrany amin’ny alahady aorian’ny Pantekôty (fetin’ny olo-masina Ôrtôdôksa),

b) **<u>Ny “Octoèque”</u>** (maharitra valo herinandro) aorian’ny Paska.

Ny teny hoe :« Octoèque » dia avy tamin’ny teny grika hoe “octoèkhos”, izay midika hoe : « feon-kira valo », izy ity dia anarana nomena ny boky izay mirakitra ny hira atao mandritra ny fotoam-pivavahana rehetra , araka ireo feon-kira valon’ny “Plain-Chant”(hira tsotra tsy asiana zava-maneno) tao amin’ny Fiangonana grika. »[64]

Ny « Octoèque » araka izany dia karazana fomba atao amin`ny fotoana voatokana anaovana antsa am-bavaka sy antsa an-kira.

d) **<u>Ireo fety efa mahazatra</u>**, miovaova arakaraka ny firenena, ohatra ny Noely, ny Fiakaran’i Masina Maria any an-danitra sy ny fankalazana ny fetin’ny Masina Maria virijiny”fêtes de la Vierge”

### *3.3.1.4* Ny fihetsiky ny mpiangona mandritra ny fotoam-pivavahana

Misy karazana fihetsika maromaro ataon`ny mpivavaka sy ny Pretra rehefa ao anatin`ny fotoam-pivavahana, maro isan-karazany izy ireo , ohatra amin’izany fihetsika

---

[64] « Octoèque (du grec octoèkhos, les huit tons), nom donné, dans l'Eglise grecque, à un livre qui contient tout ce qu'on chante pendant les offices, selon les huit tons du Plain-Chant. »
(URL :***<u>http://www.cosmovisions.com/textOctoeque.htm</u>)***

ataon'ny pretra izany ny mivoaka ao amin'ny "sanctuaire" ary mandeha manodidina ny trano fiangonana rehefa mitondra ny Baiboly, mandritra izany fotoana izany kosa ny mpivavaka dia mitsangana ary miondrika sady manao amin'ny anaran'ny Ray. Ohatra azo raisina ihany koa ny fihetsika ataon'ny diakra mandritra ny fotoam-pivavahana; mivoaka matetika ny "sanctuaire" izy ao anatin'ny fotoana voafetra, mandritra izany fivoahany izany, dia misy fihetsika ataony. Tsy hary ho voatanisa avokoa. Anefa izy rehetra fa voarakitra any anatin`ny boky litorijian`izy ireo avokoa izany rehetra izany.

### *3.3.1.5* Ny fitaovana ampiasaina rehefa mivavaka

Tsy dia hita loatra ny fiavahan`ny fitaovana ampiasain`ny fiangonana Ôrtôdôksa rehefa mivavaka, ny hany misy sy tena ampiasaina ao dia ny Baiboly, sy boky mirakitra ny litorijian`izy ireo.

Raha eo amin`ny lafiny fitafy indray, dia samy manao izay akanjo tiany hoentiny ny tsirairay, fa ny vehivavy kosa dia tsy maintsy misaron-doha rehefa handray ny kominio. Ho an`ny pretra kosa indray dia tsy maintsy manao " Anteri" na antsoin`ny Katôlika Rômana hoe "soutane" irony izy ireo amin`ny fotoana rehetra afa-tsy amin`ny fanaovana fotoam-pivavahana irery ihany, eo indray izy ireny no manao "Amphie" na ilay antsoina hoe"aube" . Izany dia anisan`ny manavaka azy ireo amin`ny finoana Katôlika Rômana satria, ny Pretra na Eveka Rômana dia tsy voatery manao ireny "Anteri" ireny amin`ny andavan`andro fa rehefa anao fotoam-pivavahana ihany izy ireny vao manao azy.

Araka ny nambaran`ny Pretra nanaovanay ny fanadihadiana hatrany dia, misy antony izy ireo matoa manao ireny "Anteri" ireny. Hoy indrindra izy"*ny antony anaovana itony dia ny mba hahitan`ny olona ny tena rehefa eny an-dalana eny, mba ho fitaratra ho an`ny olona, ary koa ho fahazavana"*

Marihina fa nandritra ny taonjato maro dia nanao "soutane" ny pretra katôlika Rômana fa teo amin`ny 50 taona teo izay no nijanona io teto Madagasikara.

Tsikaritra ihany koa nandritra ny fotoana nanaovanay ny fanadihadiana fa loko matroka hatrany no loko nanaovan`ny môpera, rehefa nanontaniana ny anton`izany dia, ny loko matroka hoy izy no maneho ny fanetren-tena.

Ny anton`ireny Eveka na Pretra manao lava volom-bava ireny hoy hatrany i mômpera dia "*fialana tanteraka amin`izao tontolo izao, izany hoe; tsy mila mihaingohaingo, fa mila mijanonana amin`ny maha izy anao ihany* . *Antony faharoa dia maneho hery ny volo, izany hoe, maneho fahefana, tahaka ny Samsone taloha tao amin`ny Baiboly*."[65].

Rehefa hitatsika ny endrika isehoan`ny fombafombam-pivavahana misy ao amin`ny Ôrtôdôksa dia andeha aseo eto ambany indray ny fahasamihafana misy eo amin`ny fiangonana Ôrtôdôksa sy ny finoana hafa.

### 3.3.2 Ny fahasamihafana misy eo amin`ny Ôrtôdôksa sy ny finoana hafa.

Ato indray no ndeha hijerena ny fahasamihafana misy eo amin`ny fiangonana Katôlika Rômana sy ny fiangonana Katôlika Ôrtôdôksa, ho hitantsika ato ihany koa ny fahasamihafana misy eo amin`ity farany sy ny fiangonana prôtestanta, nalaina manokana ny FLM noho izy finoana efa nahazatra ny tenanay.  Hamaranana azy kosa avy eo ny fafana izay maneho ireo finoana telo ireo.

#### *3.3.2.1* Ny Fiangonana katôlika Rômana sy ny Katôlika Ôrtôdôksa

Asongadintsika eto indray ny fahasamihafana misy eo amin`ny fiangonana katôlika Rômana sy ny katôlika Ôrtôdôksa.

Alohan`ny hijerena ireo foto-kevitra ireo, dia andeha hofaritana fohy aloha ny hoe "Dogme".

[65] Pretra Andreas

### a) <u>Ny “Dogme”</u>

Fa inona moa no atao hoe “Dogme”?

➢ Famaritana ny teny hoe “Dogme”

Ny teny hoe: “dogme” dia avy amin’ny teny grika hoe “dogma” izay midika “hevitra” ary “ dokéô” izay midika “miseho, mieritreritra, mino”.[66]

« *Ny dôgma dia fanambarana heverina ho fototra, tsy azo iadian-kevitra ary tsy miova, najoron`ny manam-pahefana pôlitika, filôzôfia na ara-pinoana. Raha ny ara-tantara no jerena, ny dogma dia fanehoana fiekem-pinoana, ampiasaina rehefa tsy maintsy nampiasain`ny fahefana mpahay lalàna ny fepetra fanaraham-pinoana, rehefa nosazian`ny lalàna ny fivilian-dalana miohatra amin`ny zavatra manara-dalàna.*»[67]

Ny dôgma dia mifandray avy hatrany amin’ny fanjakàna, araka ny voambolana teknika sy tsikeran’ny filôzôfian’i Lalande (PUF)[68] :

- Araka ny teny niaviany : « fanapahan-kevitra ara-pôlitikan’ny mpanjaka na fivorian`olona maro. »
- Araka ny hevitra filôzôfika : « hevitra filôzôfika ankatoavin’ny fironan-tsaina iray » izay azo adika ho toy ny hevitra eken’ny olona izay manaiky fanjakana iray mitovy fampianarana aminy ;
- Araka ny hevitra ara-pinoana : « fampianaram-pinoana ankatoavin’ny mpitondra Fiangonana ».

---

[66]Publ. sous la dir. d'Olivier de La Brosse, Antonin-Marie Henry et Philippe Rouillard, ***Dictionnaire des mots de la foi chrétienne***, , Éd. du Cerf, Paris, 1989 (nouvelle édition), page 235 « Un dogme vient du mot grec δόγμα dogma : «opinion » et δοκέω dokéô : « paraître, pensée, croire»

[67] « Un dogme est une affirmation considérée comme fondamentale, incontestable et intangible par une autorité politique, philosophique ou religieuse. Historiquement, le dogme a été une formulation d'un article de foi, utilisé lorsque le critère de conformité à la foi devait être utilisé par le pouvoir judiciaire, lorsque le pouvoir temporel (historiquement, l'Empire romain d'Orient) sanctionnait pénalement les déviations par rapport à l'orthodoxie. ***<u>»( URL : //htt/ wikipedia- Dogmes)</u>***

[68] Le dogme est directement lié à la notion d'autorité, selon le Vocabulaire technique et critique de la philosophie de Lalande (PUF) :

- par son origine étymologique : « décision politique d'un souverain ou d'une assemblée »

par son sens philosophique : « opinion philosophique reconnue dans une école » qui peut être interprété comme une opinion admise entre personnes qui adhèrent à la même autorité produisant la même doctrine ;

par son sens théologique : « doctrine reconnue par l'autorité d'une Église »

Raha izay ny famaritana ny teny hoe « Dogme » dia mba inona avy àry ireo foto-kevitra ara-teôlôjian`ny fiangonana katôlika Rômana ?

**b) foto-kevitra ara-teolôjika.**

Ny fahasamihafana nisy teo amin`ireo Fiangonana roa tonta ireo dia teraka nanomboka tamin`ny fisarahana lehibe ny taona 1054 izay nisian`ny resaka fahefana pôlitika. Nanomboka hatramin`izay dia nisy ny fahasamihafana teo amin`ny lafiny maro, toy ny lafiny fomba amam-panao amin`ny fivavahana na "rite", ny asam-panahy na " spiritualités" , ao koa ny fomba fihetsika sy ny fomba fiaina amin`ny maha mpino.

Inona avy ary izy ireo?

- Ny fametrahana ny Papa ho tonga lafatra

Ny Fiangonana katôlika Rômana dia manome lanja ny Papa izay lehibe mpitarika ny Fiangonana. Amin'ny mpino katôlika Rômana mantsy, ny Papa dia heverina ho solontenan'Andriamanitra eto an-tany. Noho izany, izay rehetra ambaran'ny Papa dia ekena ary heverina fa marina avokoa. Vokatr'izany dia nanana fahefana betsaka ary tsy azo tohaina ny Papa. Tsy hotanisaina eto intsony izy rehetra fa efa voalaza tany amin'ny fizarana faharoa.

- Ny afo fandiovana

Alohan`ny irosoana amin`ny fanazavana dia andeha aloha hofaritana fohy ny atao hoe "afo fandiovana"

"Ny afo fandiovana dia dingana lalovan'ireo olona maty ao amin'Andriamanitra mba ho famonjena azy ireo, kanefa mbola mila diovina hahafahany miditra amin'ny fahasambarana any an-danitra."[69]

---

[69] « Le Purgatoire est l'état de ceux qui meurent dans l'amitié de Dieu, assuré de leur salut éternel, mais qui ont encore besoin de purification pour entrer dans le bonheur du Ciel »
(URL : ***http://fr.wikipedia.org/wiki/Purgatoire)***

Araka ny namaritan'i mômpera Claude Rolland (Pretra katôlika Rômana) azy indray dia " *ny afo fandiovana dia fanadiovana ireo fanahy tsy nadio tsara alohan'ny hidirany any amin'ny fiainam-paradisa*"

Araka izany dia toerana iray izay natokana hanadiovana ny fanahin'ireo olona efa maty ny afo fandiovana.

Ahoana àry no fahitan`ny katôlika Rômana izany?

- Ampianarin`ny Fiangonana katôlika Rômana fa ny fanahy izay tonga eto an-tany dia madio ary tsy misy fahotana. Izany hoe, ny fanahin'ireo olomasina dia sambatra avy hatrany. Ny fanahin'ireo izay nanota taorian'ny bateminy kosa, nefa niaiky fa meloka sy nifona ary nanambara ny fahotana vitany, ka na dia tsy hahatanteraka ny zavatra nasain'ny mpampiaiky heloka nataony mba hamafana ny heloka vitany aza izy dia ho voadio amin'ny afo fandiovana ihany na ho ela na ho aingana arakaraka ny vesatry ny heloka vitany. Rehefa vita ny fanadiovana an'ireo fanahy ireo dia mankany amin'ny toerana misy ny fahasambarana mandrakizay. Ny vavaka ataon'ny pretra, ny litorjia sy ny fihetsika fanampiana ny sahirana dia misy lanjany lehibe amin'ny fandiovana azy ireo. Ireo fanahy maty tao anatin'ny fahotan'olombelona na koa ny fahotana fototra kosa dia mankany amin'ny afobe na ny toerana famaizana.

Raha izay no fahitan`ny katôlika Rômana azy dia ahoana kosa no fiheveran`ny katôlika Ôrtôdôksa izany?

- Foto-kevitra iray hafa izay tsy araka ny foto-pampianarana Ôrtôdôksa ny afo fandiovana. Izy io dia toerana iray izay lazaina fa ijanon`ny fanahy mpanota mandritra ny fotoana fohifohy na lavalava. Amin`izy ireo ny olona rehetra dia tsy maintsy mizaka ny zavatra nataony teto an-tany, izany hoe, na mankany amin`ny afobe na paradisa rehefa tonga ny fitsarana farany. Fa eo anelanelan'izay dia misy toerana ipetrahan'ny fanahy. Mivavaka ho an'ireo

olona efa maty ihany ny Ôrtôdôksa mba hamindran'Andriamanitra fo azy ireo rehefa tonga izany fitsarana farany izany.

- Ny fiheverana momba an`I Masina Maria

Nitohy namolavola foto-pampianarana vaovao hatrany ny katôlika Rômana, foto-pampianarana izay mifototra amin`ny foto-pisainana rasiônalisma. Tamin`ny taon-jato faha XIX àry, dia nambara ampahibemaso ny dôgma, mikasika ny maha olona tsy notorontoronina tamin`ny fahotana tamin`ny fototra an`I Maria virijiny.

Anisan`ny maha samy hafa azy io satria, ny fiangonana Ôrtôdôksa dia mampianatra fa ny hany tokana madio tsy misy tsiny dia ny fomba nahatongavan`Ilay Zanaka Lahitokan`Andriamanitra sy Tenin`Andriamanitra ho Nofo, tamin`ny fomba tsy takatry ny saina, ary tamin`ny alalan`ny Fanahy Masina sy i Maria virijiny.

- Ny Eokaristia Masina

Tany am-boalohany fony mbola nitambatra ny fiangonana roa tonta dia ny mofo nisy leviora no nampiasaina tamin`ny Eokaristia masina. Taty aoriana anefa, nanomboka ny taon-jato faha XI dia nampiditra zava-baovao tao amin`ny sakramentan`ny Eokaristia masina ny fiangonana tarihin`ny Papa, ka nampiditra ny mofo tsy misy leviora.

Anisan`ny fanovana iray hafa nataon`ny fiangonana tarihin`ny Papa ihany koa ny filazany, fa izy no manamasina ireo fanomezana sarobidy, mofo sy ny divay ireo. Ka amin`ny alalan`ireo teny nataon`i Jesoa irery ihany no anatanterahany izany; dia ilay teny manao hoe:

*" Raiso ary hano,vatako ity"* sy *"Isotroanareo rehetra ity fa rako*" (Matio 26:26,28)

Ho an`ny fiangonana Ôrtôdôksa manokana dia hamasinina amin`ny alalan`ny fiantsoana ny Fanahy Masina ireo fanomezana sarobidy ireo, ka ny Fanahy Masina no manamasina ireo, fa tsy ny Pretra akory.

Eto ihany koa dia hita fa tsy manome ny kalisy hosotroin`ireo mpino ny fiangonana tarihin`ny Papa. Ny Ôrtôdôksa kosa dia mizara izany isaky ny mpino na iza na iza, ka efa

vita Batemy. Tsara ny manamarika fa ireo Eveka Ôrtôdôksa, nitondra tany Rôma tany aloha tany, dia nandrara ny fampiasana ny hostia tao amin`ny Eokaristia masina. Taty afara anefa, dia nofoanan`ireo Papa ny fanomezana ny kalisy masina ho an`ny mpino, ary nataony an-tery ny fampiasana ny hôstia. Tsy nazahoanay fanazavana mazava ny anton'izany.

- Ny Batemy

alohan`ny hijerena ny fahasamihafana misy eo amin`ny batemy dia andeha aloha hovahavahana ny dikan`io teny io.

> Ara-piforonan-teny, ny teny hoe "batemy" dia avy amin`ny teny grika, izay midika hoe "*manitrika tanteraka ao anaty rano"*

Ho an`ny katôlika Rômana ny Batemy dia anisan`ireo sakramenta masin`ny fiangonana, noho izany dia, tsy maintsy atao batemy avokoa ny mpino rehetra ao. Misy fepetra tsy maintsy arahina anefa vao tonga amin`io fanaovana batemy io. Ny olona atao batemy dia ny zaza ka hatramin`ny olona antitra, ka ny zaza izay atao batemy dia tsy tokony ho katôlika Rômana ny Ray aman-dreniny, ary samy efa natao Batemy tao avokoa.

Tsy dia misy fombafomba be manao akory loatra ny fanaovana batemy fa rano atete na afafifafy eo amin`ny lohan`ilay olona atao batemy no atao, avy eo hosorana menaka masina.

Ho an`ny Ôrtôdôksa kosa indray dia mbola nanaraka ny fomba hatramin`ny fiangonana voalohany izy ireo, izany hoe; batemy, miaraka amin`ny fanatsobohana ao anaty rano in-telo. Ny fiangonana fahiny mantsy, dia nanatanteraka ny batemy tamin`ny alalan`ny fanitrihana tanteraka ilay olona ao anaty rano atao in-telo.

I Papa Pelaziosy II dia nandray azy io ho toy ny didin`ny Tompo. Hazavain`ny pretra izay ao anatin`ny finoana Ôrtôdôksa fa io batemy asitrika ao anaty rano io dia niainga avy amin`ilay tenin`ny Paoly apôstôly manao hoe " *Moa tsy fantatrareo va fa isika rehetra natao Batemy ho an`i Kristy Jesoa, dia natao Batemy ho amin`ny fahafatesany. Koa niara-nalevina tamin`ny Batemy ho amin`ny fahafatesana isika, mba ho tahaka ny*

*nananganana an`i Kristy ho velona, tamin`ny voninahitry ny Ray, no handehanantsika amin`ny fiainam-baovao koa."* (Rômanina 6:3-4 )

Hazavainy hatrany fa "*Ny fanitrihana ao anaty rano in-telo dia marik'ireo andro telo izay nandevenana an`i Kristy, sy ny fitsanganany tamin'ny maty. Koa tahaka ny nandevenana an`i Kristy tao am-pasana no andevenana antsika koa ao anaty rano sy ananganana antsika indray ho olom-baovao, afaka amin`ny fahotana*."

Araka io teny io, ny fanitrihana ao anaty rano in-telo dia marik`ireo andro telo izay nandevenana an`i Kristy, sy ny fitsanganany tamin`ny maty. Koa tahaka ny nandevenana an`i Kristy tao am-pasana no andevenana ireo olona atao batemy, ho afaka amin`ny fahotana.

Indro aseho eto ambany ity sary fanaovana batemy ao amin`ny katôlika Rômanina sy katôlika Ôrtôdôksa.

**<u>Sary 21</u>**: Batemy katôlika Ôrtôdôksa



**Sary 22**: Batemy Katôlika Rômana



URL: http://commons.wikimedia.org/wiki/File:Child_baptism_with_water.jpg?

- **Filioka**

Inona moa no dikan`izany teny "filioka" izany?

Fomba fiteny nampidirin'ny Fiangonana latina tamin'ny evan'ny "Nisea Kaonstatinôpla", ahitana horonan-dahatsoratra mikasika ny fanahy masina izay nasiana fanovana : " Mino ny fanahy masina aho […], izay mialoha ny Ray." (Ny fampidirana ny "sy ny Zanaka" ( "filioque"], neken'ny fiangonana latina ary nolavin'ny Tatsinana foana, dia niteraka sakana amin'ny fifanatonan'ny fiangonana katôlika Rômana sy ny fiangonana katôlika Ôrtôdôksa)[70]

---

[70]« Expression ajoutée par l'Église latine au symbole de Nicée-Constantinople, dont l'article concernant le Saint-Esprit était aussi formulé : « (Je crois) aussi dans le Saint-Esprit […], qui procède du Père. » (L'additif et du Fils [filioque], adopté par l'Église latine et constamment rejeté par les Orientaux, a constitué l'un des obstacles au rapprochement entre l'Église romaine et les Églises orthodoxes.) » (URL :***http://www.larousse.fr/dictionnaires/francais/filioque/33728)***

« *Ho an`ny Katôlika Rômana mantsy , ny Fanahy Masina dia avy amin`ny Ray sy ny Zanaka , ho an`ny katôlika Ôrtôdôksa kosa ny Fanahy Masina dia avy amin`ny Ray ho amin`ny Zanaka*. »[71]

Ny foto-kevitra ara-baiboly izay iankinan`ireo ray masin`ny fiangonana Ôrtôdôksa, raha namolavola ny dôgma Ôrtôdôksa, mikasika io lohahevitra io izy ireo, dia izay voasoratra ao amin`ny Md Joany toko faha 15, andininy faha 26, manao hoe : « *Rehefa tonga ny Mpanafaka alahelo, izay hirahiko avy amin`ny Ray, dia Izy no hanambara Ahy* ». Izany hoe ; ny fanahy Masina dia avy amin`ny Ray, ary irahin`ny Zanaka ho amin`izao tontolo izao.

### *3.3.2.2* Ireo antony hafa manavaka azy ireo.

Tsy izay voalaza rehetra teo aloha izay ihany no manavaka ny finoana Ôrtôdôksa amin`ny finoana katôlika Rômana, fa mbola ao koa ny fiavahany eo amin`ny lafiny : fifandraisana eo amin’ny finoana sy ny fandinihana, izany hoe, ny katôlika Rômana dia miteny fa ny Ôrtôdôksa dia manome lanja ny fandinihan’ny olombelona ny zava-mitranga iray. Azo lazaina ho tsy mitovy ny asan’ny siansa sy ny lôjikan-javatra eo amin’ireo Fiangonana kristianina roa ireo, satria, ny teôlôjia skôlastika ( manaraka ny fomba fampianaran’ny sekoly teôlôjika) tamin’ny “Moyen-âge” dia heverina ho toy ny vanim-potoana nampamirapiratra ny teôlôjia katôlika Rômana nefa araka ny fijerin’ny Ôrtôdôksa azy dia tsy marina izany.

Ny fandrosoan’ny foto-kevitra : ny katôlika Rômana dia manaiky ny fisian’ny fivoarana eo amin’ny finoana mba ho azo bebe kokoa ny dikan’ny zavatra inoana sasany ary misy kônsily izay afaka manitsy izany fivoarana izany raha toa ka tsy mifanaraka

[71] « Pour les catholiques, le Saint Esprit procède du Père ET du Fils alors que pour les orthodoxes, le Saint Esprit procède du Père PAR le Fils. » (URL **: *http://www.decouvrirlagrece.com/quelle-est-la-difference-entre-religion-orthodoxe-et-catholique/)***

amin'ny finoana. Marihina fa teto  no nampisy ny dôgma vaovao toy ny finoana ny Papa sy ny "immaculée conception" na "Masina Maria  virijiny madio mangatsakatsaka".

Momba ireo fitsipika mifehy ny fiangonana dia, ho an'ny katôlika Rômana, izy no mamaritra ny lalàna ekleziastika ary mety halamina indray izany, io dia manan-kery bebe kokoa toy ny lalàna raha ampitahaina ny ao amin'ny Ôrtôdôksa.[72]

Eo amin`ny lafiny fanambadiana indray kosa dia afaka manambady fanindroany ny ao amin'ny Ôrtôdôksa rehefa misy ny fampirafesana. Ho an'ny katôlika Rômana kosa, dia sady tsy ekeny ny fisaraham-panambadiana no tsy ekena ny fanambadiana fanindroany.

- Le « salut » : ny katôlika Rômana dia miresaka momba ny "fahotana fototra" fa ny an'ny Ôrtôdôksa kosa dia ny devoly no antitrateriny. Ny katôlika Rômana miresaka momba ny fahasoavan'Andriamanitra, ny Ôrtôdôksa manome lanja ny fisian'ny angovo sy ny fampilaharana ny olombelona hitovy amin'Andriamanitra : mba ho fanakekezana an'Andriamanitra ,  ny fomba fiainan'ny moanina Tatsinanana dia mifantoka tanteraka amin'ny fahafehezana ny angovo , ny fifandian-kanina sy ny vavaka. Ny fiainan'ny moanina tandrefana kosa dia mifantoka bebe kokoa amin'ny litorjia.[73]

- Mitsangana na mipetraka ny olona mandritra ny lamesa Ôrtôdôksa isan'andro fa tsy mandohalika.

Raha izay àry ny fahasamihafana misy eo amin`izy roa ireo, dia tahaka ny ahoana kosa indray ny fisehon`izany ato amin`ny fiangonana Prôtestanta.

---

[72] Les canons (les règles ecclésiastiques) : chez les catholiques, les canons ont davantage force de loi que chez les orthodoxes. Ils définissent le droit canonique et sont susceptibles d'être réorganisés. (URL :***http://theopedie.com/spip.php?article224*****)**

[73] Le salut : les catholiques mettent l'accent sur le péché originel et les orthodoxes sur le diable. Les catholiques parlent de la grâce sanctifiante, les orthodoxes insistent sur les énergies et la divinisation : le monachisme oriental est entièrement consacré à cette divinisation à travers la maîtrise des énergies, le jeûne et la prière. Le monachisme occidental est davantage centré sur la liturgie.( URL : ***http://theopedie.com/spip.php?article224*****)**

### *3.3.2.3* Ny fiangonana protestanta sy ny fiangonana ôrtôdôksa

Ato amin`ity zana-pizarana ity indray no hamelabelarana ny tsy fitoviana misy eo amin`ny fiangonana Ôrtôdôksa sy ny Fiangonana Prôtestanta.

Ny prôtestanta môdernista dia misalasala ny hiresaka ny « fampianaran`ny Evanjely» "doctrine" na « ny finoana » « religion ». Aleon'izy ireo miteny fandresan-dahatra, fandraisana anjara na soa toavina. Nisafidy ny hisian'ny sehatra ifampiresahana sy ifanankalozan-kevitra eo amin'ny samy mpino izy ireo, indrindra eo amin'ny fanehoana ny finoany, na dia ny mpitia ny taloha « conservatrices » aza. [74]

**a) <u>Ny foto-kevitra ijoroana</u>**

Amin'ny ankapobehany, ny prôtestanta rehetra dia manaiky ireto teboka lehibe momba ny famonjena eto ambany ireto:

- « Sola gratia » Amin`ny alalan`ny fahasoavan['Andriamanitra]

Tsy mendrika hahazo famonjena avy amin`Andriamanitra ny olombelona fa omeny azy maimaim-poana fotsiny izany noho ny fitiavany azy. Izay no mahatonga ny olombelona afaka ny ho tia koa. Araka izany, miankina amin'ny fitiavan'Andriamanitra irery ihany ny mety olombelona fa tsy noho ny fahatsaràny, na ny fahamendrehany na koa ny toerana misy azy ao amin'ny fiarahamonina. Izany lanja izany dia noho ny fahafoizan'I Kristy ny tenany ho fanavotana ny fanahin'ny mpanota rehetra.[75]

---

[74] Les protestants modernistes hésitent à parler de « doctrine » ou de « religion ». Ils préfèrent convictions, engagements ou valeurs. Ils préfèrent toujours préserver un espace de discussion et d'échange entre les fidèles, particulièrement pour leurs expressions de foi, même les plus conservatrices.
(URL :***<u>http://fr.wikipedia.org/wiki/Protestantisme)</u>***

[75] Sola gratia (« par la grâce seule »)
« L'homme ne peut pas mériter son salut auprès de Dieu, mais Dieu le lui offre gratuitement par amour. Ce qui rend l'homme capable d'aimer lui aussi. Ainsi, la valeur d'une personne ne dépend que de l'amour de Dieu, et non de ses qualités, ni de son mérite, ni de son statut social. Cette valeur repose sur le prix payé par le Christ (sa mort), pour le salut des âmes de tous les pécheurs. » (URL : ***<u>http://fr.wikipedia.org/wiki/Protestantisme</u>***)

- « Sola fide » na Ny Finoana ihany no zava-dehibe

io fanomezana io dia azo avy amin`ny fifanenana manokana amin'Andriamanitra, sy amin'i Kristy irery ihany. Izany no tena finoana fa tsy foto-kevitra na zavatra nataon'olombelona. Samy manana ny endrika ipoirany izany arakaraka ny tsirairay, mety avy ho tonga tampoka, na koa vokatry ny lalana izoran`ny tsirairay. Samy manana ny fomba fiainany an'izany ny tsirairay, tahaka ny hoe valin-teniny amin'ny fanambaran'Andriamanitra ny fitiavany azy. [76]

- « Sola scriptura » Amin'ny alalan'ny Soratra irery ihany

Heverina ho toy ny mpitondra ny tenin'Andriamanitra ny Baiboly. Izay sady hany manam-pahefana tokana teôlôjika sy hany mpitarika amin`ny ambaratonga farany, ho an'ny finoana sy ny fiainana. Ny olom-piangonana izay nahazo fiofanana manokana ihany no manazava azy (fa misy koa ny olona izay nilatsahan'ny fanahy masina afaka manao izany). Amin'ny alalan'ny fijoroana vavolombelona izay ampitainy, ny Baiboly dia manoritsoritra ny foto-kevitra tokony hiainana izay iaingan'ny andraikitry ny tsirairay. [77]

- « Solus Christus » ho an'i Jesoa Kristy irery ihany

Jesoa Kristy irery ihany no mpanelanelana eo amin'Andriamanitra sy ny olombelona.

---

[76] Sola fide (« Seule la foi compte »)
« Ce don se fait à l'occasion d'une rencontre personnelle avec Dieu, en Jésus-Christ (solo Christo, par Christ seul). C'est cela la foi, non une doctrine ou une œuvre humaine. D'une personne à l'autre, elle peut surgir brusquement ou être le fruit d'un cheminement. Chacun la vit de manière particulière, comme sa réponse à la déclaration d'amour de Dieu. » (URL : ***http://fr.wikipedia.org/wiki/Protestantisme***)

[77] Sola scriptura (« par l'Écriture seule »)
« (A mettre en rapport avec le sacerdoce universel et l'éclairage indispensable du Saint Esprit)
Considérée comme porteuse de la parole de Dieu, la Bible est à la fois la seule autorité théologique et le seul guide, en dernière instance, pour la foi et la vie. Elle est éclairée par la prédication de ministres appelés par l'Église et formés par elle (mais le Saint-Esprit peut appeler d'autres prédicateurs que seulement ceux-ci). À travers les témoignages humains qu'elle transmet, elle dessine des principes de vie à partir desquels s'exerce la responsabilité personnelle de chacun. » (URL : ***http://fr.wikipedia.org/wiki/Protestantisme***)

- « Soli Deo gloria » Ho an'Andriamanitra irery ihany ny voninahitra

Andriamanitra irery ihany no masina sy tompon`ny fahefana rehetra. Ka noho izany, tsy misy asa tanan'olombelona afaka ny hiteny fa manana toetra feno, tsy azo tsapaina na itambarana, ary ao anatin'izany ny teôlôjia. Manampy izany, araka ny fiheverana hoe Andriamanitra no nanome ny fahafahana ny olombelona, ny prôtestanta, amin'ny ankapobeany dia manaiky ny fahasamihafana sy ny fahafahan'ny tsirairay eo amin'ny fiarahamonina.[78]

- « Ecclesia semper reformanda» Ny Fiangonana dia tokony ho ahitsy foana

Ny rafi-piangonana dia zavatra nataon'ny olombelona ihany. Fanampiny fotsiny. Mety ho diso araka ny tenin'I Luther. Noho izany, ny fiangonana dia tsy maintsy itsikera ny fomba fiasany sy ny foto-kevitra ijoroany amin'ny alalan'ny Baiboly. Ny katôlika Rômana nefa dia mihevitra fa tsy maintsy misy fomba mazava hitarihan'ny Fiangonana ny olona. Ny fiekena zava-misy iray sasany dia mety ho lasa dôgma (izany hoe fahamarinana tsy azo ozongozonina), avoaka avy amin'ny fivorian'ny rain`ny fiangonana , na avy amin'ny Papa satria izy ilay hoe tsy mety diso.[79]

---

[78] Soli Deo gloria (« à Dieu seul la gloire »)
« Il n'y a que Dieu qui soit sacré, divin ou absolu. Ainsi, aucune entreprise humaine ne peut prétendre avoir un caractère absolu, intangible ou universel, y compris la théologie. De plus, partant du principe que Dieu a donné la liberté aux hommes, les protestants sont généralement favorables à un système social qui respecte la pluralité et les libertés. » (URL : ***http://fr.wikipedia.org/wiki/Protestantisme***)

[79] Ecclesia semper reformanda (« l'Église doit se réformer sans cesse »)
« Les institutions ecclésiastiques sont des réalités humaines. Elles sont secondes. Elles peuvent se tromper, disait Luther. Ainsi, les Églises doivent sans cesse porter un regard critique sur leur propre fonctionnement et leur propre doctrine, à partir de la Bible. En revanche, les chrétiens catholiques pensent qu'il faut être guidé par l'Église de façon claire. La certitude peut aller dans certains cas jusqu'au dogme (vérité qui ne peut être reniée), prononcée par un concile, ou par le Pape en vertu de l'« infaillibilité pontificale ». » (URL : ***http://fr.wikipedia.org/wiki/Protestantisme***)

- « Sacerdoce universel » Ny fisoronana iombonana

Fototry ny fanovana rafitra prôtestanta, izay heverin'i Luther ho ivony, dia ny hoe izay vita batisa dia « mpaminany, pretra ary mpanjaka » eo ambanin'ny fanjakan'i Kristy irery ihany. Nanafoana ny rafitra an-tanan-tohatra nisy tao amin'ny Fiangonana izany hevitra izany. Mitovy ny lanjan'ny toerana hananan'ny olona vita batisa rehetra, na dia ny minisitry ny kolontsaina aza ( ao anatin'izany ny pasitera). Rehefa avy nianatra ny teôlôjia sy nankatoavin'ny Fiangonana izy ireo dia lasa mampianatra ny tenin'Andriamanitra eny amin'ny fiarahamonina sy ny misiona manokana miaraka amin'izay. Afaka mandray anjara amin'ny fitantanana ny raharaham-piangonana ny vehivavy amin'ny fiangonana prôtestanta sasany, nivoatra arakaraka ny firenena sy ny vanim-potoana izany.[80]

Ankoatra ireo foto-kevitra ireo dia mbola misy koa antony hafa manavaka ny fiangonana Ôrtôdôksa sy ny Prôtestanta.

❖ Antony hafa tsy mampitovy ireo fiangonana roa tonta ireo

- Ny Ôrtôdôksa dia mihevitra fa mahalala ny marina ny amin'ny momba an'Andriamanitra, ny olona sy ny fifandraisan'izy ireo. Ny protestanta nefa tsy mino afa- tsy ny voalaza ao anatin'ny Baiboly irery ihany.

- Tsy mitovy anjara asa amin'ny pretran'ny Ôrtôdôksa ny pastera ao amin'ny fiangonana prôtestanta. Ny pastera dia mpanolotsaina sy olona manam-pahaizana izay natao hanofana ny mpino sy hanoro ny lalana tokony hizorany. Mitarika ny fivavahana sy ny fizarana ny vatan'i Kristy izy. Afaka manao an'izany ihany koa

[80] Sacerdoce universel
« Principe de la Réforme protestante, que Luther considère comme central, selon lequel chaque baptisé est « prophète, prêtre et roi » sous la seule seigneurie du Christ. Ce concept anéantit les principes de hiérarchie au sein de l'Église. Chaque baptisé a une place de valeur identique, y compris les ministres (dont les pasteurs font partie). Issus d'études de théologie et reconnus par l'Église, ils sont au service de la communauté pour l'annonce de la Parole de Dieu (prédication et sacrements) et les missions particulières qui en découlent. Les femmes ont accès aux ministères de certaines Églises protestantes, cela a évolué en fonction des pays et des époques. » (URL : ***http://fr.wikipedia.org/wiki/Protestantisme***)

ny olona tsotra rehefa nahazo alalana tamin’ny fiangonana sy manana fahalalana ny amin’ny teôlôjia. Ny mpino rehetra dia afaka manao fotoam-pivavahana daholo. Ao amin’ny fiangonana Ôrtôdôksa kosa, toy ny amin’ny katôlika Rômana ny pretra rehefa milaza ny teny famotsoran-keloka eo amin’ny fibaboana dia manome ny famindra-pon’Andriamanitra tanteraka, ny pastera kosa dia mifantoka fotsiny amin’ny fampahatsiahivana rehefa eo amin’ny fotoam-pivavahana ny fampanantenana ny famindram-po avy amin’Andriamanitra “ ho an’ireo izay mibaboka sy mino” ; ny ambiny kosa dia eo amin’Andriamanitra sy ny mpino irery ihany (fanamarihana: ny anglikana dia mampiasa ny teny hoe pretra fa tsy mitovy hevitra ny amin’ny katôlika).

- Sakramenta roa ihany no ankatoavin’ny prôtestanta dia ny Batemy sy ny Eokaristia, raha toa ka fito izany ho an’ny Ôrtôdôksa: ny batemy,ny eokaristia, ny kônfirmasiona, ny fibebahana, ny mariazy, ny fanosorana ho pretra, fanosoran’ny pretra menaka ny marary. Hita any amin’ny prôtestanta ihany anefa ny sasany amin’ireo : Ny kôfirmasiona, ny fiaiken-keloka ( atao tambabe mandritra ny fotoam-pivavahana na isambatan’olona rehefa mivavaka mangina ny tsirairay), tsy manana alalana mamela heloka ny pastera. Ny fanosorana ho pasitera loterianina na ny fankatoavana ny pasitera « réformé » no misolo ny fonosorana ho pretra fa saingy misy fahasamihafana goavana ny fiheverana izany. Afaka miverina manao mariazy fanindroany ny mpino ao amin’ny fiangonana prôtestanta.

- Ny prôtestanta dia mihevitra fa famantarana sy fahatsiarovana fotsiny ny atao amin’ny fanasan’i Tompo, ny Ôrtôdôksa kosa nefa dia mihevitra fa tena ny vatan’i Kristy toy ny an`ny katôlika Rômana sy ny rà-ny no zaraina ao anatin`ny Eokaristia.

- Ny ankamaroan’ny prôtestanta dia mino ny fanatrehan’i Kristy rehefa tonga ny fandraisana ny fanasan’I Tompo: tsy famantarana fotsiny izany ny fandraisana ny fanasan’i Tompo. Efa nisy hatramin’i Zwingli anefa izany fihevitra izany fa saingy

tsy dia betsaka no manaraka izany. Ny vondrona Taizé dia nahita fomba filaza vaovao mety amin'ny Fiangonana kristianina rehetra « fahatsiarovana ny fanaovana sorona ».

- Ny fiheverana ny fisian'ny toerana fanadiovana ny fanahy alohan'ny hidirana any amin'ny paradisa, ny fanandratana olona ho olo-masina. Tsy mino ny fisian'ny olona masina ny prôtestanta, araka ny fiheverany dia tsy misy eto ambonin'ny tany izany olona miavaka amin'ny fiarahamonina izany.

- Tsy manome toerana manokana an'i Maria sady tsy mino ny amin'ny fahadiovany ny Prôtestanta. Manaiky kosa ny fahaterahan'i Kristy tamin'ny alalan`ny Fanahy Masina sy Maria anefa izy ireo.

- Rehefa mivavaka ny prôtestanta dia tsy mila mpanelanelana toa an'i Maria sy ireo olomasina. Tompon'andraikitra feno ny mpino manoloana an'Andriamainitra ka tsy mila mpanelanelana rehefa miresaka Aminy. Mino izy ireo fa Jesosy irery ihany no mpanelanelana eo amin'Andriamanitra Ray sy ny olombelona.

- Tsy dia betsaka ny fihetsika atao amin'ny fomba fivavavahan'ny prôtestanta raha ampitahaina amin'ny fiangonana kristianina hafa. Ohatra , amin`izany ny tsy fanaovan`izy ireo ny famantarana amin'ny anaran'ny Ray ( signe de croix), tsy mampiasa rano voahasina satria heveriny ho toy ny finoanoam-poana.

Andeha haravontsika amin`ny fafana eto ambany ireo fahasamihafana rehetra ireo.

### 3.3.2.4 Fafana fampitahana

**<u>Fafana 5</u>** : fampitahana ny Fiangonana Ôrtôdôksa, Rômana ary Prôtestanta

| NY LOHAHEVITRA | ÔRTÔDÔKSA | KATÔLIKA RÔMANINA | PRÔTESTANTA |
|---|---|---|---|
| NY FIFANDOVANA APOSTOLIKA | Manamafy ny fitohizan`ny fiangonana hatramin`ny nanorenan`i Kristy azy. | Manamafy ny fitohizan`ny fiangonana hatramin`ny nanorenan`i Kristy azy. | Ny fitohizan`ny fampianaran`ireo apôstôly no tena zava-dehibe noho ny fifandovana apôstôlika |
| NY VOARAKITRA AO AMIN`NY BAIBOLY | Testamenta taloha sy Testamenta vaovao | Testamenta taloha sy Testamenta vaovao | Testamenta taloha sy Testamenta vaovao |
| NY MPITONDRA FIVAVAHANA | Ny maro an`isa ao amin`ny mpitondra fivavahana dia lehilahy ary afaka manambady alohan`ny fanamasinana azy | Tsy maintsy lehilahy ary tsy mahazo manambady | Tsy misy fepetra na lahy na vavy, na koa manambady na tsia ny mpitondra fivavahana. |
| EOKARISTIA | Ny vatana aman-dràn`i Kristy dia ao anatin`ny mofo sy ny divay, ny | Ny vatana aman-dràn`i Kristy dia ao anatin`ny mofo sy ny divay, ny | Ny Eôkaristia dia fanehoana an-tsary ny fahatsaran`Andriamani |

| | | | |
|---|---|---|---|
| | eokaristia dia ahafahana mamela heloha | eokaristia dia ahafahana mamela heloha | tra fa tsy ao anatin`iny akory I Kristy. Ny Eokaristia ihany koa dia tsy afaka mamela heloka |
| NY FANAHY MASINA | Avy amin`ny Ray irery ihany | Avy amin`ny Ray sy ny Zanaka | Avy amin`ny Ray sy ny Zanaka |
| NY MARIAZY | Ny fisaraham-panambadiana dia ekena raha fampirafesana no antony. | Fiarahana nifanekena teo amin`ny lahy sy vavy. Tsy azo atao ny fisaraham-panambadiana | Fiarahana nifanekena teo amin`ny lahy sy vavy. Azo atao ny fisaraham-panambadiana |
| MARIA | Eo amin`ny fampitana heloka dia, mandà ny fahotana tamin`ny fototra ny Ôrtôdôksa.Tsy nanota araka izany i Maria. Renin`Andriamanitra izy, ary izy no niteraka an`Ilay toetra amam- | Manaiky ny fahotana tamin`ny fototra izy ireo fa i Maria irery ihany no nodiovina ka tsy tao anatin'izany fahotana tamin'ny fototra izany.<br>Renin`Andriamanitra izy, ary izy no niteraka | Nanota tahaka ny rehetra ihany i Maria, na dia nitondra an`i Jesoa kristy aza izy. Tsy virijiny intsony izy, ary tsy ivavahana koa. |

| | | | |
|---|---|---|---|
| | pomban`Andriamanitra dia i Jesoa.mbola virijiny izy, ary niakatra any an-danitra rehefa maty sady lasa olomasina. | an`Ilay toetra amam-pomban`Andriamanitra dia i Jesoa. Mbola virijiny izy ary niakatra any an-danitra rehefa maty ary nasandratra ho olomasina, efa niseho tamin`olona maro koa izy. | |
| NY PAPA | .<br><br>Mitovy ihany ny fahefan`ny Papa sy ny Eveka, ary tsy misy tombo sy ala izany. Mety ho diso izy ireo. Ary ny Fanahy Masina no loharanon`ny fampianaran`ny tsy fietezan-diso araka ny konsily ekominika. | Ny Papa no vikeran`i Kristy, izy no lehiben`ny Fiangonana sady mpandimby an`i Md Piera. Izy dia manana fahefana an-tampony amin`ny mpino katôlika Rômana rehetra, tafiditra ao anatin`izany ny resaka konsily. Lazaina fa tsy mety diso izy eo amin`ny fametrahany ny foto-pinoana, sy foto-kevitra, satria tarihin`ny Fanahy Masina | Tsy manana Papa ny Prôtestanta, mety diso ny Papa aminy, ny Baiboly ihany no loharanon`ny fampianarana tsy mety diso. |
| NY AFO FANDIOVANA | misy toerana votokana eo anelanelan`ny tany sy ny lanitra, ao no | .misy toerana fandiovana sy fiomanana any an- | Tsy misy afo fandiovana fa ny fahafatesan`I Kristy |

| | | | |
|---|---|---|---|
| | anaovana ny fanadiovana fa tsy any amin`ny toerana hafa | danitra, ao ihany koa no fanonerana ny fahotana madinika rehetra. | dia ampy analana ny helotsika. |
| NY SAKRAMENTA | Misy sakramenta 7 farafahakeliny ato, izany hoe, amin`ny Ôrtôdôksa izay rehetra fanomezam-pahasoavana avy amin'Andriamanitra dia ataon'izy ireo ho sakramenta avokoa<br><br>Ny Batemy, konfirmasiona , Eokaristia, fanamasinana, ny Fanosorana , Fanambadiana ary ny Fibebahana<br><br>Mitondra fahasoavana ho an`izay manatanteraka azy amin`ny antsakany sy an-davany ny sakramenta | Fito ny sakramenta: Ny Batemy, Konfirmasiona, Eokaristia, fanamasinana, Ny fanosorana, fanambadiana, ary ny Fibebahana<br><br>. Mitondra fahasoavana hoan`izay manatanteraka azy amin`ny antsakany sy an-davany ny sakramenta | Roa ny sakramenta : Ny Batisa sy fanasan`ny Tompo<br><br>Famantarana fotsiny ny sakramenta |
| | Karazan`olona | Karazan`olona | Olomasina daholo ny |

| | | | |
|---|---|---|---|
| NY OLOMASINA | maromaro voatokana sady masina no hajaina. Afaka mangata-javatra ho an`olombelona amin`Andriamanitra izy ireo, sady koa azo antsoina amin`ny alalan`ny vavaka | maromaro voatokana sady masina no hajaina.<br>Afaka mangata-javatra ho an`olombelona amin`Andriamanitra izy ireo, sady koa azo antsoina amin`ny alalan`ny vavaka. Tsy maintsy nahitana fahagagana roa farafahakeliny ireo mpanalalana vao azo atao hoe olomasina. | kristianina rehetra, ary antsoina izy ireo mba haka tahaka an`I Kristy, Izy irery ihany mpanelanelana eo amin`Andriamanitra sy ny olombelona |
| NY FAMONJENA | Finoana vokatry ny fitiavana ny famonjena, ary mety ho tahaka izany ny fizotran`ny fiainana. Ny tanjona dia ny hatratrarana ny firaisana amin`Andriamanitra. Mba hahazoana izany anefa dia tsy maintsy miaina tahaka ny olomasina ary maniry ny hanatona | Voavonjy tamin`ny alalan`ny fahasoavana sy ny fahamendrehana, ary ny fahatsaran`ny asan`Andriamanitra ny kristianina | Ny famonjena dia nomen`Andriamanitra maimaim-poana. Azo avy amin`ny alalan`ny fahasoavana, sy ny finoana an`I Kristy nanolotra ny tenany hamonjena antsika. Tsy maintsy hotsaraina eo anoloan`Andriamanitra avokoa ny olona rehetra. |

| | | | |
|---|---|---|---|
| | an`Andriamanitra | | |
| NY BAIBOLY | Iray amin`ireo boky loharanon`ny fanambran`Andriamanitra sy ny fomba amam-panao ny Baiboly. Ny asa-soratr`ireo olomasina sy ny fanapahan-kevitra raisina ao amin`ny konsily ihany koa dia tafiditra ao anatin`izany. | Ny soratra masina sy ny fomba amam-panao masina dia avy amin`ny fanambaran`Andriamanitra. Ny fomba amam-panao sy ny soratra masina dia ny Rain`ny fiangonana ihany no mandika azy? | Ny Baiboly ihany no tokana sy tsy mety diso ary manam-pahefana amin`ny resaka finoana sy ny fampiharana azy. |
| NY FOMBAM-PIVAVAHANA | Ny fanandratana an`Andriamanitra no ivon`ny lamesa Ôrtôdôksa, azo ankalazaina amin`ny fitenim-pirenena misy azy avy na koa amin`ny teny grika izany. | Ny fanopoana an`Andriamanitra no tena ivon`ny lamesa. Azo ankalazaina amin`ny fitenim-pirenena misy azy avy na koa amin`ny teny latina izany., | Tsy misy lalàna voafaritra ny fombam-pivavahana Prôtestanta. |

**Famintinana ny toko fahatelo**

Ny toko fahatelo no nijerena ny fiangonana Ôrtôdôksa sy ny mombamomba azy. Tao anatin'izany no nanasongadinana ny firafitry ny fiangonana izay nahitana ny rafitra sy fifandaminan'ny fiangonana Ôrtôdôksa, tarihin'I Patriarkà izany rafi-pitantanana izany arahin'ny Eveka ,sy ny pretra ary ny diakra. Nojerena tato ihany koa ny firafitry ny trano fiangonana izay hita ho tena miavaka tokoa, mizaratelo miavaka tsara izany. Taorian'izay no nijerena ny fahasamihafana misy eo amin'ny fiangonana Ôrtôdôksa sy ny finoana hafa. Ny fiangonana katôlika Rômana sy ny fiangonana prôtestanta no nentina nanavahana azy.

## FAMINTINANA NY FIZARANA FAHATELO

Nisongadina tato amin`ity fizarana fahatelo ity ny fijerena ny firafitry ny fiangonana Ôrtôdôksa, tao anatin`izany no nahitana ireo rafitra sy fifandaminana ao amin`ny fiangonana, sy ireo lafiny manodidina ny fombafombam-pivavahana amin`ny ankapobeny. Mbola anisan`ny nojerena tato ihany koa ny vondron`ny mpino misy ao amin`ny fiangonana Ôrtôdôksa eto Madagasikara, tao anatin`izany no nahitana ireo toerana misy ny Fiangonana Ôrtôdôksa rehetra eran`ny Nosy. Rehefa izany dia nojerena manokana ny fiangonana Ôrtôdoksa Antanimena amin`ny maha fototry ny asa fikarohana azy. Nivohitra tamin`izany ny isan`ireo mpino mivavaka ao, ny nahatonga azy ireo ho lasa Ôrtôdôksia, ary ny tokony ho fomba fiainan`izy ireo amin`ny an-davanandro.

Anisan`ny mbola nisongadina tato ihany koa, ny fijerena ny fombafombam-pivavahan`izy ireo. Hita tamin`izany ny fijerena ny endrika isehoan`ny fotoam-pivavahana izay hita fa anisan`ny mampiavaka azy raha oharina amin`ny finoana hafa; ny fotoana anatanterahan`izy ireo ny fotoam-pivavahana dia mizara roa tahaka izao; misy ny fotoam-pivavahana tsotra izay atao in-telo isan`andro farafahakeliny, ary ny lamesa izay atao isaky ny alahady sy rehefa misy fety an-kalazaina ao amin`ny fiangonana. Nojerena tato ihany koa ny fizotran`izany fotoam-pivavahana izany, ny litorjia izay tena zava-dehibe amin`izy ireo mihitsy noho izy io mirakitra ireo fombafomba sy ny zavatra atao rehetra mandritra ny fotoam-pivavahana, tsy adinonay koa ny nijery ireo fitaovana ampiasain`izy ireo rehefa mivavaka, izay ankoatra ny Baiboly dia mbola misy koa boky hafa izay lazain`izy ireo fa nosoratan`ireo Ray masin`ny Fiangonana avy amin`Andriamanitra. Taorian`izay dia nojerena ireo fahasamihafana misy eo amin`ny Fiangonana Ôrtôdôksa amin`ny finoana hafa, teto dia nisafidy manokana ny fiangonana katôlika Rômanina sy fiangonana Prôtestanta amin`ny ankapobeny izahay noho izy ireo akaiky kokoa amin`ny fiangonana Ôrtôdôksa.

# TENY FAMARANANA

# TENY FAMARANANA

Eto am-pamaranana no anaovana jery todika ary amintinana izay rehetra voalaza. Ny niompanan'ity asa fikarohana ity dia ny antrôpôlôjia mandalina ny finoana amam-pivavahana. Ny sehatra nodinihana anefa dia ny Fiangonana ka ny Fiangonana Ôrtôdôksa eto Madagasikara tarafina amin'ny fiangonana ao Antanimena no nojerena. Nampiasaina tato amin'ity asa fikarohana ity ny haitsikera araka anjara asa sy ny antrôpôlôjia baikoin'ny hetsika teo koa anefa ny fampiharana ny fomba fiasa antrôpôlôjika toy ny firotsahana an-tsehatra sy ny fanatonana ireo sokajin'olona samihafa manodidina ny fiangonana Ôrtôdôksa eto Madagasikara.

Tsiahivina àry fa misy fizarana telo ny asa mandrafitra ity fikarohana ity, izay ahitana toko maromaro avy. Tao amin'ny fizarana voalohany no nampahafantarana ny lafika teôrikan'ny asa fikarohana. Tao amin'ny fizarana faharoa kosa indray no nijerena ny tantaran'ny fiangonana Ôrtôdôksa sy ny fivoarany. Tao anatin'izany no nahitana fa ny fiangonana Ôrtôdôksa no anisan'ny fiangonana nipoiran'ny fiangonana kristianina, izany hoe, azo lazaina ho avy tao amin'ny Fiangonana Ôrtôdôksa no nipoiran'ireny fiangonana kristianina marobe ireny. Nivoitra tato amin'ity fizarana ity ihany koa ny tantaran'ny nahatongavan'ny fiangonana Ôrtôdôksa teto Madagasikara, tao anatin'izany no nahalalana fa efa tamin'ny taona 1948 no tonga teto Madagasikara izy ireo. Ankoatra izay dia nijery ny fivoarana nisy teo anivon'io fiangonana io ihany koa izahay ka tao no nahitana fa efa mahatratra 260 tapitrisa ny isan'ireo mpino Ôrtôdôksa maneran-tany ankehitriny, ka ny 8000 amin'ireo dia eto Madagasikara avokoa, raha mbola 6000 no isan'izy ireo tamin'ny taona 2004.

Tao amin'ny fizarana fahatelo indray kosa no niresahana ny fiangonana Ôrtôdôksa sy ny mombamomba azy. Nivoitra tamin'izany ny firafitry ny fiangonana , izay hita fa tena miavaka tokoa, amin'ireo haingo sy zavatra

mamirapiratra ao aminy. Nojerena tato amin'ity fizarana ity koa ny fahasamihafana misy eo amin'ity fiangonana ity sy ny fiangonana hafa, nosinganina manokana tao anatin'izany ny fiangonana katôlika Rômana sy ny fiangonana Prôtestanta.

Hita taratra tato amin'ity asa fikarohana ity àry fa nisy tokoa ireo fivoarana teo anivon'ity fiangonana ity, na teo amin'ny fiparitahany ara-jeôgrafika izany na teo amin'ny resaka fampandrosoana ara- tsôsialy. Izany rehetra izany no tanteraka dia noho ny fifanampiana ataon'ireo samy mpikambana any ivelany sy eto Madagasikara. voavaha tato fa na dia tsy mitory mivantana aza ity fiangonana ity dia misintona ankolaka ihany ny olona ho ao aminy amin'ny alalan'ireo asa sôsialy isan-karazany tanterahina eto.

Amin'ny ankapobeny ny fiangonana Ôrtôdôksa dia miavaka amin'ny katôlika Rômana sy FLM ary manana ny maha-izy azy tokoa na teo amin'ny lafiny finoana amam-pivavahana izany na teo amin'ny fomba fiaina amin'ny andavanandro. Hita ihany koa fa mandray anjara amin'ny asa fampandrosoana maro ity fiangonana ity.

# BOKY SY TAHIRIN-KEVITRA

BOKY SY TAHIRIN-KEVITRA

## A) Boky


- ALFEYEV,H., 2001 — *Le mystère de la foi* Introduction à la théologie dogmatique orthodoxe, Paris, p. 288

- BAIBOLY Malagasy
- BALANDIER Georges 1971. — *Sens et puissance*, PUF

- CLAUDETTE MARQUET 1977 — *Le protestantisme*, Collection Comprendre aujourd'hui, SEGHERS, Paris

- *ENCARTA JUNIOR* 2009

- GERAUD (M.O.) et all, 1988 — Cours du premier semestre Pour 05 Credits ECTS, 58p

| | |
|---|---|
| - HAMMAMI Anis | note de synthèse sur l'ouvrage « *une théorie scientifique de la culture* » DEA 124 Séminaire de Mr Pesqueux De : Bronislaw MALINOWSKI |
| - IGNACE D'ANTIOCHE, 2001 | *Lettre aux Smyrniotes*, *VIII*, 1 (vers 112), publié, dans Les écrits des Pères apostoliques éditions du Cerf, |
| - KAZHDAN, 1991 | «*Patriarchates* » vol.3, le roi Reccared |
| - Mgr Kallistos Ware, 2004 | Téoignages : *Chemins vers l'Orthodoxie* Évêque de Diokleia, Etrange et pourtant familière : Ma voi vers l`Orthodoxie, Cerf/Le sel de la terre, |
| - LAPLANTINE (F), 1987 | *Clefs pour l`Anthropologie*, Paris,Seghers, , 226p |
| - MANGALAZA Eugène (Docteur en philosophie) 2012-2013 | *Les notions clés de l'ethnologie*, Armand Colin, |

Paris, p.291

- MARX (Karl) et ENGELS (Friedrich) 2003 — « Introduction à la critique de la philosophie du droit de Hegel », Janvier 1844, cité par Jacques Ellul dans « *La pensée marxiste* »,
Ed. Table Ronde, Paris, p.216

